FIAHARABANA SY FANOLORANA

Tongasoa amin'ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra.* Manomboka dia fito herinandro hikatsahana fifandraisana ety miaraka amin'Andriamanitra isika. Nifidy ity fotoana fanararaotra ho amin'ny fitomboana sy zavatra ara-panahy atao am-pahasahiana ity isika. Ireo fito herinandro ho avy dia natokana ho amin'ny fomba fikatsahana, mitohy sy inian'ny fo, fanandramana Kristianina lalindalina sy manan-danja kokoa.

Noforonina ho amin'ny fifankazahoana am-po amin'Andriamanitra isika. Ny tantaran'ny famoronana dia manantitrantitra ny fandraisan'anjaran'Andriamanitra manokana tamin'ny famoronana antsika. Noforonina teo amin'izao tontolo izao misy ny fifandraisana amin'Andriamanitra ho foto-kevitra i Adama sy Eva. Noforonin'Andriamanitra araka ny Endriny izy ireo. Noforoniny ho amin'ny fifankazahoana am-po miaraka Aminy izy ireo. Na izany aza, nosimban'ny fahotana izany endrika sy fahazoana misafidy malalaka avy amin'Andriamanitra izany. Teraka teto amin'izao tontolo izao feno fahotana isika, miaraka amin'ny fironana mandeha ho azy amin'ny fahotana. Kanefa, teraka ihany koa amin'ny faniriana an'Andriamanitra isika. Teraka ihany koa isika ho amin'ny fifankazahoana am-po miaraka amin'Andriamanitra. Ny tanjon'Andriamanitra lehibe indrindra ho antsika, dia ny hahafantarantsika sy hifaliantsika ao Aminy.

Tsy mampandefitra velively io faniriany io Andriamanitra ka dia mikatsaka fifandraisana mitohy miaraka amintsika. Izany fikatsahana izany no nitarika Azy ho eo amin'ny hazo fijaliana teo an-tendrobohitra iray antsoina hoe Golgota. Ny fahafatesan'i Kristy dia mampahatsiahy antsika ny maha-sarobidy antsika amin'Andriamanitra. Avo ny fatran'izany faniriany hifandray amintsika izany. Hoy Izy : "Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao" (Jeremia 31:3). Nampanantena koa Izy : "Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin'ny fonareo rehetra" (Jeremia 29:13).

Ankehitriny dia maniry mafy izany fifandraisana amin'Andriamanitra izany isika. Tiantsika ny ahafantatra Azy bebe kokoa. Tiantsika ny hiditra lalina amin'ny fitiavany. Ary tiantsika ny hanandrana ny fanatrehany amin'ny fomba lehibe. Noho izany, nifidy ny hanokana ireo fito herinandro ho avy ho amin'ny fomba fikatsahana bebe kokoa an'Andriamanitra isika. Manokana 30 ka hatramin'ny 45 minitra isan'andro hivavahana sy hianarana ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fomba fianarana mitohy ireo dingana izay hitondra antsika lalindalina kokoa amin'ny maha-mpianatra.

Manasa anao izahay hijery ny fomba fiaina amin'ny maha-mpianatry Jesosy. Manasa anao izahay hanokatra ny fiainanao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra amin'ny fomba matotra noho ny tamin'ny lasa. Manasa anao izahay hanandrana an'Andriamanitra amin'ny fomba mitohy mandritra ny fito herinandro, ary hijery Azy manova ny fiainanao. Mivavaha mba hotahian'Andriamanitra ny diantsika miaraka, sy mba hitomboantsika amin'ny fitiavana Azy.

SOSO-KEVITRA METY HANAMPY

Nanolo-tena hikatsaka fifandraisana lalina miaraka amin'Andriamanitra isika. Mba hanaovana izany, dia nifidy ny handray anjara amin'ny paik'ady amin'ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra* isika. Mandritra ireo fito herinandro ho avy, dia handany fotoana miaraka amin'Andriamanitra sy ny Teniny isika. Indro misy soso-kevitra vitsivitsy hanampy antsika hanatanteraka ny tsara indrinddra amin'ity programa ity:

SABATA
Ny herinandro tsirairay dia manomboka amin'ny toriteny Sabata. Ireo loha-hevitra dia hitarika antsika ho amin'ny fifandraisana lalindalina kokoa amin'Andriamanitra amin'ny maha-mpianatra antsika. Ny fianarana isan'andro ho an'izany herinandro izany dia hanamafy sy hanatevina ny loha-hevitry ny toriteny, ka hanampy antsika hampiditra izany amin'ny fiainantsika. Ny fizarana voalohany amin'ny herinandro tsirairay dia fampidirana amin'ny herinandro sy famintinana ny iray amin'ireo *Fahazarana Masina* na fitsipika ara-panahy izay hampiasaintsika ho

isan’ny fiainam-bavaka ataontsika. Tiantsika ny handany minitra vitsivitsy ny Sabata hariva, hamerenana ny fampidirana ny fizarana sy hanomanana ny saintsika amin’ny fianarana madritra ny herinandro.

FOTOANA SY TOERANA

Hahazo ny tombony lehibe indrindra avy amin’ity programa ity, raha mifidy fotoana sy toerana tsy miova ho an’ny fianarana ataontsika isan’andro isika. Ilaintsika ny manokana 30 ka hatramin’ny 45 minitra isan’andro, ho laniana amin’ny vavaka, fianarana Baiboly, ary fandinihana lalina am-pahanginana. Tena tsara raha mifidy fotoana iray izay mahavelombolo sy mampilamina anao, ary indrindra raha amin’ny fotoana sy toerana tsy miova. Ny fotoana vao maraina matetika no tsara ho amin’ny fotoana irery miaraka amin’Andriamanitra. Matetika dia mangina ny zavatra rehetra, ka afaka manampy antsika hanomboka ny androtsika miaraka amin’Andriamanitra izany. Ilaintsika ny mifidy toerana milamina sy mangina izay mampahazo aina antsika. Tena manampy ihany koa raha toa ka toerana tsy miova ny fianarana isan’andro.

VAVAKA

Ny vavaka dia iray amin’ireo fitaovana fototra amin’ny maha-mpianatra. Tena zava-dehibe ny hanombohana sy hamaranana ny fotoanantsika miaraka amin’Andriamanitra amin’ny vavaka. Fomba iray anokafana ny fontsika sy ny fiainantsika amin’Andriamanitra sy ifandraisana Aminy izany. Misy vavaka modely na vavaka araka ny loha-hevitra atolotra amin’ny fanombohana sy famaranana isan’andro. Tiantsika ny hangataka an’Andriamanitra hanatanteraka ny Teny Fikasany fa hahita Azy isika raha mitady Azy.

DIKA-TENY ARA-BAIBOLY

Azontsika atao ny manao ny fianarantsika amin’izay dikan-teny ara-baiboly manan-danja sy mora azo kokoa ho antsika. Hanampy antsika izany raha mifidy sy mitoetra amin’ny dikan-teny ara-baiboly tsy miova ho an’ny fianarantsika isan’andro ao anatin’ny fianarana ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra.*

IREO ANDININY ATAO TSIANJERY

Isan-kerinandro dia hisy andininy atao tsianjery roa na telo. Ny fomba famerenana dia miorina amin’ny fianarana isan’andro. Hanome antsika ny andininy tsirairay amin’ny *Dikan-teny Protestanta* ireo fitaovana. Ny fisafidianana dikan-tenin’ny Baiboly izay mora kokoa ho antsika ny mahazo azy, sy ny fampiasana dikan-teny tsy miova dia hanampy amin’ny fanaovana tsianjery rehetra ataontsika. Ilaintsika ny manoratra ny andininy sy momba azy amin’ny karatra iray na taratasy kely iray, ary entintsika miaraka amintsika mandritra ny tontolo andro. Ilaintsika ny mamerina imbetsaka ilay andininy mandritra ny tontolo andro, sy mandinika ny hevitr’izany ho an’ny fiainantsika. Avy eo dia haverintsika ny andininy tsirairay, araka ny fotoana voatondro ao amin’ny *Tari-dàlana.*

IREO FAHAZARANA MASINA

Mandritra ireo fito herinandro ho avy dia hijery *Fahazarana Masina* na fitsipika ara-panahy samihafa isika. Miaraka amin’ny fahamarinana ara-baiboly, dia fitaovana ho amin’ny maha-mpianatra izay hanampy antsika hanokatra ny fiainantsika amin’ny Fanahy Masina sy ny Asany eo amin’ny fiainantsika izy ireo. Raha mampiasa ireo *Fahazarana Masina* ireo isika, dia hahita fa hifaly mihoatra noho ny hafa isika. Ny sasany amin’ireo fahazoa-manao ara-panahy ireo dia ho tonga mora kokoa noho ny sasany. Mety hahatsapa fahasarotana kely aza isika amin’ny fampiasana fahazoa-manao iray, kanefa amin’ny fampiharana, ireo fitsipika ara-panahy ireo dia ho lasa namana mahery vaika hanampy antsika hiara-mandeha amin’Andriamanitra. Ilaintsika ny mampiasa azy ireo araka izay azo atao, sy handinika ny fomba hanampian’izy ireo antsika amin’ny diantsika hamantatra sy hiara-mandeha amin’Andriamanitra.

ENDRIKY NY TARI-DALANA

Mizara ho fizarana maromaro isan’andro ao anatin’ny herinandro ity *Tari-dàlana* ity. Ny Sabata hariva dia mifantoka amin’ny fampidirana ny herinandro sy ny *Fahazarana Masina* hojerena mandritra ny herinandro. Mandehana fotsiny ao amin’ny fizarana fianarana isan’andro ao anatin’ny herinandro ary ampiasao izany fizarana izany hianarana, handinihana, ary hamaliana izay ambaran’ny Fanahy Masina aminao amin’ny fianaranao sy fandinihanao.

FEHINY
Ny fianarana isan-kerinandro dia mifarana amin’ny fizarana fehiny. Fotoana handinihana ny herinandro lasa sy hijerena ny herinandro ho avy izany. Tena tsara ho anao ny manokana fotoana isaky ny Zoma alina, handinihana ireo foto-kevitra nentin’izany fizarana izany.

FANDINIHAN’NY TENA MANOKANA
Mandania minitra vitsy amin’ny fandinihana izay tianao hotanterahina amin’ny dianao ara-panahy mandritra ireo fito herinandro ho avy. Ataovy lisitra eto ambany, fara-fahakeliny ireo tanjona ara-panahy telo tianao hotanterahina, ary angataho Andriamanitra hanampy anao hanatratra azy ireo:

1. _____
_____
2. _____
_____
3. _____
_____

HERINANDRO 1. *SABATA HARIVA* **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

FAMPIDIRANA
Manambara ny zava-misy marina ny Soratra Masina, fa maniry fifandraisana amintsika Andriamanitra. Nampanantena Izy fa hahita Azy isika raha mikatsaka Azy tokoa (Jeremia 29:11 - 13). Koa anio dia hanomboka fikatsahana iniana hatao misimisy kokoa an’Andriamanitra isika. Tiantsika ny hijery sy hahazo hoe ahoana no fomba fijerin’Andriamanitra antsika, ary inona no heveriny momba antsika. Tiantsika ihany koa ny hanomboka hahatakatra ny fitiavany antsika.

FAHAZARANA MASINA—FAMAKIANA NY BAIBOLY MIKENDRY FIFANDRAISANA
Ny Famakiana ny Baiboly miteraka fifandraisana amin’Andriamanitra kendry fifandraisana no *Fahazarana Masina* voalohany ho jerentsika sy hampiharintsika. Izany no fitsipika ara-panahy amin’ny famakiana mitohy ny Baiboly, ametrahana tanjona hahafantarana an’Andriamanitra.

Ny dingana voalohany amin’ny programa famakiana voafaritra dia ny fianarana ny fahasamihafana misy eo amin’ny famakiana mikendry fahalalana sy famakiana mikendry fifandraisana. Ny famakiana mikatsaka fahalalana fotsiny dia miezaka ny hahafanta-javatra, ny antsipiriany, ny heviny. Ny famakiana mikendry fifandraisana dia mikatsaka ny hahafantatra misimisy kokoa an’Andriamanitra sy hanorina fifandraisana miaraka Aminy.

NY FAMAKIANA ARA-BAIBOILY MIKENDRY FIFANDRAISANA dia miorina amin’ny fitsipika ara-baiboly roa :

- Ary hitady Ahy ianareo, dia ho hitanareo Aho, raha katsahinareo amin’ny fonareo rehetra. (Jeremia 29 :13, jereo koa Deot. 4 :29).
- Ary Izaho, raha asandratra hiala amin’ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy. (Jaona 12 :32).

Misy fanontaniana telo fototra manampy amin’ny famakiana mikendry fifandraisana ny Baiboly:
• Inona no ambaran’ilay andalana momba an’Andriamanitra?
• Inona no ambaran’ilay andalana momba ny tenantsika sy Andriamanitra?
• Ahoana no anampian’ilay andalana antsika hiara-mandeha amin’Andriamanitra?

VAVAKA

Tompo ô, manatona Anao aho, mikatsaka ny hitombo eo amin'ny fiarahako mandeha Aminao. Manolotra ny tenako ho amin'ireo dia mandritra ny herinandro fito, hikatsahana fifandraisana akaiky sy ety kokoa miaraka Aminao. Misaotra noho ny fitiavanao sy ny fanekenao ahy ho amin'izany fitiavana izany. Mitalaho ilay fampanantenana fa hiaraka amiko Ianao, ary mikatsaka ny hanokatra ny fiainako Aminao aho. Izany no vavako, ary misaotra Anao mihaino izany ; amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.

HERINANDRO 1. ***ALAHADY*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO
Hijery fitsipika fototra roa momba ny fikatsahana an'Andriamanitra isika. Nampanantena Izy fa raha mikatsaka Azy isika, dia ho hitantsika Izy. Ary nilaza tamintsika Jesosy fa hotaomina ho eo Aminy isika rehefa asandratra Izy. Koa tiantsika ny hampiasa ireo fitsipika roa ireo sy hifantoka amin'ny fikatsahantsika an'Andriamanitra.

VAVAKA
Ray be fitiavana ô, manatona Anao aho anio, mikatsaka Anao misimisy kokoa. Sokafy ny saiko sy foko raha hanokatra ny Teninao aho, ary mamaly ny antsonao hikatsaka Anao. Iraho ny Fanahy Masina hanampy ahy hahita Anao anio. Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Eto ambany, dia ho hitanao ilay andininy iray voalohany atao tsianjery amin'ireo roa mandritra ity herinandro ity. Fidio izay dikanteny tianao ampiasaina. (Malalaka ianao amin'ny fisafidianana dikanteny hafa.) Avy eo, soraty amin'ny karatra kely iray ilay andalana sy ny momba azy, ary ento miaraka aminao mandritra ny andro manontolo. Averimbereno imbetsaka manomboka eo, ary amin'ny fiafaran'ny fianarana ataonao anio. Miezaha tsy hanao diso. Ampiasao ilay karatra kely hamerimberenana imbetsaka ilay andininy atao tsianjery mandritra ny andro manontolo, ary diniho izany andalana izany sy izay heviny ho anao.

Jeremia 31:3__ "Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe : Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao. "

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hitodihana amin'ny Baiboly sy handinihana hoe inona no nomanin'ny Tenin'Andriamanitra ho antsika androany. Tiantsika ny hamantatra hoe ahoana no hahafantarana Azy misimisy kokoa.

VAKIO JEREMIA 29:11 - 13--- (Fidio ihany ny dikanteny ara-baiboly izay tena manan-danja ho anao.)

Inona no loha-hevitra fototra ao amin'io andalana io izay miteny ao am-ponao anio?

_____

_____

Inona no ambaran'io andalana io momba an'Andriamanitra, ary inona no ilainy ho anao?

_____

_____

VAKIO JEREMIA 31:3--- Alaivo sary an-tsaina hoe milaza ireo teny ireo aminao Andriamanitra.

Inona no ambaran'io andalana io aminao momba ny fitiavan'Andriamanitra ho anao anio ? Inona no sary momba an'Andriamanitra tonga ao an-tsainao eo am-pamakiana ireo teny ireo?

_____

_____

Amin'ny fomba ahoana no tianao hitarihan'Andriamanitra anao ho eo Aminy anio?

_____

_____

VAKIO JAONA 12:20-33--- Ampiasao ny sainao hahita sary ny toe-javatra voambara ao amin'io andalana io.

Amin'ny fomba ahoana no ahafahanao mampitahy ny tenanao amin'ireo Grika izay naniry hahita an'i Jesosy? Iza no mety ho Filipo sy Andrea eo amin'ny fiainanao, hanampy anao hahafantatra an'i Jesosy?

_____

_____

MIFANTOHA AMIN'NY ANDININY 32. Amin'ny fomba ahoana no tianao hahitana an'i Jesosy «misandratra» anio?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin'ny vavaka ny fotoana fianaranao. Azonao atao ny mivavaka toy izao:

Ray any an-danitra ô, manatona Anao am-pisaorana aho anio noho ny fitiavanao izay mitaona ahy ho eo aminao. Mikatsaka ny hiara-mandeha Aminao aho anio. Ampio aho hihevitra ny momba Anao sy ny fitiavanao mandritra ity tontolo andro ity. Iraho ny Fanahy Masina hitarika ny fiainako manontolo anio. Amena.

HERINANDRO 1. ***ALATSINAINY*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hamantatra ny dikan'ny hoe noana an'Andriamanitra. Tiantsika ny hahatsapa ny faniriana hahalala an'Andriamanitra izay nomeny ny tsirairay avy amintsika. Izany hanoanana izany dia manampy antsika hikatsaka Azy. Arakaraka ny ahatsapantsika izany hanoanana izany, no hikatsahantsika antsika an'Andriamanitra misimisy kokoa.

VAVAKA
Andriamanitra mahery ô, misy zavatra mitarika ahy ho eo Aminao ao anatiko ao. Misaotra Anao aho noho izany, raha manatona Anao sy mitady Anao. Mitenena amiko amin'ny alalan'ny Teninao. Iraho ny Fanahy Masina haneho amiko ny sitraponao anio. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Raiso ilay karatra izay nanoratanao ny andininy atao tsianjery omaly (Jeremia 31:3), na miverena any amin'ny pejy 5 amin'ity tari-dàlana ity, ary avereno izay natombokao natao tsianjery omaly. Avy eo, diniho izay ambaran'io andalana io momba anao sy ny dia ataonao miaraka amin'Andriamanitra. Azonao atao ny manoratra eto ambany eto ny sasany amin'izany fiheverana izany:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao handinihana izay ambaran'ny Baiboly amintsika momba ny hanoanana na faniriana hahalala an'Andriamanitra.

VAKIO SALAMO 63:1--- Ahoana no ampitahan'io andalana io ny fanirianao hahalala an'Andriamanitra misimisy kokoa? Manaova lisitry ny sasany amin'ireo fomba izay anirianao hahafantatra an'Andriamanitra misimisy kokoa:

_____

_____

Manaova lisitry ny sasany amin’ireo fomba izay anirianao hahafantatra an’Andriamanitra misimisy kokoa:

_____

_____

VAKIO SALAMO 34:8--- Inona no sary foronin’io andalana io ao an-tsainao ? Amin’ny fomba ahoana no hanirianao « hanandrana sy hizaha fa tsara Jehovah? »

_____

_____

VAKIO MATIO 14:13 - 23---Alaivo sary an-tsaina hoe ho nanao ahoana re raha teo ianao tamin’io andro io. Inona ireo ampahany amin’io tantara io izay miteny aminao?

_____

_____

Nahoana no heverinao fa naniry ho irery Jesosy? Nahoana no heverinao fa noana fotoana hiarahana amin’ny Rainy Izy?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Azonao atao ny mamarana ny fotoana fianaranao amin’ny vavaka toy izao:

Ray any an-danitra ô, noana misimisy kokoa Anao aho. Ampio aho mba hanandrana fa tsara Ianao anio. Ampio aho hahita Anao amin’ireo toe-javatra manodidina ahy. Raiso ity andro ity ary fenoy ny fanatrehanao izany. Mangataka ilay fampanantenana nataonao hiaraka amiko aho. Amena.

HERINANDRO 1. ***TALATA*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO
Anio, dia mifantoka amin’ny fahaterahan’i Jesosy sy ny maha-izy Azy. Tiantsika ny hamantatra hoe inona no lazain’ity ampahany amin’ny tantaran’i Jesosy ity mikasika ny fomba ikatsahan’Andriamanitra antsika ary manao ahoana ny maha-zava-dehibe antsika ho Azy.

VAVAKA
Ray any an-danitra ô, ampio aho hianatra avy amin’i Jesosy sy ny fiainany. Manokatra ny foko sy ny saiko Aminao aho. Asehoy ahy ny fitiavanao raha mamaky ny Teninao aho. Ampio aho hahalala misimisy kokoa an’i Jesosy. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio, dia mbola hamerina ny Jeremia 31:3. Avereno indray io andininy avy ao amin’ny pejy 5 io , ary diniho hoe amin’ny fomba ahoana no hanampiany anao hahazo ny fomba fahitan’Andriamanitra anao. Mariho eto ambany izay rehetra tonga ao an-tsainao:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Ankehitriny dia hitodika amin’ny Tenin’Andriamanitra ho amin’ny fianarana sy fandinihana anio isika. Tiantsika ny hifantoka amin’ny tantaran’ny nahaterahan’i Jesosy sy ny hevitr’ireo anarana nomena Azy.

VAKIO MATIO 1:18-25---Ampiasao ny sainao hieritreretana momba izay mety ho noheverin’i Josefa rehefa niresaka taminy ny anjely. Inona no mety ho tsapanao sy noheverinao raha toa ka ianao no Josefa?

_____

_____

VAKIO MATIO 2:1-12---Alaivo sary an-tsaina hoe hanao ahoana re ny hoe nanatrika teo sy nahita ireo Lehilahy Hendry na Magy tonga hijery an'i Jesosy. Inona no ambaran'ny fanompoana nataon'izy ireo momba an'i Jesosy?

_____

_____

VAKIO LIOKA 2:1-20---Mifantoha misimisy kokoa amin'ireo andininy 10-11. Inona no asehon'ireo andininy ireo momba an'i Jesosy?

_____

_____

MIVERENA AO AMIN'NY MATIO 1:21, 23---Ahoana no hisian'ny fiantrakany avy amin'ireo anarana roa: "Jesosy" sy "Imanoela" eo aminao?

_____

_____

Inona no hevitry ny tantaran'ny fahaterahan'i Jesosy ho anao? Inona no ambaran'izany aminao momba ny fanirian'Andriamanitra hanana fifandraisana manokana amintsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin'ny vavaka toy izao ny fotoana fianaranao:

Ray be fitiavana ô, misaotra Anao noho ny fahaterahan'i Jesosy sy ny fanomezana ny Zanakalahy tokanao ho Mpamonjy ahy. Ampio aho hahafantatra ny maha-misy marina ny « Amiko Andriamanitra. » Asehoy ahy ny fitiavanao. Ampio aho hanokatra ny fiainako ho amin'ny fanatrehanao anio. Amena.

HERINANDRO 1. ***ALAROBIA*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO
Ny ifantohan'ny fianarantsika anio dia ny fomba nandraisan'i Jesosy ilay vehivavy Samaritana teo amin'ny fantsakan'i Jakoba. Tiantsika ny hijery ny fiantraikan'ny herin'i Jesosy teo amin'ny fiainany ary hamantatra hoe ahoana no ahafahan'Andriamanitra manao zavatra mitovy amin'izany eo amin'ny fiainantsika.

VAVAKA
Andriamanitra mahery ô, ampio aho hahita ny famindrapon'i Jesosy eo am-pamakiana sy eo am-pandinihana ity tantara ity. Mitenena ao am-poko ary fenoy ny fitiavanao aho. Ampianaro hanompo Anao aho, ary ampio aho hanolotra tanteraka ny tenako ho Anao. Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia manomboka andininy iray vaovao atao tsianjery isika, Salamo 34:8. Araho ilay fomba nampiasaintsika tamin'ny Alahady, ary soraty amin'ny karatra ilay andininy sy ny mombamomba azy hanampy anao hamerina sy handinika izany andalana izany mandritra ny andro.

Salamo 34:8---"Andramo ka izahao fa tsara Jehovah ; sambatra izay olona mialoka aminy. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Ilaintsika ihany koa ny mamerina ny andininy tamin'ny Alahady (pejy 6). Ny famerimberenana izany imbetsaka mandritra ireo andro amin'ny herinandro, dia mamindra ilay andalana ho ao amin'ny fitadidiantsika maharitra ary rehefa ela ny ela dia ho lasa fisainana sy fiainantsika izany.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hitodihana amin'ny Baiboly sy hijerena izay tian'Andriamanitra hampianarina antsika momba ny fomba fanatrarany antsika.

VAKIO JAONA 4:1 - 9---Efa nahatsapa tena toy ny nilaozana ve ianao? Inona no ambaran'ity ampahan'ny tantara ity momba an'i Jesosy sy ny fomba fandraisany ny olona? Manao ahoana no fiheveranao an'i Jesosy mifandray aminao?

_____

_____

VAKIO JAONA 4 :10-14---Inona no dikan'ilay « rano velona » resahin'i Jesosy ho anao, ary manao ahoana ny fanirianao hanandrana izany eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

VAKIO JAONA 4 :15-26---Misy fotoana ve ahatsapanao an'Andriamanitra manatona akaiky kokoa ireo olana eo amin'ny fiainanao? Inona no azonao ianarana avy amin'io tantara io izay hanampy anao hisokatra amin'Andriamanitra?

_____

_____

Inona no hevitry ny hoe manompo an'Andriamanitra amin'ny fanahy sy ny fahamarinana? Ahoana no ahazoanao mampihatra izany fiheverana izany eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

VAKIO JAONA 4 :28-30, et 39-42---Diniho hoe inona no nozarain'ilay vehivavy Samaritana tamin'ireo olona manodidina azy? Inona no maha-zava-dehibe ny fanandramana isam-batan'olona miaraka amin'Andriamanitra, ary inona ireo fiantraikan'izany eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

Diniho ny andininy atao tsianjery anio, Salamo 34:8. Ahoana no ahafahantsika manandrana ny fahatsaran'i Jehovah anio?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin'ny vavaka toy izao ny fotoana fianaranao:

Andriamanitra mahery ô, ampianaro aho hahita ny tenako tahaka ny fahitan'i Jesosy ahy. Ampio aho hijery ny ao ambadiky ny fahotako hahita ny fitiavanao. Ampio aho hanompo Anao amin'ny fanahy sy ny fahamarinana mandritra ity tontolo andro ity. Ampiasao aho hijery ireo rehetra manodidina ahy tahaka ny ijeren'i Jesosy ahy. Amena.

HERINANDRO 1. ***ALAKAMISY*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO

Anio isika dia hifantoka amin’ny hoe nahoana no tonga teto an-tany Jesosy. Izay no fomba lehibe indrindra nampiasain’Andriamanitra hanatrarana antsika sy hitaomana antsika ho eo Aminy. Hanomboka amin’ny fandinihana ny tanjony tamin’ny nahatongavany hamonjy antsika isika.

VAVAKA
Andriamanitra any an-danitra ô, ampio aho hahazo ny halebehin’ny fitiavanao ahy. Sokafy ny foko sy ny saiko ho amin’ny fitiavanao marina sy ny antony nahatongavan’i Jesosy tety ho velona sy ho faty. Iraho ny Fanahy Masina hampianatra ahy anio. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia hamerina ny Salamo 34:8 isika, ilay andalana izay nataontsika tsianjery nanomboka omaly. Ampiasao indray ilay karatra nanoratanao ilay andininy, ary avereno sy diniho izany mandritra ny tontolo andro. Inona no ambaran’izany andalana izany aminao?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Ankehitriny dia hitodika amin’ny Baiboly isika, hianatra sy handinika izay tian’Andriamanitra hampianarina antsika anio.
VAKIO JAONA 17 :3--- Ampahany amin’ny vavaka nataon’i Jesosy io. Inona no ampianarin’io anao momba ny antony nahatongavan’i Jesosy? Inona no fototry ny famonjena antsika?

_____

_____

VAKIO JAONA 18 :28-37---Ampiasao ny sainao haka sary an-tsaina izay niseho teo amin’ny toeram-pitsaran’i Pilato. Notsaraina Jesosy. Inona no ambaran’ny andininy 37 momba ny antony nahatonga an’i Jesosy ho teo?

_____

_____

VAKIO GALATIANA 4 :4-7---Asehon’ireo tenin’i Paoly mazava ny antony nahatonga an’Andriamanitra naniraka ny Zanany Lahy. Inona no ambaran’izany andalana izany aminao? Ho anao, inona no hevitr’izany hoe mahafantatra fa manana ny toetra sy ireo zon’ny zanak’Andriamanitra ianao?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin’ny vavaka toy izao manaraka izao ny fotoana fianaranao:

Andriamanitra Fitiavana sy Famonjena ô, tonga Jesosy satria raha tsy nisy Azy dia tsy nanana fanantenana izahay. Ampianaro anay ny fitiavanao, ary ampio izahay hiaina izany ao am-ponay sy ao an-tsainay mandritra ity andro ity. Iraho ny Fanahinao hanao izany fitiavana izany ho zava-misy marina ho anay, hahatonga ny fonay hifanaraka Aminao. Amena.

HERINANDRO 1. ***ZOMA*** **ANDRAMO KA IZAHAO IZY**

NY TANJONA ANIO
Anio dia hifantoka amin’ny fanasan’i Jesosy ho amin’ny maha-mpianatra isika. Handinika ny fomba niantsoany ireo roa ambinifolo hanaraka Azy isika ary hijery ireo fomba niantsoany antsika hanaraka sy hiaraka Aminy. Ny mpianatra dia ilay miara-mandeha, mianatra avy aminy, ary mivelona am-panoloran-tena tanteraka amin’ny mpampianatra mba hahatonga azy ho tahaka ilay mpampianatra. Niantso antsika ho amin’ny maha-mpianatra Jesosy.

VAVAKA
Andriamanitry ny tany sy ny lanitra ô, ampianaro aho fa maniry hiaraka amiko Ianao. Sokafy ny foko mba ahafantarako Anao sy hanolorako tena tanteraka Aminao ho Tompo sy Andriamanitra. Ampianaro aho hanaraka Anao ary ampio aho hanandrana ny tantaran'ny maha-mpianatra. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tonga indray izao ny fotoana hamerenana ny andininy atao tsianjery ao amin'ny pejy 12---Salamo 34:8. Mandania minitra vitsivitsy hamerenana izany andalana izany sy handinihana hoe manao ahoana ny fanirian'Andriamanitra antsika hanandrana ny Fahatsarany.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Ankehitriny dia hitodika amin'ny Soratra Masina isika hijery sy handinika ireo fomba niantsoan'Andriamanitra antsika hanaraka Azy.

VAKIO JAONA 1:35-46---Mariho fa ny antson'i Jesosy ho an'ireo mpianany dia manomboka amin'ny fanasana hoe «Avia… fa ho hitanareo» (andininy 39, 46). Efa nandramanao ve ny antson'Andriamanitra anao hoe « Avia ary zahao ? »

_____

_____

Mariho fa ny dingana manaraka ny antso ho amin'ny maha-mpianatra dia « Manaraha Ahy » (andininy 43). Amin'ny fomba manao ahoana no ahazoanao manaraka an'Andriamanitra? Ahoana no fomba anasan'ny Fanahiny anao?

_____

_____

VAKIO MARKA 1 :14-20---Mariho indray fa mbola manasa ireo mpianatra hanaraka Azy Jesosy. Mariho ihany koa fa ny fanasana dia tonga amin'ny tontolon'ny asa aman-draharaha amin'ny fiainana andavanandro. Manao ahoana ny fanasan'Andriamanitra anao hanaraka Azy ary amin'ny tontolon'ny fiainanao manao ahoana no ahatongavan'izany fanasana izany anio?

_____

_____

VAKIO MARKA 3 :13-15---Mariho fa ny dingana farany amin'ny maha-mpianatra feno dia ny fanasana hiaraka amin'i Jesosy. Miantso antsika ho amin'ny fanatrehany manokana Andriamanitra. Maniry antsika hiaraka Aminy Izy. Amin'ny fomba manao ahoana ary amin'ny tontolo manao ahoana eo amin'ny fiainanao no ahazoanao miaraka amin'i Jesosy?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin'ny vavaka ny fotoana fianaranao. Mety irinao ny hangataka izao manaraka izao:

Andriamanitra ô, tiako ny hamaly ny fanasanao hanaraka sy hiaraka Aminao. Mifidy ny ho mpianatrao aho. Ampianaro ahy ny hevitry ny hoe manokatra ny fiainako ho amin'ny Fanahinao. Ampio aho hiaina ity andro ity amin'ny fahatsapana ny fanatrehanao ary hanolo-tena tanteraka amin'ny fitarihanao. Ataovy andro iray hianarako hanaraka Anao amin'ny fahafenoany ity andro ity. Amena.

HERINANDRO 2. ***SABATA HARIVA*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

FAMPIDIRANA

Vaovao mahafaly ity! Ny Filazantsara izany! Ary toeram-pifanandrinana izany. Mifanandrina momba ny dikany isika. Miady hevitra momba ny teolojia isika. Miresaka momba ireo fiantraikany isika. Kanefa mahalana no ampiharantsika izany. Eo afovoan'ireo fifanandrinana izay mampisaratsaraka ny fiangonana, dia miady momba ny lalàna sy ny fahasoavana isika. Antsointsika amin'ny anararana samihafa ny tsirairay, mamorona ny vondrona ho antsika manokana isika ary mampitoetra irery ny tenantsika ao amin'ny lapan'ny teolojiantsika, mifampahery fa manana ny fahamarinana isika.

Na dia izany aza, matetika dia miady amin'ny fiainana feno fahanginan'ny fahadisoam-panantenana isika--- mikatsaka hanao izay tsara ary manantena indray andro any fa hahita ny fiadanana nampanantenain'i Jesosy. Ny Kristianina salatsalany amin'izao fotoana izao dia manana saina feno hevitra, kanefa loha feno fisafotofotoana sy fo feno fanaintainana.

Niadiana hevitra ara-teolojia nandritra ny taonjato maro ny filazantsara. Ary tsy afa-miala amin'izany ady hevitra izany isika. Na dia toa lalina aza izany ka hianarantsika mandritra ny mandrakizay, dia mora foana ho an'ny ankizy iray ny mahazo izany. Na dia azo faritana sy ambara amin'ny fomba maro aza ny filazantsara, miaraka amin'ireo fahasamihafana ara-teolojia, ny tsotra indrindra no tsara indrindra:

FAMARITANA: NY FILAZANTSARA NO VAOVAO MAHAFALY IZAY NAMAHAN'I JESOSY NY OLAN'NY FAHOTANA--- TAMIN'NY LASA, ANKEHITRINY ARY HO MANDRAKIZAY! NATAONY IZAY REHETRA NILAINA HAMONJENA ANTSIKA!

Amin'ny vanin'andro toa mahavery fanantenana izao tontolo izao, dia mbola mitoetra ho "vaovao mahafaly" foana ny filazantsara. Mbola mitohy mitondra zava-misy vaovao eo amin'ireo fiainana izay mitady fatratra fahalalana sy fanantenana ny filazantsara. Eo amin'izay amatoran'ny fahotana ny fon'ny olombelona sy ny fiainany, dia mbola manan-kery handravana ireo rojo vỳ izay mamatotra antsika ny filazantsara.

Manambara i Paoly fa "mpitandrina ny zava-miafiana izay an'Andriamanitra" (1 Korintiana 4:1) isika. Na izany aza, tsy ampy ny fahafantarana fotsiny ny hevitra momba ny filazantsara. Na dia ny devoly koa aza mahafantatra izany hevitra izany. Amin'ny maha-mpitandrina ny zava-miafin'ny filazantsara antsika, dia tsy maintsy mandeha mihoatra ireo teny ahazoam-pahalalana isika, hanaiky ary hiaina ireo "vaovao mahafaly" iankinan'aina eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Ny teny hoe "zava-miafina" dia mahatonga ao an-tsaina fa misy zavatra iray momba ny filazantsara izay mihoatra lavitra ny fahatakarana sy fanazavan'olombelona. Tsy azontsika atao ny hahafantatra amin'ny fahafenoany ny fitiavan'Andriamanitra na ny halalin'ny fahoriana niaretany namonjena antsika. Tsy ho takantsika ny halebehin'ny lanitra nidina eto an-tany--- ilay Andriamanitra tonga nofo. Manaiky izany am-pinoana fotsiny no azontsika atao. Kanefa, azontsika atao ny manandrana ny maha-misy marina ny famonjena. Azontsika atao ny mahafantatra ny fiainana mandrakizay amin'ny fotoana hinoantsika (1 Jaona 5:13).

Ahoana ary no ahafahan'ny filazantsara manana izany hery izany eo amin'ny fiainantsika? Ahoana no ahazoantsika manatratra izany fanandramana izany? Izany rehetra izany dia manomboka amin'ny fanekentsika izany ho antsika--- fanekena am-pinoana ny maha-misy marina ny fahafatesan'i Jesosy ho antsika sy ny fitiavan'i Kristy antsika. Noho izany, mandritra ity herinandro ity dia hijery ny filazantsara sy ny fomba hitondran'izany fanovana eo amin'ny fiainantsika isika.

Ny fanandramana ny famonjena no toeram-panombohana amin'ny dia Kristianina. Raha tsy misy ny fahazoana antoka fa manaiky, mamela heloka, ary mamonjy antsika Jesosy, dia hataontsika noho ny antony diso ny zavatra rehetra. Ny fiarovana avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny famelan-keloka no fototry ny dia isan'andro ataon'ny mpianatra.

IREO TANJONA MANDRITRA ITY HERINANDRO ITY
Tiantsika ny hahatanteraka ireto tanjona manaraka ireto raha eo am-pianarana isika mandritra ity herinandro ity:

• Miatrika am-pahatsoram-po ny maha-mpanota antsika sy ny filantsika famonjena.
• Mahazo fa ny famonjena dia fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra.
• Manaiky sy/na manambara ny fanekentsika ny famonjena sy ny fifaliana ao amin'izany famonjena izany.
• Manaiky ny fiainana vaovao izay antsika ao amin'i Kristy rehefa manaiky Azy ho Mpamonjy isika.

FAHAZARANA MASINA---VAVAKA
Ny Vavaka no *Fahazarana Masina* na fitsipika ara-panahy tiantsika hifantohana mandritra ity herinandro ity. Tena marina fa ny vavaka dia ampahany iankinan'aina eo amin'ny diam-panompoana isan'andro miaraka amin'Andriamanitra, kanefa tiantsika ny hijery ity fanao ity hahafantarantsika misimisy kokoa azy sy hahatonga antsika haniry hampiasa ity fitaovana mahery vaika ity eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Amin'ny fahafenoany, ny vavaka dia fihaonan'Andriamanitra masina miaraka amin'ny zanany izay noana fahamasinana. Zanaka voadio, mitady ireo tombam-bidy madio eo anoloan'Andriamanitra Izay manao lahara-pahamehana ny famahanana ilay mpianatra noana. Ny vavaka dia ireo fanahy tsara mangataka zavatra tsara— ary ny tsara indrindra amin'ny zavatra rehetra dia Jesosy tenany mihitsy.— Calvin Miller, Into the Depths of God (Ao Amin'ny Halalin'andriamanitra), p. 111

Hetsika ny vavaka. Midika fanatonana an'Andriamanitra izany. Amin'ny maha-olombelona mpanota antsika, dia manana tombontsoa manatona ny fanatrehan'Andriamanitra Masina isika. Midika ho fisokafana amin'Andriamanitra ny vavaka raha mizara ny momba ny tenantsika Aminy isika. Izany hoe miseho miharihary sy malemy eo amin'Andriamanitra isika --- maniry Azy hijery sy hahafantatra antsika amin'ny maha-isika antsika. Midika ho fizarana ny momba antsika amin'Andriamanitra ny vavaka, ary famelana Azy hizara amintsika ny momba Azy.

Ambonin'ny zavatra rehetra, ny vavaka dia resaka atao amin'Andriamanitra. Resaka ifanaovan'ny roa izany ao amin'ny fifandraisana èty miaraka Aminy. Amin'ny maha-resaka azy, dia midika izany fa manana tombontsoa mihaino Azy sy miresaka Aminy isika. Noho izany ny vavaka manan-kery dia manana endriny roa--- mihaino sy mizara amin'Andriamanitra.

Ny vavaka dia fanokafana ny fo amin'Andriamanitra toy ny amin'ny namana. Tsy hoe ilaina izany mba hampahafantarana ny momba antsika an'Andriamanitra, fa mba hahatonga antsika handray Azy. Tsy mahatonga an'Andriamanitra hidina ho eo amintsika ny vavaka, fa mampiakatra antsika ho eo Aminy.-Ellen White, Steps to Christ (Ny Dia ho eo Amin'i Kristy), p. 93.

Ampahany iankinan'aina amin'ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra* ny vavaka. Fitaovana fototra amin'ny fikatsahana an'Andriamanitra izany. Noho izany, tiantsika ny hampiasa ny vavaka ho amin'ny fomba roa samihafa:

Hampiasaintsika ho ampahany feno amin'ny fianarana isan'andro ny vavaka. Hatomboka ary hofaranana amin'ny vavaka ny fotoam-pianarana tsirairay. Manasa anao ihany koa izahay hivavaka mandritra ny fotoam-pianaranao. Angataho Andriamanitra hanampy anao hahita fifandraisana lalindalina kokoa miaraka Aminy.

Tiantsika ny hampiasa ny vavaka ho ampahany amin'ny fiainantsika mandritra ny tontolo andro. Andeha atao foto-kevitra ny firesahana ireo antsipirian'ny androntsika amin'Andriamanitra mandritra ny andro.

VAVAKA
Indro misy tari-dàlana tolo-bavaka ho amin'ny anio:

Tompo ô, mitenena ato am-poko anio. Ampio aho hahafantatra Anao. Ampio aho mba hatoky Anao noho ny famonjena ahy, ary hanaiky am-pinoana ny antoky ny famelana ireo heloko sy ny fiainana mandrakizay. Tariho lalindalina kokoa ho amin'ny fitiavanao aho. Ampianaro aho hanokatra ny foko sy ny fiainako ho Anao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

Manaova lisitr’ireo tanjona telo manokana ho anao mandritra ny fotoam-pahanginanao miaraka amin’Andriamanitra mandritra ity herinandro ity:

1. _____
   _____
2. _____
   _____
3. _____
   _____

HERINANDRO 2. ***ALAHADY*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hiatrika ny natiora maha-mpanota antsika amin-kitsi-po sy fisokafana tanteraka. Mandritra izany fotoana izany, tiantsika ny hiatrika izany zava-misy marina izany eo amin’ny tontolon’ny fanomezam-pahasoavan’Andriamanitra. Tiantsika ny hahafantatra ny olana eo amintsika, ary tiantsika ny hahazo ny vahaolana.

VAVAKA
Ray any an-danitra ô, manatona Anao amin’ny maha-mpanota mila fahasoavana aho. Ampio aho ho mahitsy fo amin’ny tenako sy Aminao. Ampio ihany koa aho hanaiky ny tolom-pahasoavana sy famindram-po avy Aminao. Ampio aho hahatakatra ny tena halehibehin’ny fitiavanao ahy. Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Manomboka ity herinandro ity miaraka amin’ny andininy atao tsianjery faha #3 isika. Araho indray ilay fomba nampiasaintsika tamin’ny herinandro lasa. Soraty amin’ny karatra ny andininy sy ny mombamomba azy, mba hanampy anao hamerina sy handinika ilay andalana mandritra ny andro.

Efesiana 2:8-9--- “Fa fahasoavana no namonjena anareo amin’ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin’Andriamanitra ; tsy avy amin’ny asa, fandrao hisy hirehareha. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ilaintsika ihany koa ny mamerina ny andininy atao tsianjery faha #2, tamin’ny Alarobia lasa. Ao amin’ny Salamo 34:8 izany andalana izany. Izany famerenana mitohy izany dia natao hanampy antsika hamindra ilay andalana ho ao amin’ny fitadidiantsika maharitra. Manampy antsika hamindra izany fahamarinana izany ho ao amin’ny fisainantsika sy fiainantsika isanandro izany.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hanokafana ny Baibolintsika sy hijerena izay tian’Andriamanitra hampianarina antsika momba ny fahotantsika.

VAKIO NY TANTARAN’I ZAKAIOSY AO AMIN’NY LIOKA 19:1-10. Inona no ambaran’izany tantara izany aminao momba ny fomba handraisan’i Jesosy ireo mpanota? Hanao ahoana re ho anao ny manana an’i Jesosy tonga ao an-tranonao anio?

_____
_____

VAKIO ROMANA 3:23-24—Ahoana no fahitanao ny tenanao eo am-pamakiana ity andalana ity?

_____
_____

VAKIO 1 TIMOTY 1:15—Raha toa ka nahita ny tenany ho toy “ny lohan’ireo mpanota” i Paoly, ahoana no tokony ho fahitantsika ny tenantsika? Nahoana no tonga teto amin’izao tontolo izao Jesosy?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 2:1-9—Inona no ambaran’izany aminao momba ny fitiavan’Andriamanitra anao amin’ny maha-mpanota anao? Inona no fototry ny famonjena atolotr’Andriamanitra antsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Ray be fitiavana ô, manolotra maimaimpoana famonjena ho anay Ianao. Asehoko Anao ny fahotako sy ny filàko Anao. Manaiky ny famelan-keloka avy Aminao aho, ary manaiky fa avy amin’ny fahasoavana irery ihany ny famonjena ahy. Ampianaro aho hiaina ao anatin’ny tontolon’ny fahasoavanao. Ampio aho hahafantatra ny fitiavanao. Amena.

HERINANDRO 2. ***ALATSINAINY*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjon’ny fotoanantsika anio dia ny hijery ny maha-misy marina ny famelan-keloka avy amin’Andriamanitra. Loha-hevitra hitantsika manerana ny Soratra Masina manontolo izany. Tiantsika manokana ny hamantatra ny fepetra ahazoana manandrana izany famelan-keloka izany.

VAVAKA
Andriamanitra fitiavana sy mpamela heloka ô, ampio aho hahatakatra ny maha-misy marina ny famelan-keloka avy Aminao. Miatrika ny fahotako sy fahamelohako aho. Mitady hanarona ny foko sy ny fanantenako ny henatro. Naniry ela aho ahafantatra fa voavela heloka. Mitenena ao am-poko anio. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ankehitriny ny hamerina ny Efesiana 2:8-9, ilay andininy atao tsianjery faha #3 izay nanomboka nataontsika tsianjery omaly. Ampiasao ilay karatra nanoratanao ilay andininy. Avereno ary diniho izany andalana izany. Inona no lazain’izany aminao anio?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana indray izao handehanana ao amin’ny Tenin’Andriamanitra sy hianarana izay tiany ampianarina antsika momba ny famelan-keloka.

VAKIO SALAMO 32:1-8—Inona no ambaran’io andalana io aminao momba ny famelan-keloka avy amin’Andriamanitra?

_____

_____

Inona ireo velarana eo amin’ny fiainanao izay tianao havelan’Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO NY TANTARAN’ILAY LEHILAHY NARARIN’NY PARALISISA AO AMIN’NY MARAKA 2:1-12.
Efa nahatsapa ho tena mila fanasitranana fatratra ve ianao? Inona ireo fisehoan-javatra tamin’izany? Inona no manan-danja kokoa ho anao, ny fanasitranana ara-panahy sa ny ara-nofo? Nahoana?

_____

_____

Inona no heverinao fa noeritreretin’ity lehilahy ity rehefa nilaza taminy Jesosy fa voavela ny helony?

_____

_____

VAKIO 1 JAONA 1:9 sy 1 JAONA 2:12—Inona no ambaran’ireo andalana ireo momba ny fototry ny famelan-keloka?

_____

_____

VAKIO SALAMO 103:12; MIKA 7:19; ary HEBREO 8:12---Inona no ambaran’ireo andalana ireo momba ny halehiben’ny famelan-keloka avy amin’Andriamanitra?

_____

_____

(Ho fianarana fanampiny momba io loha-hevitra io, jereo Isaia 43:25; 44:21; 55:6-7; Mika 7:19.)

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra mpamela heloka ô, misaotra noho ny fitiavanao sy ny fahasoavanao. Manaiky ny famelan-keloka avy Aminao aho anio, ary manolotra ny tenako hiaina amin’ny halehiben’ny fitiavanao. Ampio aho hisokatra amin’ny fanatrehanao eo amin’ny fiainako anio. Amena.

HERINANDRO 2. *TALATA* AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY

NY TANJONA ANIO
Ny tanjona anio dia ny hijery ny fototry ny famonjena sy hamantatra ny fepetra ho amin’ny famonjena antsika. Tiantsika ny hahazo izay tokony hataontsika hahazoam-pamonjena.

VAVAKA
Azonao atao ny manomboka ny fianaranao anio amin’ny vavaka tahaka ity iray ity:

Andriamanitra be fitiavana ô, nanolo-tena hamonjy ahy Ianao. Toa tena tsara loatra izany raha ny marina. Ampio aho hahazo izay natolotrao sy ny fepetra ahazoam-pamonjena. Ampio aho hanaiky ny fanomezana avy Aminao sy hino ny fampanantenana nataonao. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Mamerina indray ny andininy atao tsianjery faha #3 isika anio, ao amin’ny Efesiana 2:8-9. Mandania minitra vitsy hamerenana izany andininy izany sy handinihina ny fiantraikany eo amin’ny fiainanao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana hanokafana ny Baiboly sy hianarana ireo hevitra iankinan’aina momba ny famonjena ankehitriny. Andeha hifaly noho ny halehiben’ny fahasoavan’Andriamanitra.

VAKIO NY TANTARAN’I JESOSY NIHAONA TAMIN’I NIKODEMOSY AO AMIN’NY JAONA 3:1-17. Inona no ambaran’io tantara io aminao momba ny antony nahatongavan’i Jesosy teto amin’izao tontolo izao? Inona no ambaran’izany aminao momba ny famonjena? Ary nahoana araka ny hevitrao no mahatonga ny andininy faha 16 ho iray amin’ireo andininy maro fantatra indrindra ao amin’ny Baiboly manontolo?

_____

_____

VAKIO GALATIANA 4:4-5—Amin’ny fomba ahoana no mahatonga ity andalana ambaran’i Paoly ity mifanindran-dàlana amin’izay nolazain’i Jesosy tamin’i Nikodemosy? Inona ireo fahazavana entin’ireo andininy ireo amin’ny fahazoanao ny famonjena sy ny fifandraisanao amin’Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO ROMANA 5:1-2 SY 6-8---Inona no ambaran’ireo andininy ireo momba ny toetsika miaraka amin’Andriamanitra, sy momba ny Planiny ho amin’ny famonjena? Oviana no tonga ho antsika ny famonjena?

_____

_____

DINIHO EFESIANA 2:1-10—Inona no ambaran’ireo andininy ireo amintsika momba ny fototry ny famonjena antsika? Inona no ambaran’izy ireo amintsika momba ny halehiben’ny famonjena antsika? Inona no dikan’ny maha “asan’Andriamanitra” antsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin’ny vavaka toy ity iray ity ny fotoananao miaraka amin’Andriamanitra:

Andriamanitra fitiavana ô, talanjona amin’ny famonjenao aho. Ampio aho hino ny fahamarinana tsotra fa tena fanomezana izay ekeko am-pinoana izany famonjena izany. Ampio aho hahazo ny dikan’ny hoe voavonjy amin’ny fahasoavana. Misaotra Anao aho noho ny fitiavanao. Midera Anao aho noho ny fahasoavanao. Mifaly ao amin’ny famonjena azoko aho noho ny finoako ny fampanantenana nataonao. Izany no vavako noho ny anarana mahagagan’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 2. *ALAROBIA* **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

NY TANJONA ANIO
Amin’ny fianarana anio, tiantsika ny hahazo ny maha-misy marina ny antoka ao amin’i Kristy. Tsy azontsika atao ny mampitombo ny maha-zava-dehibe izany antoka izany amin’ny fiainantsika isan’andro ao amin’i Kristy.

VAVAKA
Ray ô, manatona Anao aho anio mikatsaka ny hahafantatra Anao misimisy kokoa. Ampio aho hahazo ny halehiben’ny tena fitiavanao ahy. Ampio aho hahazo ny antoka izay afaka ny ho ahy anio. Ampio aho hatoky ireo fampanantenana nataonao sy handray ny fahasoavanao. Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia manomboka mianatra ny andininy atao tsianjery faha #4 isika. Mbola hosoratantsika amin’ny karatra indray izany andininy izany, mba hanampy antsika hitadidy sy hamerina izany.

1 Jaona 5:13---“Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran’ny Zanak’Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ilaintsika ihany koa ny mamerina ny andininy atao tsianjery #1, Jeremia 31:3 sy ny andininy atao tsianjery faha #3, Efesiana 2:8-9. Ampiasao ireo karatrao hamerenana sy handinihana ireo andalana ireo.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Fotoana izao handinihana ny loha-hevitra momba ny antoka ao amin’ny Tenin’Andriamanitra. Tiantsika ny hanana fototra miorina mafy ho an’ny dia maha-mpianatra antsika.

VAKIO NY TANTARAN’IREO FAKAM-PANAHY NIHATRA TAMIN’I JESOSY ARAKA IZAY HITA AO AMIN’NY MATIO 4:1-11. Ahoana no nanoheran’i Jesosy ireo fakam-panahy ireo? Inona no fototry ny fahombiazany tamin’ny fanoherana ny fahotana?

_____

_____

_

VAKIO HEBREO 2:18 SY 4:14-16—Inona no ambaran’ireo andalana ireo momba an’i Jesosy? Ary amin’ny fomba ahoana no anomezan’izy ireo antsika toky fa afaka manampy antsika Izy?

_____

_____

VAKIO JAONA 5:24-29—Inona no ambaran’ireo andininy ireo amintsika momba izay miseho rehefa mino an’i Jesosy isika?

VAKIO 1 JAONA 5:11-13—Inona no ambaran’io andalana io amintsika momba ny tena maha-misy marina ny famonjena antsika? Ahoana no ahafantarantsika fa manana fiainana mandrakizay isika?

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Ray mahagaga sy Tompo be fitiavana ô, manatona Anao aho anio, talanjona amin’ny fitiavanao. Voatohin’ny fahamarinana mikasika ny famonjena ahy aho. Ampio aho hiaina araka izany fahamarinana mahagaga izany. Ampio aho hahatsiaro fa voavela ireo fahotako. Ampio aho hijery sy hahazo ny hevitry ny fahalalana izany fitiavana izany anio. Misaotra Anao aho noho ny toky izay ananako. Amin’ny anara-mahagagan’i Jesosy. Amena.

HERINANDRO 2. ***ALAKAMISY*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia hijery ny fanadiovana ny fahotantsika rehefa mino sy miara-mandeha amin’i Jesosy isika. Andeha hisononoka amin’ny fahasoavan’Andriamanitra sy hifaly amin’ny fitiavany.

VAVAKA
Andriamanitra mahery sy Ray be fitiavana ô, manatona Anao aho amin’ity maraina ity, maniry fatratra ny hahazo izay nomaninao ho ahy anio. Ampio aho hahatakatra izay natolotrao tamin’ny fanadiovana, izay ampahan’ny fanomezan’ny famonjena. Tiako ny hijoro eo anilanao madio sy voaova. Ampio aho hahita ny fitiavanao. Ampio aho hahazo ny Teninao. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia mamerina ny andininy atao tsianjery faha #4, 1 Jaona 5:13 isika. Raiso ny karatrao ary avereno ilay andininy.

Avy eo diniho ny fiantraikan’izany fampanantenana izany eo amin’ny fiainanao. Inona ireo foto-kevitra fototra tonga ao an-tsainao raha mamerina izany andininy izany ianao?

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tonga indray izao ny fotoana hanokafana ny Baiboly sy hijerena izay tian’Andriamanitra ambara ao am-pontsika anio. Tiantsika ny hahazo fahitana lehibe ny amin’izay omen’Andriamanitra antsika amin’ny famonjena.

VAKIO NY TANTARAN’ILAY BOKA AO AMIN’NY MATIO 8:1-4. Tsy efa nahatsapa tena toy ny noroahina ve ianao, ary nahoana?

_____

_____

Tsy efa nahatsiaro ny tenanao ho "maharikoriko" ve ianao teo am-panatrehana an'Andriamanitra, ary nahoana?

_____

_____

Inona no heverinao fa tsapan'ilay boka rehefa nanendry azy Jesosy? Inona ny hevitr'izany hoe nodiovina izany taminy? Inona ho anao ny hevitr'izany hoe diovina eo amin'ny fanatrehan'i Jesosy izany?

_____

_____

VAKIO ISAIA 6:1-8—Ahoana no nanadiovan'Andriamanitra an'i Isaia? Amin'ny fomba ahoana no anirianao an'Andriamanitra hanao zavatra toy izany ho anao?

_____

_____

VAKIO 1 JAONA 1:5-9—Amin'ny fomba manao ahoana no ahazoana mampihatra io andalana io eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

VAKIO SY DINIHO NY MARINA MOMBA AN'I JEREMIA 33:8---Inona no hevitr'ireo teny ireo ho anao anio? Manao ahoana ny fahafantarana fa afaka manadio antsika tanteraka Andriamanitra, ary tiany ny hanao izany?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Ray be fitiavana ô, misaotra Anao aho anio ny amin'ny fanadiovana izay ahy. Namela ahy Ianao. Namonjy ahy Ianao. Koa dia tiako ny hanompo Anao anio amin'ny foko manontolo. Ampio aho hiaina ity tontolo andro ity ao amin'ny fahamarinan'ny fo voadio izay nomenao ahy anio. Amena.

HERINANDRO 2. ***ZOMA*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

NY TANJONA ANIO

Anio dia hijery ny toetra mahagaga izay antsika ao amin'i Kristy isika. Olom-baovao isika---voary vaovao. Efa hafa tanteraka isika. Nihaona tamin'i Jesosy isika ka tsy afaka hitoetra amin'izao. Nampanantena antsika toetra vaovao Izy. Andeha hojerentsika izany.

VAVAKA

Tompo ô, ampio aho hahazo ny fahazavan'ny toetra vaovao izay ananako ao amin'i Jesosy. Ampio aho hahatakatra ny fomba nanovany ahy satria nanatona Azy aho ary nanaiky ny fanomezan'ny famonjena. Mitenena ao am-poko anio. Sokafy ny saiko hahafahako mahazo sy mino. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Ilaintsika ny mamerina ny andininy atao tsianjery faha #4, 1 Jaona 5:13 anio. Ity fomba famerenana sy fandinihana ity dia manampy antsika hihazona ny tena marina momba ilay andalana, ary mahatonga izany ho fiainantsika. Ahoana no anovan'ny tokim-pamonjena ny eritreritrao sy ireo fahatsapanao momba ny tenanao sy ny hoavinao?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Fotoana izao hiverenana amin’ny Baiboly. Tiantsika ny hahazo fahazavana lehibe sy vaovao ny amin’ny hoe iza sy inona isika ao amin’i Jesosy.

VAKIO NY TANTARAN’NY FIOVAM-PON’I SAOLY (PAOLY) AO AMIN’NY ASAN’NY APOSTOLY 9:1-19. Inona no fototry ny fiovam-pon’i Paoly? Ahoana no niovan’ny fiainany tamin’ny fanekena an’i Jesosy?

_____

_____

VAKIO JAONA 1:12---Inona no ambaran’i Jaona fa antsika ao amin’i Kristy?

_____

_____

VAKIO 2 KORINTIANA 5:14-17—Inona ho anao ny dikan’ny hoe "olom-baovao” ao amin’i Kristy?

_____

_____

VAKIO ARY DINIHO JAONA 5:24-29—Inona no ambaran’ireo tenin’i Jesosy aminao ao amin’io andalana io momba ny toetranao vaovao ao Aminy?

_____

_____

VAKIO FILIPIANA 1:3-6—Inona no ambaran’io andalana io momba ny hoavinao? Ahoana no tianao hiasan’Andriamanitra amin’ny fiainanao raha mbola manova sy manavao anao Izy?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Andriamanitra mahery ô, marina fa nanomboka asa mahagaga teo amin’ny fiainako Ianao. Misaotra Anao aho ny amin’ny famelan-keloka sy famonjena tena misy marina. Ampio aho hahatsiaro sy haneho izany fahamarinana izany isan’andro. Ampio aho hanaiky am-pinoana ny fahamarinana fa ao amin’i Kristy dia olom-baovao aho anio. Ampio aho hiaina ity andro ity amin’ny fiainana vaovao izay ahy. Sokafy ny saiko amin’ny fanatrehanao mandritra ity tontolo andro ity. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 2. ***FEHINY*** **AZONAO RAISINA DIENY ANKEHITRINY IZANY**

Nolaniantsika ity herinandro ity nijerena ny maha-misy marina ny famonjena antsika ao amin’i Jesosy Kristy. Nianarantsika izay ambaran’ny Baiboly mikasika ny fomba anomezan’Andriamanitra antsika ny famonjena. Nojerentsika ihany koa ny toky izay antsika ao amin’i Jesosy rehefa miaiky ny fahotantsika sy mino Azy isika. Mandania minitra vitsy am-pahanginana hamehezana ny fianarana sy fandinihana tamin’ireo andro fito lasa.

Inona no fiovana nentin’ny fotoana mangina niarahanao tamin’Andriamanitra teo amin’ny fiainanao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Ahoana no nahatonga ny famonjena ho tena izy ho anao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Ahoana no nataonao tamin’ireo fanelingelenana tonga nandritra ny fotoana mangina niarahanao tamin’Andriamanitra? Ahoana no ahazoanao mampiditra ireo fanelingelenana ireo amin’ny vavaka ataonao sy ny fiainam-pandinihanao?

_____

_____

Ahoana no nahatonga ny toky ho amin’ny fiainana mandrakizay nisy fiantraikany teo amin’ny fiainanao sy ny eritreritrao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Inona ireo tanjona ara-panahy tianao hapetraka mandritra ny herinandro ho avy? Ahoana no tianao hiasan’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao mandritra ireo andro fito ho avy?

_____

_____

HERINANDRO 3. ***SABATA HARIVA*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

FAMPIDIRANA

Tongasoa amin’ny herinandro fahatelon’ny paik’ady hitomboana ara-panahy amin’ny alalan’ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra.* Manomboka izao dia ho hitantsika ireo valisoa sasantsasany vokatry ny fanokanana fotoana isan’andro miaraka amin’Andriamanitra sy ny Teniny. Hanao dingana manan-danja lalindalina kokoa ho amin’ny dia maha-mpianatra miaraka amin’Andriamanitra isika.

MAMANTATRA NY FANAPAHAN’ANDRIAMANITRA

Anio dia hanomboka hijery ny iray amin’ireo endrika manan-danja indrindra amin’ny fiainan’ny mpianatra isika. Manomboka amin’ny fisafidianana an’i Jesosy ho Mpamonjy ny diantsika ara-panahy miaraka Aminy. Raha ny marina aza, dia tsy azo sarahina velively amin’ny safidy hanaiky Azy ho Mpamonjy izany. Rehefa mino an’i Jesosy ho famonjena antsika isika, dia milaza isika fa tsy afaka mamonjy ny tenantsika ary manolon-tena tanteraka ho Azy. Ny fitarana voajanaharin’izany fanoloran-tena izany dia ny fanekena an’i Jesosy ho Tompo.

FAMARITANA : NY RAKIBOLANA MIRIAM WEBSTER AZO JERENA AMIN’NY INTERNET DIA MAMARITRA NY TENY HOE *TOMPO* HO:

1: IRAY MANANA HERY SY FAHEFANA AMIN’NY HAFA: 2: MANAM-PAHEFANA NOHO NY ZO ARA-TARANAKA NA FAHEFANA LEHIBE IZAY TOLORANA FANOMPOANA SY FANKATOAVANA.

Noheveriko nandritra ny taona maro fa ny fanapahan’Andriamanitra dia izay lazain’Andriamanitra---ary ataoko izany. Fa tsy toy izany intsony izao. Anio dia azoko fa ny Fanapahan’Andriamanitra dia mihoatra lavitra noho ny fiezahana hankatò an’Andriamanitra. Ny fifantohana amin’ny fankatoavana dia mitarika ho amin’ny fifantohana amin’ny ezaka ataon’ny tena manokana, raha tokony ho amin’Andriamanitra. Ary na manao ahoana ny ezaka ataontsika, dia latsa-danja noho izay irin’Andriamanitra sy andrasany amintsika ny fankatoavantsika.

Ny fanapahan’Andriamanitra dia midika fanekena ny maha-izy marina an’Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika. Midika fanomezana an’i Jesosy ny toerana mendrika ao amin’ny eritrerintsika sy ny fiainantsika izany. Midika fanomezana Azy ny loha-laharana eo amin’ny ampahany tsirairay amin’ny fiainantsika. Noho izany ny fanapahan’Andriamanitra dia manomboka amin’i Kristy amin’ny maha-Mpamorona, Mpamonjy, ary Mpanamasina Azy. Amin’ny teny hafa izany dia famelana an’Andriamanitra ho Andriamanitra.

Kristy amin’ny maha-Mpamorona Azy (Jaona 1:1-14) no fototra sy toeram-panombohan’ny fanapahan’Andriamanitra. Izy no Tompon’ny zavatra rehetra. Ananany ny hery hifehezana ny zavatra rehetra. Na

izany aza, ferany izany hery izany hanomezana toerana ho antsika hampiasantsika ny sitrapontsika hisafidy ny hanompo Azy amin'ny fo feno faniriana mamaly fitiavana.

Amin'ny maha-Mpamonjy Azy, dia nanala antsika avy amin'ny fanandevozan'ny fahotana Jesosy (Romana 6:14-18) ho amin'ny fiainam-pankatoavana feno filerana Aminy. Nanafaka antsika avy amin'ny hery mifehy sy fanandevozan'ny fahotana Izy. Tamin'ny alalan'ny fahafatesany dia nanome antsika fahalalahana hisafidy Izy. Azontsika atao ny mifidy hanompo Azy, na ny mifidy hiaina amin'ny fanoherana.

Amin'ny maha-Mpanamasina Azy, dia manova antsika Kristy ary mampahery antsika amin'ny fanatrehany ahafahantsika mankatò. Amin'ny alalan'ny firaisana èty amin'Andriamanitra, dia ovaina sy manomboka fiainam-piarahana Aminy isika. Mahatonga antsika ho masina ny fanatrehany, ary ny fanatrehany dia miteraka fankatoavana eo amin'ny fiainantsika. Tsy ho tanteraka mihitsy ny fankatoavana amin'ny maha-olombelona mpanota antsika, nisaraka tamin'Andriamanitra. Kanefa, arakaraka ny hitomboantsika ao Aminy, dia tonga vokatra voajanahary avy amin'ny fifandraisana Aminy ny fankatoavana.

Koa noho izany dia tonga eo amin'ny fihaikan'ny fanapahan'Andriamanitra isika. Safidy ny amin'iza no ho manam-pahefana eo amin'ny fiainantsika. Hikatsaka ny ho tompon'andraikitra ve isika? Moa ve hiezaka hanao izay zavatra tsara amin'ny herin'ny tenantsika isika? Sa hilefitra amin'ny fitiavan'Andriamanitra, ny fanatrehany, ary ny heriny ve isika? Hivelona amin'ny tsy fifaliana sy ny fikomiana ve isika, sa hifidy ny fiarahana amin'ny Mpanjaka? Havelantsika ho Tompon'ny fiainantsika ve Jesosy?

NY TANJONA MANDRITRA NY HERINANDRO

Ny fianarantsika isan'andro sy ny fotoam-pivavahana mandritra ity herinandro ity dia hitarika antsika ho amin'ny tanjona fototra telo:

• Hahafantatra ny fanapahan'i Jesosy Kristy.
• Hanaiky ny fanapahan'Andriamanitra.
• Hanomboka hiditra ao amin'ny fanapahany amin'ny fomba fiainantsika isan'andro.

FAHAZARANA MASINA---FAHAFAHANA MASINA

Misy *Fahazarana Masina* na fitsipika ara-panahy izay miasa ara-boajanahary amin'ny safidintsika hanaiky an'i Jesosy ho Tompo. Antsoiko hoe *Fahafahana Masina*. Izany dia fampiasana am-pileferana an-tsitrapo ny fanapahan'i Jesosy Kristy amin'ireo antsipirian'ny fiainantsika. Midika izany fa mifidy ny hatoky an'Andriamanitra amin'ny fanomezana Azy fahafahana hifehy. Midika ho fitsaharana an-tsitrapo ao Aminy ihany koa izany, ary tsy hanan-tahotra amin'ireo antsipiriany amin'ny fiainana andavanandro.

Betsaka amintsika ny mitondra enta-mavesatra sy tahotra izay mamesatra sy manakana antsika tsy hifaly amin'ny fiadanana amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Manasa antsika Jesosy hitondra eo Aminy ireo enta-mavesatra eo amintsika (Matio 11:28-30). Mampanantena fa hanome fitsaharana ho antsika Izy. Ny anjarantsika amin'izany dia ny mifidy hametraka ireo enta-mavesatra ireo eo Aminy. Azontsika atao ny manao izany amin'ny fampiasana an-tsitrapo ireto dingana manaraka ireto:

• Mitadidy fa Andriamanitra dia Mpamorona, Mpamonjy, ary Mpanamasina.
• Matoky fa tia antsika Andriamanitra, maniry sy afaka mandray an-tànana ireo antsipirian'ny fiainantsika (Filipiana 4:13, 19).
• Manatona an'Andriamanitra ho setrin'ny fanasany ary manaiky ny fanatrehany (Matio 11:28-30).
• Mifidy ny hitsahatra ao amin'Andriamanitra amin'ny famindrana ireo enta-mavesatra ho eo Aminy.
• Mifidy hanao ho loha-laharana ny fikatsahana an'Andriamanitra sy ny Fanjakany eo amin'ny fiainantsika (Matio 6:24-34).
• Mifidy ny hanolotra Azy ny fiainantsika isan'andro ho endri-piainam-panompoana (Romana 12:1).

Ny fampiasana ny fahafahana na fanomezana ireo olana eo amin'ny fiainantsika ho karakarain'Andriamanitra dia manova ireo fihetsika sy fomba fijerintsika. Manome toerana ho an'Andriamanitra ho Tompo eo amin'ny

fiainantsika izany. Manery antsika hahafantatra ny andraikintsika izay mifanohitra amin'ny Azy izany. Manampy antsika hifantoka amin'ireo zavatra sy ireo fihetsehana izay mendrika ho antsika, sady mamela an'Andriamanitra hifehy ireo antsipirian'ny fiainantsika izany.

Ity *Fahafahana Masina* ity dia dingana sy fampiasana mitohy. Mahakasika ny fitomboan'ny tena manokana izany —fianarana mamela an'Andriamanitra ho Andriamanitra. Ary fampiasana izay hitohy mandritra ny fiainantsika manontolo izany.

VAVAKA
Indro misy santionana vavaka iray raha manomboka ity herinandro fianarana, fisaintsainana, ary fitomboana ity isika*: Ray malala any an-danitra ô, ampio aho hahafantatra ny fitiavanao. Ampio aho hahita fa liana amin'ireo antsipirian'ny fiainako Ianao. Ampianaro aho hatoky Anao. Ampianaro aho hanome Anao ny fifehezana feno ny fiainako manontolo. Ampio aho hametraka Aminao ireo enta-mavesatra sy ireo tahotro. Aoka ity herinandro ity ho fotoana izay hianarako hitsahatra ao Aminao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.*

Manao lisitr'ireo zavatra telo tianao ho tratrarina mandritra ny dia hiarahanao amin'Andriamanitra mandritra ity herinandro ity:

1. _____
2. _____
3. _____

HERINANDRO 3. *ALAHADY* FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia hiatrika ny fahamarinana fa Jesosy Kristy no Tompo. Tiantsika ny hanomboka amin'ny fijerena ny fiantraikan'izany eo amin'ny fiainantsika. Mahalala sy manaiky an'i Jesosy ho Tompo no fiaikana lehibe indrindra amin'ny fiainana Kristianina amin'izao fotoana izao. Tsy afa-miala amin'izany fihaikana izany isika, ary ny fanolorantsika tena tanteraka ho Azy ihany amin'ny maha-Tompo Azy no ahafahany manova ny fiainantsika.

VAVAKA
Tompo ô, manatona Anao aho anio mbola miady amin'ny fahamarinana fa Ianao no Tompo. Zatra ny mifehy samirery ny fiainako. Ampianaro aho hahafantatra sy hatoky Anao. Ampio aho hianatra ny hahafantatra sy hanaiky Anao ho Tompon'ny fiainako. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Manomboka ity herinandro ity amin'ny andininy atao tsianjery faha #5 isika. Tiantsika ny hanaraka ilay fomba efa narahintsika nandritra ireo herinandro roa lasa, amin'ny fampiasana karatra izay hanampy antsika hitadidy sy hamerina izany andalana izany. Tiantsika ihany koa ny handinika izany andalana izany mandritra ny tontolo andro.

Ohabolana 3:5-6---"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa aza miankina amin'ny fahalalanao ; maneke Azy amin'ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao. »

Tiantsika ihany koa ny hamerina ireo andininy atao tsianjery faha #2 (Salamo 34:8) sy faha #4 (1 Jaona 5:13). Ampiasao indray ilay karatra hanampy anao hamerina ireo andalana ireo. Mandania ihany koa minitra vitsy am-pieritreretana lalina ny fomba hahazoan'ireo andalana ireo hiantraika amin'ny fiainanao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Fotoana izao hijerena izay tian’Andriamanitra ampianarina antsika ao amin’ny Teniny. Tiantsika ny hanomboka ny fianarana an’i Jesosy amin’ny maha-Tompo Azy.

VAKIO NY TANTARAN’I JESOSY SY NY FIOVAN-TAREHY AO AMIN’NY MATIO 17:1-9. Miezaha maka sary an-tsaina fa nanatrika ianao tamin’ny fotoana nisehoan’ io tantara io. Ho nanao ahoana re ny fihetsikao e? Inona no mety noheverinao momba an’i Jesosy?

_____

_____

VAKIO JAONA 1:1-14 SY KOLOSIANA 1:13-20—Maneho amintsika an’i Jesosy amin’ny maha-Mpamorona Azy ireo andalana ireo. Inona no fiantraikan’izany amin’ny fomba fiainantsika? Ahoana no hamaritan’izany fahamarinana izany ny fifandraisantsika miaraka Aminy?

_____

_____

VAKIO ASAN’NY APOSTOLY 2:22-39—Mariho manokana ny andininy faha 36. Inona no dikan’ny hoe Jesosy natao Tompo sy Kristy?

_____

_____

Amin’ny fomba ahoana no hiovan’ny fomba fiainantsika amin’ny alalan’ny fanekentsika ny fahamarinan’i Jesosy Kristy amin’ny maha-Tompo Azy?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Ray be fitiavana ô, ampio aho hahatakatra ny fanirianao ho isan’ny fiainako. Ampio aho hatoky Anao ary hanome toerana Anao eo amin’ny fiainako. Ampio aho hahatsapa ny zava-misy marina amin’ny fanatrehanao ahy mandritra ity andro ity. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 3. ***ALATSINAINY*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

NY TANJONA ANIO

Ny tanjontsika anio dia hijery lalindalina kokoa ny fanapahan’i Jesosy Kristy. Tiantsika ny hahatakatra hoe manao ahoana tokoa moa izany Fanapahany izany. Satria raha tsy mahafantatra Azy isika dia tsy afaka ny ho tia Azy.

VAVAKA

Andriamanitra fitiavana ô, ampianaro aho hahafantatra an’i Jesosy ho Tompo. Ampianaro aho hahafatantra Azy amin’ny maha-Tompo izay manompo Azy. Ampio aho hahita ny hatsarany sy hahafatantatra ny fitiavany. Maniry hatoky Anao aho. Maniry hanome toerana Anao aho mba hifehezanao ny fiainako. Matahotra aho sao tsy hahafehy ny tenako. Koa noho izany ampio aho hahafantatra Anao misimisy kokoa mba hahazoako matoky Anao hatrany. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Anio dia tonga ny fotoana hamerenana ny Ohabolana 3:5-6. Ampiasao ilay karatra fitadidianao ary miezaha tsy hanao diso. Avereno ary diniho izany andalana izany. Inona no dikan’ny hoe “Matokia an’i Jehovah” amin’ny fonao rehetra?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Tonga izao ny fotoana handalinana kokoa ny Tenin’Andriamanitra sy hijerena ny dikan’ny hoe Jesosy amin’ny maha-Tompo sy mpanompo Azy.

VAKO NY TANTARA AO AMIN'NY JAONA 13:1-17. Andramo alaina an-tsary ny tantara toy ny hoe teo ianao. Manao ahoana re izany hoe manana an'i Jesosy mandohalika eo anolonao manasa ny tongotrao? Inona no ambaran'izany tantara izany momba ny toetry ny fony?

_____

_____

VAKIO LIOKA 22:24-27—Amin'ny fomba ahoana no isehon'ny faniriantsika ho voalohany eo amin'ny fiainantsika? Inona no asehon'ny sarin'ny Jesosy amintsika momba ny fikatsahantsika toerana sy hery?

_____

_____

VAKIO MATIO 20:25-28—Ahoana no anehoan'i Jesosy ny tena fahalehibiazana marina ao amin'io andalana io?

_____

_____

Ahoana no mahatonga ny fahamarinana fa tonga hanompo Jesosy hisy fiantraikany eo amin'ny eritrerintsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo be fitiavana ô, ampianaro aho hahatakatra fa ny fahalebiazana marina dia avy amin'ny fanompoana ny hafa. Ampio aho hahita fa ny ohatra nasehon'i Jesosy no fomba tiany hiainako. Ampio aho hanolo-tena ho Anao amin'ny fatra hahafahako manompo ny hafa tahaka ny nataon'i Jesosy. Amena.

HERINANDRO 3. ***TALATA*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

NY TANJONA ANIO
Anio dia tiantsika ny hahafantatra ny haben'ny fanomezan'i Jesosy ho antsika amin'ny maha-Tompontsika Azy. Ho hitantsika fa ny hany fetra amin'ny Fanomezany dia ny finoantsika. Tiantsika ny hahafantatra sy hatoky Azy misimisy kokoa.

VAVAKA
Andriamanitra mahery ô, ampio aho anio hahatakatra ny halehiben'ny fanomezana nataonao. Ampio aho hahafantatra ireo harena izay ahy ao amin'i Kristy. Ampio aho handray ny tombohtsoa izay ahy ao amin'i Jesosy amin'ny maha-Tompon'ny fiainako Azy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia tiantsika ny hamerina ny andininy atao tsianjery tamin'ny Alahady---andininy atao tsianjery faha #5, Ohabolana 3:5-6. Mandania minitra vitsy hisaintsainana ireo ampahan'ny fiainanao izay ikatsahanao ny tari-dàlan'Andriamanitra. Amin'ny fomba ahoana no hanirianao an'Andriamanitra hiasa amin'ireo ampahany ireo?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Andeha lalindalina kokoa amin'ny fijerena izay tian'ny Baiboly ambara amintsika momba an'i Jesosy amin'ny maha-Tompo Azy isika anio.

VAKIO NY TANTARAN'ILAY KAPITENY AO AMIN'NY LIOKA 7:1-10. Lehilahy iray mahafantatra ny fomba fibaikoana izy. Inona no ambaran'ny finoany an'i Jesosy amintsika momba ny fandraisany an'i Jesosy? Inona no ambaran'izany tantara izany amintsika momba izay azon'i Jesosy atao eo amin'ny fiainantsika?

_____

_____

VAKIO FILIPIANA 4:10-19. Inona no ampianaran’ny andininy faha 11 sy 12 antsika momba ny fahafaham-po amin’izay omen’Andriamanitra?

_____

_____

Inona no ampianarin’ny andininy faha 13 antsika momba izay azontsika atao ao amin’i Kristy? Inona ireo ampahany manokana amin’ny fiainananao izay ilànao izany karazana hery sy fahefana izany?

_____

_____

Ahoana no hitondran’ny andininy faha 19 ho antsika toky sy heri-po? Inona ireo filànao izay tianao hofenoin’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao anio?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Ray be fitiavana sy marina ô, tia sy nitahy ahy amin’ny fomba izay vao manomboka takatro aho. Ampio aho hanaiky sy hatoky izay nianarako anio. Ampio aho hahatakatra fa manana izay rehetra ilaiko aho rehefa manana an’i Jesosy. Ary ampio aho anio hisokatra amin’ny fanatrehanao sy ny herinao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 3. ***ALAROBIA*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hanao ny fanapahan’i Jesosy Kristy ho zavatra manokana eo amin’ny fiainantsika. Jesosy no Tompo. Fahamarinana ara-tantara sy ara-baiboly izany. Kanefa kely dia kely ny hevitr’izany eo amin’ny fiainantsika mandra-pahatongan’ny fotoana hisafidiantsika Azy ho Tompo amin’ny lafim-piainantsika tsirairay.

VAVAKA
Tompo Andriamantira ô, tsy mora ny famelana Anao ho Tompon’ny fiainako, satria efa zatra manapa-kevitra samirery aho. Ampianaro aho hatoky Anao. Ampio aho hahafantatra Anao amin’ny fahafenoany mba haniriako ny hanolo-tena ho Anao. Ampio aho hahafantatra sy hatoky ny Fonao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny andininy ataontsika tsianjery androany dia Matio 11:28-30. Araho ilay fomba izay efa nianarantsika amin’ny fanoratana izany andalana izany amin’ny karatra, ary manomboha manao tsianjery ireo andininy ireo.

Matio 11:28-30---“Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko ; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho ; dia hahita fitsaharana ho an’ny fanahinareo ianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hamerina ny andininy atao tsianjery faha #3, Efesiana 2:8-9, tamin’ny herinandro lasa. Izany famerenana mitohy izany dia hanampy antsika hamindra ilay andalana avy ao amin’ny fitadidiantsika marefo ho ao amin’ny fitadidiantsika maharitra.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Andeha isika ankehitriny hanokatra ny Baiboly hijery sy hamantatra misimisy kokoa hoe, inona ho an’i Jesosy ny hevitry ny hoe “ny Tompoko.”

VAKIO NY TANTARAN'I TOMASY AO AMIN'NY JAONA 20:24-29. Efa nahatsiaro tena tahaka an'i Tomasy ve ianao? Tamin'ny fomba ahoana no nahatonga anao tsy afa-po tamin'ny fifandraisana sarintsariny fotsiny amin'Andriamanitra? Ahoana no fanirian'ny tenanao manokana hanandrana an'Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO MATIO 22:37—Inona no dikan'izany haavon'ny fitiavana izany ho anao? Ahoana no hahafahan'izany maka toerana eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

VAKIO 1 PETERA 3:15—Amin'ny fomba ahoana no hahazoanao manao an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainanao?

_____

VAKIO MATIO 7:21-23—Inona no ambaran'ireo andininy ireo aminao momba an'i Jesosy Tompon'ny fiainanao?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Tompo ô, manomboka mahazo ny dikan'ny maha-Tompo Anao aho. Misaotra Anao noho ny faharetanao. Ampio aho hitombo amin'ny famelana Anao ho ao amin'ny fiainako. Ampio aho hahafantatra Anao tanteraka amin'ny maha-Tompo Anao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 3. ***ALAKAMISY*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

NY TANJONA ANIO

Anio isika dia hijery amin'ny fahafenoany ny dikan'ny hoe Jesosy no Tompo. Tiantsika ihany koa ny hanokatra misimisy kokoa ny fiainantsika amin'i Jesosy amin'ny maha-Tompo Azy.

VAVAKA

Andriamanitra Ray ô, ampianaro ahy ny fitiavanao. Ampio aho hahafantatra fa afaka matoky Anao tanteraka. Ampio aho hitolo-batana, satria amin'ny fahafatesan'ny izaho no ahafahanao ho Tompon'ny fiainako. Tsy azoko atao samirery izany. Mitoky amin'ny asa maherinao no azoko atao. Koa miasà ao amiko anio, ary aoka Ianao ho Tompoko. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Ireo andininy averina anio dia ny faha 5 sy 6—ireo andininy roa amin'ity herinandro ity, Ohabolana 3:5-6 sy Matio 11:28-30. Mandania minitra vitsivitsy handinihana ny fomba ahafahan'ireo andalana ireo hanova endrika ny fiainanao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Andeha ho jerentsika izay ambaran'ny Tenin'Andriamanitra amin'ny fanovana ny saintsika hamela an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainantsika anio.

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY LIOKA 6:1-10. Inona no mahasamihafa ny hoe Jesosy Tompon'ny fiainantsika sy ny fanarahana lalàna ara-pivavahana fotsiny? Inona ho an'i Jesosy ny hevitry ny maha-Tompon'ny Sabata Azy? Ahoana no ifandraisan'ny Sabata amin'i Jesosy amin'ny maha-Mpamorona, Mpanavotra, ary Mpanamasina Azy?

_____

_____

VAKIO ROMANA 10:8-13—Inona no hevitry ny fanekena an’i Jesosy ho Tompo? Nahoana izany ampahany izany no fototry ny famonjena antsika?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 12:3---Amin’ny fomba ahoana no handraisan’ny Fanahy Masina anjara amin’ny fitarihana antsika hanaiky an’i Jesosy ho Tompo?

_____

_____

Amin’ny fomba ahoana no angatahin’Andriamanitra anao hanaiky Azy ho Tompo? Inona amin’ireo ampahan’ny fiainanao no ilaina atolotra sy avela ho andraikiny?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo be fitiavana ô, misy ampahany amin’ny fiainako izay mbola tsy maha-Tompo Anao. Ampahafantatra ahy izy ireo, ary ampio aho hanolotra azy ireo ho amin’ny fitiavanao sy ny herinao. Ampio aho hatoky Anao amin’ny fahafenoany, ahazoako manome malalaka ho Anao fahalalahana sy fandraisana andraikitra. Amena.

HERINANDRO 3. ***ALAKAMISY*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjona anio dia mifantoka amin’ny fianarana mampiditra ny fanapahan’i Kristy ao amin’ny fiainantsika. Dingana mitohy izany—fa tsy hetsika indray miseho. Ary tsy maintsy mahazo ny ampahan’ny fiainantsika tsirairay izany.

VAVAKA
Tompo ô, ampio aho hianatra hoe hatraiza no azonao atao eo amin’ny fiainako. Ampio aho hahatsapa ny fanatrehanao sy ny herinao anio. Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny andininy averintsika anio dia ny faha #6, Matio 11:28-30. Nanomboka nianatra izany andininy izany isika tamin’ny Alarobia. Anio, tiantsika ny hihevitra ireo ampahany amin’ny fiainantsika izay enta-mavesatra manokana ho antsika. Ahoana no hahafahantsika mitondra azy ireo eo amin’i Jesosy?

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tiantsika ankehitriny ny hiditra lalindalina kokoa amin’ny Tenin’Andriamanitra, hijery ny fomba ahafahan’ny Jesosy amin’ny maha-Tompo Azy hitondra fanavaozana eo amin’ny fiainantsika.

VAKIO NY TANTARA AO AMIN’NY MATIO 8:23-27. AMPITAHAO AMIN’NY SALAMO 107:29 IO ANDALANA IO. Inona ho an’i Jesosy ny hevitry ny fananana izany karazan-kery izany. Ahoana no nahafahany natory, raha natahotra mafy ireo sasany?

_____

_____

Inona ireo tafio-drivotra eo amin’ny fiainanao izay tianao hampitsaharin’i Jesosy? Ahoana no hahafahanao manasa Azy amin’ireny “tafio-drivotra” ireny?

_____

_____

VAKIO KOLOSIANA 2:6-7—Ahoana no nandraisanao an'i Jesosy ho Mpamonjy? Ahoana no ahafahanao mandray Azy ho Tompo? Inona ireo fiantraikany eo amin'ny fiainana miaraka amin'i Jesosy ho Tompo?

_____

_____

VAKIO ROMANA 13:11-14—Inona no hevitry ny hoe mitafy an'i Jesosy Kristy Tompo? Inona, araka ny hevitrao no mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiainanao?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 15:57---Ity andalana ity dia manambara amintsika fa antsika ny fandresena ao amin'i Jesosy Tompontsika. Inona amin'ireo ampahany amin'ny fiainanao no tianao hangatahana fandresena ao Aminy?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Andriamanitra fitiavana ô, mifidy Anao ho Tompo aho. Ampianaro aho hitombo mandritra ity dia ity. Sokafy amin'ny sitraponao ireo masoko, ary omeo ahy ny heri-po hanaraka izany. Ampianaro aho hitaky ny maha-izy azy ahy ao amin'i Jesosy. Ampianaro aho hitolo-batana sy hilefitrra amin'ny fanatrehanao sy ny fitiavanao. Amin'ny anaran'i Jesosy. Amena.

HERINANDRO 3. ***FEHINY*** **FILEFERANA TANTERAKA NO ILAINA**

Ity herinandro ity dia iray amin'ireo herinandro tena manan-danja amin'ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra* manontolo. Ny fisafidianana an'i Jesosy ho Tompo dia fotoam-piovana eo amin'ny fiainana Kristianina. Ny Kristianina Ankehitrio dia miresaka betsaka momba an'i Jesosy amin'ny maha-Tompo Azy. Nefa dia tsy misy te-hanaiky Azy ho Tompo. Ny fanomezana andraikitra an'Andriamanitra no fanalahidy amin'ny maha-mpianatra mahomby. Lanio ireo minitra vitsy manaraka hisaintsainana izay tena dikan'ireo andro vitsivitsy lasa ho an'ny dia ara-panahy ataonao.

Ahoana no nitomboan'ny fotoananao isan'andro miaraka amin'Andriamanitra nandritra izay herinandro lasa izay? Inona ho anao no dikan'izany anio?

_____

_____

Ahoana no nampaherezan'ilay fihaikana momba an'i Jesosy ho Tompo anao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Inona ireo fihaikana manokana nandramanao tamin'ny dia maha-mpianatra anao, nandritra izay fito andro lasa izay?

_____

_____

Ahoana no mahatonga fahasamihafana, amin'ny famelana an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainanao hanova ny fomba fiainanao isan'andro?

_____

_____

Ahoana no anirianao an'Andriamanitra hiasa eo amin'ny fiainanao mandritra irỳ herinandro vaovao irỳ?

_____

_____

HERINANDRO 4. ***SABATA HARIVA*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

FAMPIDIRANA

Tamin'ny herinandro lasa dia nanomboka nianatra ny hevitra momba ny fanapahana isika. Nianarantsika fa Jesosy no Tompo, ary ny fanoloran-tena Aminy no toeram-panombohana amin'ny dia maha-mpianatra. Naverintsika nojerena ireo hevitra ara-baiboly, fa tsy maintsy maty isan'andro isika—eo amin'ny lafiny ara-panahy, ny izaho dia tsy maintsy milefitra amin'ny fifehezan'Andriamanitra ireo olan'ny fiainana isan'andro.

Amin'ity herinandro ity dia hiditra lalindalina kokoa amin'ny hevitra hoe Jesosy no Tompo isika. Ho hitantsika fa manambara zavatra lehibe noho ny fankatoavana an'Andriamanitra ny Soratra Masina. Ankoatra izay, ireo mpanoratra ny Baiboly dia maneho amintsika hevitra mahagaga momba ny fiarahana ara-panahy sy ny fifankazahoana am-po amin'i Kristy, Ilay mitoetra ao anaty.

Nanomboka tamin'ny famoronana izany fifankazahoana am-po izany ; noforonina ho amin'ny finamanana amin'Andriamanitra Adama sy Eva. Nanomboka niaina tao amin'ny fandrian-jaza vita tamin'ireo tànan'Andriamanitra Adama, nofohazina tamin'ny oroky ny fiainana. Ny fahitana an'Andriamanitra sy ny maha-izy azy manokana amin'ny fifandraisany amin'Andriamanitra no fisainana voalohany nananany. Izany fahafahana mifankahazo am-po amin'ilay Mandrakizay izany dia mitohy mandraka ankehitriny. Raha ny marina aza, dia teraka tamin'ny filana izany fifankazahoana am-po izany isika. Amin'ny fahitantsika izany firaisana amin'Andriamanitra izany irery ihany no ahazoantsika fiadanana sy fahafaham-po.

Ny Fanapahan'Andriamanitra no fanatanterahana izany firaisana Aminy izany, izay nahaterahantsika. Eto, dia ny fanatrehan'Andriamanitra no manova ny fontsika. Rehefa nampanantena "Mpananatra hafa" Jesosy, dia nampanantena ihany koa Izy fa ho avy indray (Jaona 14:18). Ny fahatongavan'ilay Mpananatra dia hitondra antoky ny fanatrehany: "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Raiko, ary ianareo ato amiko, ary Izaho ao aminareo" (Jaona 14:20). Izany fanatrehan'i Jesosy ao anaty izany no votoatin'ilay hevitra ara-baibolin'ny maha-mpianatra. Mampahery antsika ny fifankazahoana am-po amin'Andriamanitra.

NY FANEKENA NY FANATREHAN'ANDRIAMANITRA AO ANATINTSIKA, NO MAHATONGA ANTSIKA HO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY.

Maneho fampanantenana i Paoly fa "omeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo ; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana" (Efesiana 3:16-17). Fintinin'i Paoly fa vokatry ny fahalalana ny haavo sy halalin'ny fitiavan'Andriamanitra, dia "ho feno ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra" isika (Efesiana 3:15-19). Izany no azon'ilay fifankazahoana am-po nampanantenaina miaraka amin'Andriamanitra atao---Kristy mitondra ny fahafenoan'Andriamanitra ao amin'ny fiainantsika. Amin'ny fanekena ny fanatrehany ao anatintsika, dia lasa Tempoly Avon'Andriamanitra isika.

Na dia manome betsaka loatra aza izany fifandraisana izany, dia mampifanatrika amintsika fangatahana maro izay mifanohitra mivantana amin'ny Fombam-pivavahana Kristianina Ankehitrio, izay noraisin'izao tontolo izao manodidina antsika. Nanary ny heriny izany Fombam-pivavahana Kristianina izany, satria namela ilay Fototra izy —Kristy mitoetra ao anaty. Raha tokony hiady hevitra momba ireo olan'ny fankatoavana na momba ny fomba fitandremana ny Sabata, dia hitantsika fa ny fifandraisantsika amin'i Jesosy dia zavatra fototra kokoa---fiainam-pifandraisana am-po miaraka Aminy. Ny ampahany tsirairay avy amin'izany fiainana izany dia voaova noho ny Fanatrehany.

Raha eo ampiarahana mandeha amin'Andriamanitra isika, ny maha-pianatra dia mifindra avy amin'ny fanarahana lavidavitra ho amin'ny dia miaraka amin'ny namana akaiky. Mifindra avy amin'ireo ezaka ataon'olombelona hankatò sy hifanaraka amin'ny toetra ambonin'Anrdriamanitra, ho amin'ny fahatanterahan'ny fanatrehan'Andriamanitra manova izany. Mitarika ho amin'ny fahatanterahan'ny fampanantenan'Andriamanitra hiasa ao anatintsika "na amin'ny fikasana, na amin'ny fanaovana" (Filipiana 2:13) izany. Izy no Tompo. Izaho sy ianao dia manana tombontsoa hivelona izany fanandramana izany amin'ny fiainana isan'andro. Amin'ny fomba ahoana? Amin'ny fitoerana ao Aminy sy ny famelana Azy hitoetra ao anatintsika. Noho izany, ny fanapahan'Andriamanitra dia mifindra avy amin'ny fanambarana ara-teolojia ho amin'ny fifandraisana velona miaraka amin'ny Mpanjaka.

HERINANDRO 4. ***SABATA HARIVA*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

IREO TANJONA MANDRITRA NY HERINANDRO

Ireo tanjontsika mandritra ny herinandro dia ivondronan'ireto manaraka ireto:

• Tiantsika ny hahazo ny fahamarinana ara-baiboly, fa maniry hitoetra ao anatintsika Kristy.
• Tiantsika ny hahazo ny fomba fanekena an'i Jesosy ho velona ao anatintsika.
• Tiantsika ny hijery ireo fiantraikan'ny fifandraisana am-po miaraka amin'Andriamanitra.

FAHAZARANA MASINA---*MIZATRA NY FANATREHAN'ANDRIAMANITRA*

Nampanantena Andriamanitra fa homba antsika (Matio 28:20). Hoy Izy : "raha mita ny rano ianao, dia homba anao Aho ; ary raha mita ny ony ianao, dia tsy hanafotra anao izy.... (Isaia 43:2). Asehon'ny Mpanao Salamo fa tsy misy toerana azontsika aleha ka tsy hahitan'Andriamanitra antsika (Salamo 139:7-10).

Noho izany dia miaraka amintsika amin'ny fotoana rehetra Andriamanitra. Na dia izany aza, hadinontsika izany fahamarinana izany, ary mivelona ny fiainantsika araka ny herintsika sy ny tanjantsika isika. Matetika loatra no hitantsika ny tenantsika fa irery ara-panahy, na dia voahodidin'ny fahafenoan'ny fanatrehan'Andriamanitra aza. Ny fihaikana ho antsika dia ny fianarana hisokatra mivantana sy hanaiky ara-panahy ny fahamarinan'ny Fanatrehany.

MIZATRA NY FANATREHAN'ANDRIAMANITRA dia fombam-pikatsahana inian'ny fo atao ho vonona sy hahatsapa ny fanatrehan'Andriamanitra ny fiainantsika satria:

• Nampanantena Izy fa homba antsika.
• Asan'ny Fanahy Masina ny mitondra ho antsika ny Fanatrehany.
• Azontsika atao ny manao zavatra izay hanampy antsika hahatsapa misimisy kokoa ny fahamarinan'ny Fanatrehany.

Izany *Fahazarana Masina* amin'ny fanandramana ny fanatrehan'Andriamanitra izany dia manan-kery hanova ny fiainantsika. Alaivo sary an-tsaina fotsiny hoe hanao ahoana re ny manana izany fanatrehan'Andriamanitra antsika izany mandritra ny fotoana rehetra! Ahoana no hampiova ny fifandraisantsika sy ny fitondrantsika tena, raha azontsika atao ny mahita miharihary an'Andriamanitra mipetraka sy mandeha eo anilantsika? Tena eto, miaraka amintsika tokoa Izy. Ilaintsika fotsiny ny manofana ny tenantsika hahatsiaro sy hahalala ny Fanatrehany. Rehefa manao izany isika, dia miova ny fiainantsika. Tsy azontsika atao ny hitoetra amin'ny fanatrehany, ka hitoetra toy ny maha-isika antsika.

Nanasa antsika hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana na ny Fanatrehany Andriamanitra. Ireto manaraka ireto dia afaka hanampy antsika amin'ny fanandramana ny fanatrehan'Andriamanitra:

• Ampiasao ny vinavinanao hakana sary an-tsaina an'Andriamanitra miaraka aminao amin'izay rehetra ataonao.
• Asio toerana ho an'Andriamanitra ny fiainanao isan'andro, ny lafiny ara-batana, ara-tsaina, ary ny fotoananao.
• Miezaha mieritreritra an'Andriamanitra eo amin'ny fotoana tsy miova mandritra ny tontolo andro. Manomboha amin'ny fotoana lava indrindra, ary ampidino tsikelikely fara-fahakeliny indray mandeha isa-minitra.
• Miezaha mihazona ampahany iray amin'ny eritreritrao, mifantoka na mieritreritra an'Andriamanitra mandritra ny fotoana rehetra.

• Aoka hahatsiaro ny zava-misy marina fa eo anatrehan’Andriamanitra ianao mandritra ny fotoana rehetra.

Azontsika atao ny mianatra miaina amin’ny fanatrehan’Andriamanitra, fanazaran-tena kely monja dia hanampy ho amin’izany.

VAVAKA
Indro misy vavaka iray atolotra anao, raha manomboka ity herinandron’ny dia miaraka amin’Andriamanitra ity isika eo amin’ny fianarana, ny fandinihana, ary ny fitomboana :

Ray be fitiavana ô, ampio aho hahatsiaro ny fanatrehanao eo amin’ny fiainako. Nampanantena Ianao fa homba anay. Mitalaho izany fampanantenana izany aho, ary mangataka mba hanampianao ahy hahatsapa ny fidiranao an-tsehatra amin’ny fiainako. Ampio aho hanokatra ny saiko amin’ny zava-misy marina fa eto anilako Ianao ankehitriny. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

Manaova lisitr’ireo tanjona telo ho an’ny dianao miaraka amin’Andriamanitra mandritra ity herinandro ity:

1. _____
_____
2. _____
_____
3._____
_____

HERINANDRO 4. ***ALAHADY*** **ISIKA NO TEMPOLIN’ANDRIAMANITRA FARANY**

NY TANJONA ANIO
Manohy mijery ny hahavon’ny firaisam-po izay atolotr’Andriamanitra antsika amin’ny dia maha-mpianatra antsika isika. Vitsy amintsika no tena mahazo ny fanirian’Andriamanitra ho antsika. Tiantsika ny hahafantatra izay natolony, sy hianatra hiditra amin’ny fifandraisana lalindalina kokoa miaraka Aminy.

VAVAKA
Ray be fitiavana ô, manatona Anao aho hahazo ny halehiben’ny fifandraisana natolotrao ahy. Maniry mafy Anao aho. Tiako ny hahafantatra sy ho tia Anao misimisy kokoa. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Amin’ity herinandro ity dia manomboka ny andininy atao tsianjery faha #7 isika. Mbola tiantsika ihany ny hanaraka ilay fomba fitadidiantsika sy fandinihantsika izany andininy izany amin’ny fampiasana karatra iray.

Ezekiela 36:26-27---“Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin’ny nofonareo ny fo vato, ka omeko fo nofo ianareo. Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Mbola tiantsika ihany koa ny hamerina ireo andininy atao tsianjery tamin’ny herinandro roa lasa. Anio isika dia hamerina ny andininy atao tsianjery faha #4 (1 Jaona 5:13) sy #6 (Matio 11:28-30). Ampiasao ireo karatra hanampy anao hamerina ireo andininy ireo, sy handinika ny fampiharana azy ireo eo amin’ny fiainanao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hitodihana amin’ny Soratra Masina, hijerena ireo fampanantenan’Andriamanitra homba antsika, sy ny hevitr’izany ho antsika.

VAKIO MATIO 1:23---Diniho izay mety ho hevitry ny anarana Imanoela amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra. Soratra eto ambany ireo foto-kevitra fototra avy amin'ny eritreritrao:

_____

_____

VAKIO NY TANTARAN'I MARIA SY MARTA AO AMIN'NY LIOKA 10:38-42. Iza no tena mitovy aminao, Maria sa Marta? Ahoana no hisian'izany fiantraikany izany eo amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO EKSODOSY 25:8 ARY AMPITAHAO AMIN'NY 1 KORINTIANA 6:19-20—Ahoana no mahatonga ny fanirian'Andriamanitra hitoetra "amintsika" sy hanao ny tenantsika ho Tempoliny hisy fiantraikany amin'ny eritreritsika momba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO MATIO 28:18-20—Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny fampanantenan'Andriamanitra homba antsika hisy fiantraikany amin'ny eritreritsika momba ireo fihaikana atrehintsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Tompo malala ô, ampio aho hahazo an-tsaina izay tianao hatao amin'ny fiainako. Ampio aho hahazo ny fomba hahatonga ahy ho tempolin'ny Fanahinao. Ampianaro aho hanokatra ny fiainako amin'ny fanatrehanao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. A*LATSINAINY* ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY

NY TANJONA ANIO

Mbola manohy mijery ny fampanantenan'Andriamanitra homba antsika isika. Tiantsika manokana ny hahazo ny andraikitry ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainantsika. Tiantsika ny hijery izay ambaran'ny Soratra Masina momba ny Fanahy Masina izay mitondra ny fanatrehan'i Kristy ao amin'ny fiainantsika.

VAVAKA

Ray any an-danitra ô, nampanantena fa homba anay Jesosy. Ampio aho hahazo ny fomba hahatanterahan'izany amiko. Asehoy ahy ny fomba hanokafana ny foko manontolo amin'ny Fanatrehanao. Amin'ny anaran'I Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Anio dia ilaintsika ny mamerina ny andininy atao tsianjery faha #7 omaly (Ezekiela 36:26-27). Mandania minitra vitsy handinihana ny hevitr'izany fampanantenana izany ho anao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Sokafy ny Baibolinao ankehitriny, ary mandania minitra vitsy handinihana sy hitomboana eo am-pamakiana sy eo am-pianarana izay avy amin'Andriamanitra ho anao ankehitriny.

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY MATIO 14:13-33—Tamin'ny fomba ahoana no nanirianao "hidina hiala amin'ny sambokely" tamin'ny dia ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra? Ahoana no ahazoana mampitahy ny fanandramanao amin'ny an'i Petera?

_____

_____

VAKIO JAONA 14:16-21—Inona ho anao ny dikan'ny fampanantenan'i Jesosy ny Fanahy Masina? Inona no ambaran'ny andininy 20 momba ny toerana tian'Andriamanitra hisy Azy?

_____

_____

VAKIO KOLOSIANA 1:27---Ahoana no hitondran'ny teny nataon'i Paoly momba an'I Kristy ao anatintsika fanantenana ho antsika? Ahoana no ahafahana mampitahy izany amin'ny Jaona 14:20 (jereo ny teo ambony)?

_____

_____

VAKIO GALATIANA 3:14---Inona no ambaran'izany andalana izany antsika momba ny fomba handraisantsika ny Fanahy Masina? Inona ireo zavatra manohitra ny fandraisanao ny Fanahy Masina?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Ray ô, ampio aho hahazo ny fahamarinana ara-baiboly, fa maniry hitoetra ato amiko Kristy. Ampio aho hanokatra ny fiainako amin'ny fanatrehanao, ary hanome toerana hiasana ho Anao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. ***TALATA*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

NY TANJONA ANIO
Anio dia tiantsika ny hijery hoe ahoana no hitondran'ny fanatrehan'Andriamanitra hery sy fampaherezana eo amin'ny fiainantsika. Eo am-pianarana misimisy kokoa izay ambaran'ny Soratra Masina momba izay azon'ny fanatrehan'Andriamanitra atao eo amin'ny fiainantsika, dia hahita fiadanana sy hery isika.

VAVAKA
Ray malala any an-danitra ô, nampanantena ny homba anay Ianao. Ampio aho hahazo ny mety ho hevitr'izany ho ahy anio. Ampio aho hanandrana hiaina ny herinao sy ny fiadananao anio. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Roa ireo andininy averintsika anio, andininy atao tsianjery #1 (Jeremia 31:3) sy andininy faha #7 (Ezekiela 36:26-27). Izany famerenana maharitra izany dia hanampy antsika hitadidy ny andalana. Manampy antsika ihany koa izany, amin'ny fanaovana izany andalana izany sy ny fahamarinany ho ampahan'ny fiainantsika isan'andro. Mandania minitra vitsy ampiasana ny sainao, ampiharana ireo andininy ireo eo amin'ny fiainanao. Ahoana no ahazoan'ny fanatrehan'ny Fanahy Masina manova ny fomba fiainanao anio?

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tiantsika ankehitriny ny handany ireo minitra vitsivitsy manaraka, am-pandinihana lalina sy amin'ny fianarana, raha mamadika ny Soratra Masina isika.

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY MARKA 4:35-41. Diniho ny fomba ahafahan'i Jesosy matory am-pilaminana ao anatin'ny tafio-drivotra?

_____

_____

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY LIOKA 7:11-17—Inona no ampianarin'ny famindram-po sy herin'i Jesosy anao, momba ny fomba ahazoany manova ny fiainanao anio?

_____

_____

VAKIO FILIPIANA 4:4-7—Mariho manokana ny fanambarana fa efa mby akaiky ny Tompo. Ahoana no ahafahan'ny Fanatrehany mitondra fifaliana sy fiadanana ho anao?

_____

_____

VAKIO ISAIA 43:1-2—Ahoana no ahafahan'ny fahazoana antoka ny fanatrehan'Andriamanitra hanampy anao hiatrika ny olana eo amin'ny fiainanao? Inona amin'ireo ampahany amin'ny fiainanao no tianao hanandramana ny fanatrehan'Andriamanitra anio? Rehefa avy mandinika izany fanontaniana izany ianao, dia mandania minitra vitsy hitalahoana ny fanatrehan'Andriamanitra.

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Farano amin'ny vavaka toy izao ny fianaranao:

Tompo ô, manova zavatra maro eo amin'ny fiainako ny Fanatrehanao. Ny fahafantarako fa maniry ny hiaraka amiko Ianao dia manome hery ho ahy anio. Mitalaho ireo fampanantenana ireo ho ahy aho anio. Ampio aho hino sy hampiditra azy ireo eo amin'ny fiainako amin'ity tontolo andro ity. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. ***ALAROBIA*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

NY TANJONA ANIO
Anio dia tiantsika ny hijery ny hery izay nomanina ho antsika amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Nampanantena Izy fa hahazo hery isika amin'ny ampahan'ny fiainantsika tsirairay. Tiantsika ny hahafantatra ny fiasan'ny heriny manova ny fomba fiainantsika.

VAVAKA
Ray be fitiavana ô, ampio aho hahita ny hery izay omanina hanampy ahy, hiaina miaraka Aminao anio. Manasa Anao aho hitarika ny fianarako, ary hanampy ahy hahazo misimisy kokoa izay atolotrao, ho fanampiana ahy hiaina ny andro tsirairay. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Manomboka manao tsianjery ny andininy faha #8 isika anio. Mbola ilaintsika ihany ny mampiasa ilay fomba izay efa nampiasaintsika nandritra ireo telo herinandro lasa. Soraty amin'ny karatra ilay andalana ary ento miaraka aminao, hanampy anao hamerina sy handinika izany andalana izany mandritra ny tontolo andro.

2 Petera 1:3-4---"Efa nomen'ny herin'Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin'ny fomban'Andriamanitra amin'izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filàna."

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hamerina ny andininy atao tsianjery faha #5 (Ohabolana 3:5-6) tamin'ny herinandro lasa. Mandania minitra vitsy handinihana io andalana io sy ireo fiantraikany eo amin'ny fiainanao anio.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tonga ankehitriny ny fotoana hanokafana sy hianarana ny Baiboly. Mangataha ny Fanahy Masina hitarika anao amin'ity loha-hevitra iankinan'aina anio ity.

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY MARKA 5:21-43. Miezaha maka sary an-tsaina hoe hanao ahoana re raha nanatrika teo ianao tamin'ny fotoana nisehoan'ny tantara. Inona ireo antsipirian'io tantara io izay miresaka aminao, ary nahoana?

_____

_____

VAKIO ARY DINIHO NY ANDININY ATAO TSIANJERY ANIO, 2 PETERA 1:3-4. Inona ireo fetran'ny hery ampanantenain'Andriamanitra antsika ao amin'io andalana io?

_____

_____

Ahoana no ahafahan'ny fahamarinan'izany fampanantenana izany manova ny fiainanao anio?

_____

_____

Inona amin'ireo ampahany amin'ny fiainanao no tianao hitalahoana izany fampanantenana izany anio?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra fitiavana ô, mitalaho ny fanatrehanao sy ny herinao eo amin'ny fiainako aho anio. Miantehitra Aminao aho amin'ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainako. Ampio aho hatoky Anao ary hino fa ahy ireo fampanantenana ireo. Omeo fahendrena sy hery aho hiatrehako ireo olana izay hatrehiko mandritra ity andro ity. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. ***ALAKAMISY*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hijery ny iray amin'ireo hevitra mahery indrindra momba ny fanapahan'Andriamanitra ao amin'ny Soratra Masina manontolo---ny fankatoavana no vokatry ny fanatrehan'Andriamanitra ny fiainantsika. Satria tia Azy isika, dia tiantsika ny hankatò an'Andriamanitra. Nanandrana isika kanefa lavo imbetsaka. Anio, miditra lalindalina kokoa amin'ny iray amin'ireo fahamarinana mahagaga ao amin'ny Soratra Masina isika.

VAVAKA
Andriamanitra ô, maniry hiara-mandeha Aminao aho. Maniry hianatra hankatò Anao misimisy kokoa aho. Kanefa miady amin'ny ampahany maro amin'ny fiainako aho. Ampio aho hahafantatra misimisy kokoa izay atolotrao ho ahy. Ampio aho hino fa afaka manova ny fiainako Ianao. Omeo finoana aho hitokisako ny herinao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia tiantsika ny hamerina ireo andininy roa atao tsianjery amin'ity herinandro ity, faha #7 (Ezekiela 36:26-27) sy faha #8 (2 Petera 1:3-4). Mbola tiantsika ihany ny hampiasa ireo karatra mahazatra.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana ankehitriny hitodihana amin'ny Tenin'Andriamanitra sy hijerena misimisy kokoa izay atolotr'Andriamanitra antsika anio.

VAKIO NY TANTARAN'ILAY ZATOVOLAHY MPANAKARENA AO AMIN'NY MATIO 19:16-26. Andramo apetraka ao amin'io tantara io ny tenanao. Efa nahatsapa tena ho manao ireo zavatra tsara ve ianao, kanefa mbola misy zavatra tsy tanteraka amin'ny fiainanao? Inona ireo foto-kevitra avy amin'io tantara io izay miteny amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny fiainanao ankehitriny?

_____

_____

VAKIO EZEKIELA 36:26-27—Ahoana no ampanantenan'Andriamanitra hitondra fankatoavana amin'ny fiainantsika?

_____

_____

VAKIO FILIPIANA 2:12-13—Ahoana no ahafahana mampitaha io andalana io amin'ny Ezekiela 36:26-27 (jereo erỳ ambony)? Inona ireo fampanantenana roa manokana mitarika ho amin'ny fiainam-pankatoavana?

_____

VAKIO EFESIANA 2:4-10—Inona no ampianarin'io andalana io amintsika momba ny fankatoavana, na "ny asa tsara?" Ahoana no mahatonga io fankatoavana io ho fihitaran'ny fahasoavana izay mamonjy antsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompon'ny fitiavana ô, ampianaro aho hiara-mandeha Aminao. Ampianaro aho hanome toerana hiasana ho Anao eo amin'ny fiainako. Ampio aho hanaiky ny fahamarinan'ny fanatrehanao ahy. Ampio aho hifidy hankatò sy hatoky Anao mba hahatanterahan'izany fankatoavana izany ao amiko. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. ***ZOMA*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hahazo sy hijery hoe ahoana no anampian'ny fanatrehan'Andriamanitra antsika hitombo ara-panahy. Ilay dia mientanentana amin'ny maha-mpianatra miaraka amin'Andriamanitra dia midika ho fitomboana mitohy. Midika izany fa ny andro vaovao tsirairay dia mitondra fahazavana sy tombontsoa vaovao.

VAVAKA
Andriamanitra fitiavana ô, raiso ny fotoam-pianarako anio ary sokafy ny saiko amin'izay tianao hatao amin'ny fiainako. Ampio aho raha mandinika ny Teninao. Iraho ny Fanahy Masina hitarika ahy raha mandinika ny fahamarinanao aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny lahatsoratra averintsika anio dia ny andininy atao tsianjery faha #8 (2 Petera 1:3-4). Araho ihany ny fomba famerenana izay nampiasaintsika hatramin'izao, ary mandania minitra vitsy handinihana izany fampanantenana izany. Ahoana no ahafahan'izany fampanantenana izany manova ny fiainanao?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hanohizana ny fijerena ny fahamarinana ara-baiboly. Tiantsika ny hahafantatra ny fomba tian'Andriamanitra hanovana antsika.

VAKIO GENESISY 32:1-28—Inona no ampianarin'ny tantaran'i Jakoba antsika momba ny dia ara-panahy ataontsika? Amin'ny fomba ahoana no mahatonga anao alaim-panahy hiezaka hamaha samirery ireo olan'ny tenanao, ary miandry vao miantso an'Andriamanitra amin'ny fotoana izay tsy mampahomby izay ataonao?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 3:16-19—Efa nojerentsika io andalana io tany aloha tany, kanefa mbola manana zavatra lalindalina kokoa ho antsika izay tokony hojerena izany. Amin'ny fomba ahoana no ahafahan'i Jesosy "mitoetra ao am-potsika" ?

_____

_____

Inona ireo vokatry ny fitoeran'i Kristy ao anatintsika?

_____

_____

VAKIO GALATIANA 4:19---Inona no hevitry ny hoe Kristy "nohariana ao anatintsika"?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Andriamanitra ô, talanjona amin'ireo fampanantenanao izay nianarako nandritra ity herinandro ity aho. Ampio aho hanaiky fa marina izy ireo—mba hahafahanao manatanteraka izay ambaran'ny Teninao. Manasa Anao ao amin'ny fiainako aho, ary mangataka Anao hanova ahy ho tahaka ny endrikao. Ampio aho ho tahaka an'i Jesosy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 4. ***FEHINY*** **ISIKA NO TEMPOLIN'ANDRIAMANITRA FARANY**

Niditra lalindalina kokoa tamin'ny loha-hevitra momba ny Fanapahan'i Kristy isika tamin'ity herinandro ity. Fihitaran'ny fianarantsika tamin'ny herinandro lasa tokoa izany. Ny safidy hanao an'i Jesosy ho Tompo no fotoam-piovan'ny fiainana Kristianina. Ny safidy hanaiky an'i Kristy hitoetra ao anaty no herin'ny fiainana Kristianina. Matetika loatra ny maha-kristianina dia toa fomba fiaina amboarintsika fotsiny ihany. Ny Soratra Masina anefa dia mampianatra antsika fa ny fivavahana Kristianina dia midika fifankazahoana am-po marina amin'Andriamanitra. Izany fifankazahoana am-po izany dia haavon'ny firaisana ara-panahy amin'ny fitoeran'i Kristy ao anatintsika. Ny Fanatrehany dia manova sy mampahery ny zavatra hafa rehetra ataontsika. Lanio ireo minitra vitsivitsy manaraka amin'ny fandinihana ny hevitry ny fianarantsika nandritra ity herinandro ity momba ny fiainana ara-panahintsika.

Ahoana no nahatonga ny fianaranao isan'andro miaraka amin'Andriamanitra nisy fiantraikany tamin'ny fiainanao nandritra ity herinandro ity? Inona no fanovana nataon'izany amin'ny fomba fiainanao?

_____

_____

Inona no nataon'ireo fampanatenan'ny fanatrehan'Andriamanitra "miaraka" sy "ao anatintsika" taminao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Oviana no nanandramanao fihaikana tamin'ny maha-mpianatra anao nandritra iny herinandro lasa iny?

_____

_____

Ahoana no nanombohan'ny famelana an'i Jesosy hitoetra ao anatinao hisy fiantraikany tamin'ny fiainanao?

_____

_____

Ahoana no anirianao hahita an’Andriamanitra miasa amin’ny fiainanao mandritra ny herinandro ho avy?

_____

_____

HERINANDRO 5. ***SABATA HARIVA*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

FAMPIDIRANA

Nandritra ireo herinandro efatra lasa dia nojerentsika miaraka ireo singa fototry ny dia amin’ny maha-mpianatra miaraka amin’Andriamanitra. Hatramin’izao, dia naverintsika sy nambarantsika ny antoka ananantsika ny famonjena. Nanaiky an’i Jesosy ho Tompon’ny fiainantsika isika. Ary nanomboka nahafantatra ny fahamarinana mahagagan’i Kristy mitoetra ao anaty. Ireo rehetra ireo dia fototry ny dia ara-panahy miaraka amin’Andriamanitra.

Amin’ity herinandro ity, dia hijery velarana iray izay tena iankinan’aina tokoa amin’ny fitomboantsika ara-panahy mitohy isika. Miantso antsika hizara izay nandramantsika amin’ireo hafa manodidina antsika Andriamanitra. Ilain’izy ireo ny mahita an’i Jesosy. Ilaintsika ny mizara an’i Jesosy. Hitohy ny fitomboantsika rehefa mifantoka amin’ny any ivelany isika. Raha tsy mizara izay ataon’i Kristy ho antsika isika, dia ho lasa toy ny rano mihandrona, very ny fahadiovany sy ny heriny. Noho izany, manan-danja tanteraka ny fahafantarana izay angatahin’Andriamanitra amintsika.

Ireo rehetra manodidina antsika dia noana, te-hahafantatra an’Andriamanitra. Nanome antsika tombontsoa mahafinaritra ho amin’ny dingan’ny famonjena Izy. Rehefa nanasa ireo mpianany voalohany hanaraka Azy Jesosy, dia nampanantena Izy fa ho lasa “mpanarato olona” izy ireo. Izany hoe, isika no fitaovana ampiasain’Andriamanitra hikatsahana ireo olona manodidina antsika. Andraikintsika ny manampy ny hafa hahafantatra an’i Jesosy toy ny ahafantarantsika Azy.

Ny fitaovana mahery vaika indrindra amin’ny fijoroana ho vavolombelona dia ny tantaran’izay nataon’Andriamanitra ho antsika. Ny fijoroana vavolombelona ataon’ny tena manokana ny amin’izay nataon’i Kristy, dia manana fahazoa-manao azon’Andriamanitra ampiasaina hitarihana ny hafa ho eo Aminy. Tsy sarotra araka ny niheverantsika azy izany. Tsy ilaina ho afaka hamaly ireo fanontaniana apetraky ny olona isika. Azontsika atao ny milaza fotsiny hoe : “tsy fantatro ny valin’izany. Kanefa hahita valiny ho anao aho.” Ny hany ilaina hataontsika dia ny manambara ny tantarantsika. Ny fijoroana vavolombelona lehibe indrindra dia ny tantaran’izay nataon’i Jesosy ho antsika.

Satria nanandrana ny famonjena isika, dia manana zavatra ambara. Satria nanaiky an’i Jesosy ho Tompo isika, dia azontsika atao ny manampy ny hafa hanaiky Azy koa. Satria manandrana ny fanatrehan’Andriamanitra isika, dia azontsika atao ny manampy ny hafa hahita an’Andriamanitra ihany koa. Amin’ny teny hafa dia izao, ny fototry ny fijoroantsika ho vavolombelona dia ny fizarana fotsiny ihany izay nandramantsika manokana. Endrey ny hery ao anatin’izany fizarana izany! Nampanantena Jesosy fa ilay Kristy asandratra dia hitaona ny hafa ho eo Aminy.

Mipetraha ary mieritrereta mandritra ny minitra vitsy. Iza no napetrak’Andriamanitra manodidina anao, ka mila manandrana izay efa hitanao? Iza ireo fianakaviana na namana manodidina anao mbola tsy mahafantatra an’i Jesosy? Iza ireo olona noana ara-panahy manodidina anao? Miatoa kely dia mieritrereta. Inona no anananao ho zaraina? Foto-pinoana sa fifandraisana mitombo ao amin’i Jesosy ve izany? Ahoana no hahazoanao milaza amin’izy ireo izay nandramanao?

Ilaintsika ny mahazo an-tsaina ny haben’izay ananantsika ho zaraina. Tena ao amin’ny fiainantsika tokoa Kristy. Mitombo ao Aminy isika. Manova antsika Izy---ho tahaka Azy tanteraka. Avy amin’izany fanandramana izany, dia azontsika atao ny manambara amin’ny hafa ny fahamarinana tsotra ny amin’izay nataon’Andriamanitra ho antsika.

IREO TANJONA MANDRITRA NY HERINANDRO
Ireo tanjona mandritra ny fianarana amin'ity herinandro ity dia ivondronan'ireto manaraka ireto:

• Hahazo an-tsaina ny herin'ny fijoroana ho vavolombelona.
• Manaiky fa isika tsirairay dia nantsoina ho amin'ny fanompoana hizara an'i Jesosy amin'ny hafa.
• Hanolotra ny tenantsika hizara na aiza na aiza ary na oviana na oviana hanomezan'Andriamanitra fahafahana hanaovana izany.
• Hamantatra am-bavaka ireo izay hoentin'Andriamanitra eo amintsika hianatra momba an'i Jesosy.

FAHAZARANA MASINA---*MANAO DIARY ARA-PANAHY*
Nandritra ireo herinandro efatra lasa nianarana, dia nanana tombontsoa nandinika sy nanoratra ireo eritrerintsika momba ireo andalana samy hafa ho toy ny dia ara-panahintsika manokana isika. Amin'ny heviny hafa, dia efa nanomboka nampiasa ireo singa amin'ny fitsipika ara-panahy na *Fahazarana Masina* amin'ny fanaovana diary ara-panahy isika. Ankehitriny dia tiantsika ny hahazo misimisy kokoa izany fahaiza-manao izany, mba ho tena faniriana mivantana avy amintsika ny hampiasa azy.

Ny firaketana ara-panahy dia fahazarana mihazona diary ara-panahy. Ny tanjona dia ny hisian'ny fandinihana tsy tapaka ny dia miaraka amin'Andriamanitra sy ny firaketana izany dia sy fandinihana izany. Manampy antsika amin'ny fomba roa izany:

1. Ny fanaovana diary dia manome hevitra mitohy momba an'Andriamanitra sy ny fifandraisantsika Aminy.
2. Ny fanaovana diary dia mampitamberina ny fomba niasan'Andriamanitra tamin'ny fiainantsika. Aty aoriana, rehefa mamaky ireo fitadidiana ireo isika, dia hahatsiaro ny halehiben'ny ataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika.

Na dia tsy fomba tokana aza no azo anaovana diary, dia misy soso-kevitra vitsivitsy mety hanampy amin'ny fampiasana diary ireto:

• Mampiasà karine fitanana an-tsoratra na solosaina. Ho an'ny sasany, ny fanoratana mivantana ireo hevitra amin'ny taratasy dia manampy tokoa. Ho an'ny hafa kosa, mora kokoa ny mampiasa solosaina.
• Diniho ireo foto-kevitra fototra amin'ny fotoam-pivavahana. Izany dia hivondronan'ny fahazavana vaovao avy amin'ny Soratra Masina, ny fahatsapana avy amin'Andriamanitra, na ireo fomba fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra. Mety hivondronan'ireo andalana ao amin'ny Baiboly sy ny antony izay tena manan-danja tokoa izany.
• Diniho ny fomba fiasan'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao. Azontsika atao ny manoratra ny fomba samihafa ahitantsika an'Andriamanitra miasa, sy ny fomba anovany ny fiainantsika.
• Soraty ny sasany amin'ireo vavaka ataontsika na tano an-tsoratra ireo valim-bavaka. Izany dia mety ho fototry ny hery manokana aty aoriana rehefa miverina sy mandinika ny diary isika.
• Tano an-tsoratra ireo fanandramana manokana na fotoana miaraka amin'Andriamanitra izay nisy fiantraikany lehibe tamin'ny diantsika ara-panahy.

Ny fanaovana diary ara-panahy dia iray amin'ireo fitaovana mahery vaika izay hanampy hanova ny fiainantsika ho tahaka ny an'i Jesosy. Ilaintsika ny manandrana izany fahazoa-manao izany mandritra ny herinandro maromaro, ary hijery ny fomba fiasan'izany ho antsika. Tsy ilaina ny manao izany isan'andro, kanefa tena hanampy izany raha toa atao indroa ka hatramin'ny efatra ao anatin'ny herinandro.

VAVAKA
Indro misy vavaka atolotra anao raha eo am-panombohana ity herinandro fianarana ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra* isika:

Ray be fitiavana ô, manatona Anao aho anio, manaiky ny halehiben'ny fitiavanao sy ny fahasoavanao. Manova ny fiainako Ianao, ka midera Anao aho noho izany. Raha manandrana ny herinao eo amin'ny fiainako aho, dia manaiky fa ilaiko ny mizara izany amin'ny hafa. Kanefa mbola matahotra aho. Tsy fantatro hoe aiza no anombohana. Koa mombà ahy. Omeo herim-po aho ary tariho aho ho eo amin'ny olona iray izay tianao hizarako ny fitiavanao. Ampio aho hahalala ireo manodidina ahy izay vonona handre ny momba Anao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

ETO AMBANY, MANAOVA LISITR'IREO ZAVATRA TELO TIANAO ATAO AMIN'NY DIA MAHA-MPIANATRA ANAO MIARAKA AMIN'ANDRIAMANITRA MANDRITRA ITY HERINANDRO ITY:

1. _____
   _____
2. _____
   _____
3. _____
   _____

HERINANDRO 5. ***ALAHADY*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjon'ny fianarana ataontsika anio dia hanampy antsika hahazo fa ireo olona manodidina antsika dia noana ara-panahy. Te hahafantatra sy mitady an'Andriamanitra izy ireo. Tena misy marina izany fitadiavana izany, kanefa mety tsy ho amin'ny toerana tokony ho izy foana izany. Miasa mba hihaona amin'izy ireo Andriamanitra---matetika amin'ny alalan'ny olona iray izay efa nanandrana ny Fahasoavany.

VAVAKA
Andriamanitra ô, ampio aho hahafantatra Anao misimisy kokoa. Ampianaro ahy indray ny Fahasoavanao. Ampio aho hahafantatra ireo manodidina ahy ka noana Anao. Ampianaro aho hizara izay nomenao ahy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Amin'ity herinandro ity dia manomboka manao tsianjery ny andininy atao tsianjery faha #9 isika. Mbola ilaintsika indray ny hanaraka ilay fomba fanaovantsika tsianjery nampiasaintsika nandritra ireo herinandro efatra lasa.

2 Korintiana 5:18-19---"Fa izany rehetra izany dia avy amin'Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin'ny alalan'i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana, dia izao: Andriamanitra ao amin'i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany; ary efa napetrany aminay ny teny fampiahavanana. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hamerina andininy roa anio. Ny voalohany dia ny andininy faha #2 (Salamo 34:8) ary ny faharoa dia #8, tamin'ny herinandro lasa (2 Petera 1:3-4). Ampiasao ireo karatra hanampy anao.

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana ankehitriny hiverenana amin'ny Baiboly sy hijerena izay tian'Andriamanitra ambara amintsika hanampiana ny hafa hahafatantra Azy.

VAKIO NY TANTARAN'I KORNELIO AO AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY 10. Mariho ireo foto-kevitra fototra avy amin'io tantara io ho anao:

_____
_____

Tohizo ny fandinihana ny tantaran’i Kornelio. Inona ireo foto-kevitra avy amin’io tantara io, maneho fa nikatsaka zavatra misimisy kokoa tamin’ny dia ara-panahy nataony Kornelio?

_____

_____

Inona no ambaran’io tantara io momba ny toe-tsaina tokony hananantsika momba ny hafa?

_____

_____

VAKIO LIOKA 10:1-12—Iza no manana andraikitry hampandeha mpiasa ho any amin’ny tanim-bokatra ara-panahy? Inona no andraikintsika araka io andininy io?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Tompo ô, ampio aho hahatakatra fa misy olona manodidina ahy izay noana te hahafantatra an’Andriamanitra. Ampio aho hahafantatra ny filan’izy ireo. Omeo herim-po aho; omeo ahy ireo teny hozaraiko amin’ny fotoana mety. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***ALATSINAINY*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hahazo ny herin’ny fiainana voaova ao amin’i Jesosy. Tiantsika ihany koa ny hahita ny fomba fiasan’i Jesosy amin’ireo olona noana te hahafantatra an’Andriamanitra.

VAVAKA
Andriamanitra mahery ô, notendrenao tamin’ny fomba mahagaga ny fiainako. Manandrana ny fitiavanao sy ny fahasoavanao aho. Ampio aho hahafantatra ny fomba hanitarana azy ireo ho amin’ny hafa. Ampio aho hahita fa ny fijoroana ho vavolombelona lehibe indrindra azoko atao dia ny fizarana ny fiainako notendren’Andriamanitra. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia hamerina andininy roa atao tsianjery isika, faha #6 (Matio 11:28-30) tamin’ny herinandro fahatelo, sy faha #9 (2 Korintiana 5:18-19) omaly. Mandania minitra vitsy ary diniho ireo andalana ireo. Inona no ambaran’izy ireo amintsika momba izay nataon’Andriamanitra tamintsika?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Mbola handeha ho ao amin’ny Soratra Masina indray isika hianatra sy handinika izany. Andeha hangatahintsika Andriamanitra hitarika ny fontsika sy ny saintsika raha mandinika ny Teniny isika.

VAKIO NY TANTARAN’I JESOSY SY ILAY VEHIVAVY SAMARITANA AO AMIN’NY JAONA 4:1-42. Tiantsika ny hijery indray io tantara io. Inona ireo foto-kevitra fototra voamarikao momba ny fomba niasan’i Jesosy tamin’ity vehivavy ity?

_____

_____

TOHIZO NY FANDINIHANA NY TANTARAN’ILAY VEHIVAVY SAMARITANA. Inona no nanetsika misimisy kokoa ny hanoanany hahafantatra bebe kokoa?

_____

_____

MARIHO NY ANDININY 28-30---Inona araka ny hevitrao no nitarika azy hiverina ho any amin’ny tànanany sy hanambara ny tantarany?

_____

_____

MARIHO NY ANDININY 42—Inona araka ny hevitrao no nitarika ireo mponina tao an-tànana hino?

_____

_____

VAKIO LIOKA 12:8-9—Nahoana no manan-danja ny fahafantarantsika hoe iza Andriamanitra eo amin’ny fiainantsika, ary mizara izany fahafantarana izany amin’ny hafa?

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo ô, ampio aho hahita ireo olona manodidina ahy amin’ny fomba fahitan’i Jesosy azy. Ampio aho hahatsapa ny fanirian’izy ireo. Ampio aho hahafantatra ny fomba fizarana izay nataon’i Kristy ho ahy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***TALATA*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hahazo ny herin’ny fanasana hoe “Avia, ka jereo.” Ny olona tsirairay dia tsy maintsy manana fanandramana nataon’ny tenany manokana miaraka amin’Andriamanitra.

VAVAKA
Andriamanitra fitiavana ô, ampio aho hahatakatra fa efa miasa amin’ny fiainan’ny olona manodidina ahy Ianao. Ampio aho hahafantatra ny fotoana sy ny fomba hizarana ny fitiavanao. Tariho ho eo amin’ireo noana te hahafantatra Anao aho ary ampianaro hizara izay nataonao ho ahy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny andininy averintsika anio dia ny faha #9 (2 Korintiana 5:18-19). Andeha haverintsika miaraka amin’ny karatra fanaovantsika tsianjery izany. Diniho hoe nahoana no nomena ny asa fanompoana hizara an’i Jesosy amin’ny manodidina antsika isika:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Mbola hitarika ny fianarantsika indray ny Soratra Masina ny amin’ny fomba hizarana ny finoantsika amin’ny manodidina antsika.

VAKIO NY FANOHARANA NY AMIN’NY MPAMAFY AO AMIN’NY MARKA 4:1-20. Inona ireo foto-kevitra fototra avy amin’izany fanoharana izany izay hanampy antsika hahafantatra ny fomba fijoroana ho vavolombelona? Inona no andraikitry ny mpamafy izay mamafy ny voa? Ahoana no hampitahana izany amin’ny andraikintsika?

_____

_____

VAKIO NY TANTARA AO AMIN’NY JAONA 1:35-50. Iza no nasain’i Andrea sy Filipo hahafantatra an’i Jesosy? Inona
no herin’ny fanasan’izy ireo?

_____

_____

Nahoana araka ny hevitrao no nahatonga azy ireo naniry hanasa olona hafa hahafantatra an’i Jesosy?

_____

_____

VAKIO JAONA 12:20-26—Inona ireo andraikitra sy asan’i Filipo sy Andrea ao amin’io tantara io? Inona no ambaran’ilay sary an’ohatra momba ny voambary, momba izay tsy maintsy miseho amintsika? Ahoana no hahatonga izany hisy fiantraikany amin’ny fahaizantsika mizara an’i Jesosy amin’ireo manodidina antsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Ray any an-danitra ô, ampianaro aho hatoky Anao amin’ny anjaranao. Ampio aho hahafantatra fa ny andraikitro dia ny mizara izay nandramako. Anjaranao ny mampitombo ny voa. Ny anjarako kosa dia ny mamafy na mizara izany amin’ireo manodidina ahy. Ampio aho hahafantatra ny fomba hanaovana izany. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***ALAROBIA*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny fahafantarana ny andraikitsika amin’ny fijoroana ho vavolombelona, na ny fanambarana izay nataon’i Jesosy ho antsika no tanjontsika anio. Tena momba an’Andriamanitra izany, fa tsy momba antsika. Ny tena ifantohana dia ny fitoriana an’i Jesosy Kristy ho Tompo.

VAVAKA
Andriamanitry ny fahagagana sy fahasoavana ô, manatona Anao aho anio mahatsapa ny fitahiana noraisiko. Namonjy ahy Ianao ary manasa ahy ankehitriny hizara amin’ny alalan’ny asa fanompoana hanampiana ny hafa hahita Anao. Ampianaro aho hifantoka amin’i Jesosy. Ampio aho hanao Azy ho tena misy eo amin’ny fiainako. Ampio aho hahatakatra fa satria fantatro Ianao, dia azoko atao ny mizara Anao amin’ny hafa. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia manomboka manao tsianjery ny andininy faha #10 isika. Hatramin’izao, dia efa zatra ilay fomba fanaovantsika tsianjery sy famerentsika isika. Andeha ho tsaroantsika fa tena manan-danja ny mandinika na mieritreritra ilay andalana mandritra ny tontolo andro. Ny tanjontsika dia ny miala amin’ny fanaovana tsianjery fotsiny ilay andalana. Tiantsika ny hanao izany ho ampahany amin’ny fiainantsika.

1 Petera 3:15---“Fa manamasìna an’i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ; ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia mamerina ny andininy atao tsianjery faha #3 (Efesiana 2:8-9) avy amin’ny herinandro faharoa, sy ny faha #7 (Ezekiela 36:26-27) isika. Mandania minitra vitsy hieritreretana momba ny fomba nanampian’ireo andalana ireo antsika nandritra ireo herinandro maromaro lasa:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hamelana an'Andriamanitra hiteny ao am-potsika sy ao an-tsaitsika raha manokatra ny Teniny isika. Tiantsika ny hifantoka manokana amin'ny andraikitra izay nomen'Andriamanitra antsika hatao.

VAKIO MATIO 4:18-22 sy 28:18-20—Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny andraikitsika amin'ny maha-mpianatry Jesosy Kristy antsika?

_____

_____

VAKIO ARY DINIHO NY 1 PETERA 3:15-16—Inona no "anton'ny fanantenana" ananantsika? Fanambarana ve izany sa inona?

_____

_____

VAKIO 2 KORINTIANA 4:1-15—Inona no ambaran'izany andalana izany momba ny andraikitsika? Inona ireo foto-kevitra fototra avy amin'ireo andininy ireo izay afaka manampy antsika raha miasa ho amin'ny hafa isika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo ô, ampio aho hanaiky ny andraikitra nomenao ho ahy anio. Ampio aho hahatakatra tsara fa momba Anao izany fa tsy momba ahy. Ampianaro ahy fa ny hery tena izy amin'ny fijoroana ho vavolombelona dia ny tantaran'i Jesosy sy izay nataony ho ahy. Tariho ho eo amin'ny olona izay tianao hizarana Anao aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***ALAKAMISY*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hiditra lalindalina amin'ny fahazoana ny asa fanompoana izay nomen'Andriamanitra antsika. Tiantsika ny hahita fa izany asa fanompoana izany no ivon'ny maha-Kristiana antsika.

VAVAKA
Ray be fitiavana ô, ampio aho hanandrana ny fahafenoan'ny fitiavanao anio. Ampio aho hahafantatra ny haben'izay natolotrao ho ahy ao amin'ny Jesosy Kristy. Tariho aho hanaiky ny tombontsoan'ny asa fanompoana amin'ny Anaranao sy amin'ny fiaraha-miasa Aminao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ireo andininy haverintsika anio dia ny faha #9 (2 Korintiana 5:18-19) sy faha #10 (1 Petera 3:15). Mandania minitra vitsy handinihana izay natolotr'Andriamanitra antsika, ka fototr'izay ananantsika ho zaraina:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana ankehitriny hanokafantsika ny Baiboly sy handaniana fotoana amin'ny fianarana sy fandinihana ny tena hevitry ny asa fanompoana natolotr'Andriamanitra antsika.

VAKIO ASAN'NY APOSTOLY 5:40-42—Inona no nanome hery ireo Apostoly hijoroana ho vavolombelona, manoloana ny fanoherana sy ny fanararaotana? Inona no fototry ny asa fanompoan'izy ireo?

_____

_____

VAKIO 2 KORINTIANA 5:14-21—Io andalana io no fanehoana mazava indrindra ny maha-isika antsika sy ny andraikitsika amin'ny maha-Kristiana antsika, rehefa miresaka ny asa fanompoana. Inona ireo foto-kevitra fototra avy amin'io andalana io izay miteny aminao?

_____

_____

Aiza no manomboka ny fampihavanana? Inona ho anao ny dikan'ireo fehezanteny hoe "fanompoana fampihavanana" sy "teny fampihavanana"?

_____

_____

VAKIO 2 TIMOTY 2:1-2—Inona no ambaran'io andalana io momba ny fizarana izay noraisintsika, ary hatraiza izany fizarana izany?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra fitiavana ô, nampihavana sy nitondra ahy ho amin'ny fitiavanao Ianao. Ampio aho hanana ny herim-po hizara izany fitiavana izany amin'ny hafa. Ampianaro aho fa afaka mizara izay nandramako—satria mahafantatra Anao aho, afaka manampy olon-kafa hahafantatra Anao koa aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***ZOMA*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hijery ny mahatsotra ny fizarana sy ny heriny. Tiantsika ny hahafantatra fa tsy fizarana fahalalana ara-tsaina fotsiny izany, fa fizarana izay nataon'i Kristy ho antsika.

VAVAKA
Tompon'ny fitiavana ô, ampio aho hahatsiaro ny halehiben'ny nataonao ho ahy. Ampianaro aho fa, satria fantatro sy tiako Ianao, dia azoko atao ny mizara Anao amin'ny olona manodidina ahy anio. Aoka ny Teninao hiteny ao am-poko anio. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny andininy atao tsianjery averintsika anio dia ny faha #10 (1 Petera 3:15). Mandania minitra vitsy handinihana ny fomba "hanokanana an'i Jesosy ho Tompon'ny fiainanao" anio:

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hiverenana amin'ny Baiboly sy hijerena ny hery sy ny fototry ny fijoroana ho vavolombelona.

VAKIO MARKA 5:1-20—Apetraho eo amin'ny toeran'io lehilahy io ny tenanao. Ahoana ny fomba hilazanao ny fanandramany amin'ny teninao manokana? Inona no nangatahin'i Jesosy azy hozarainy amin'ny hafa? Inona no nanome hery ny hafatra nentiny?

_____

_____

VAKIO NY TANTARA AO AMIN'NY ASAN'NY APOSTOLY 8:26-40—Inona ireo lesona azontsika ianarana avy amin'io tantara io? Hatraiza ny fahavononan'Andriamanitra hanampy ny hafa hahafantatra Azy? Hatraiza ny fahavononan'Andriamanitra hanampy antsika hanao asa fanompoana ho Azy?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 9:16-23—Inona ireo fitsipiky ny fijoroana ho vavolombelona izay azontsika avy amin'io andalana io?

_____

_____

Ahoana no hahafahanao mifandray amin'ireo manodidina anao, hanorina fifandraisana hahazoanao mizara izay nataon'i Jesosy ho anao?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Ray malala any an-danitra ô, ampio aho hahatsiaro ny halehiben'ny nataonao ho ahy. Ampio aho hahafantatra hoe iza amin'ireo manodidina ahy no mila mandre izay nataonao ho ahy. Ampio aho hiaina ny fanatrehanao anio, ary omeo herim-po hizara amin'ny hafa aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 5. ***FEHINY*** **IANAO KOA AFAKA NY HANATANTERAKA IZANY**

Ny loha-hevitra nandritra ity herinandro ity dia ny fanompoana fampihavanana---nahitantsika fa miantso antsika Andriamanitra, hizara amin'ny hafa izay nandramantsika tamin'ny dia miaraka Aminy isika. Izany no vokatra voa-janaharin'izay nianarantsika nandritra ireo herinandro efatra voalohany. Ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra no manome antsika hery hijoroana ho vavolombelona. Lanio ireo minitra vitsy manaraka, handinihana izay mety ho dikan'ny fianarana nandritra ity herinandro ity ho an'ny fiainantsika ara-panahy.

Ahoana no nahatonga ny fotoana fiarahanao amin'Andriamanitra isan'andro nisy fiantraikany tamin'ny fiainanao nandritra ity herinandro ity? Inona no fiovana aterak'izany amin'ny fomba fiainanao?

_____

_____

Taiza no nanandramanao fihaikana tamin'ny maha-mpianatra anao nandritra iny herinandro lasa iny?

_____

_____

Ahoana no nanombohan'izay nataon'Andriamanitra ho anao nisy fiantraikany tamin'ny fiainanao?

_____

_____

Iza no napetrak'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao, izay azonao hizarana izay nataon'i Jesosy ho anao?

_____

_____

Ahoana no fomba tianao hahitana an'Andriamanitra miasa amin'ny fiainanao mandritra ny herinandro ho avy?

_____

_____

HERINANDRO 6. ***SABATA HARIVA*** **ISIKA NO TENANY**

FAMPIDIRANA

Inona no hevitry ny hoe anisan’ny fiangonana—ny Tenan’i Kristy? Izany no hifantohantsika mandritra ity herinandro ity. Mazava ny fanambaran’i Paoly: “Ary ianareo no tenan’i Kristy, ka samy momba ny tenany avokoa araka ny anjaranareo avy” (1 Korintiana 12:27). Tiantsika ny hahafantatra misimisy kokoa ny hevitr’izany. Ahoana no mahatonga izany hisy fiantraikany amin’ny fomba fifandraisantsika amin’ny tsirairay avy ao amin’ny fiangonana? Ahoana no hanovan’izany ny fomba fieritreretantsika sy ny fihetsika ataontsika?

Ny hevitra momba ny tena iray izay vahoakan’Andriamanitra dia miseho voalohany indrindra amin’ny tantaran’ny Israely tany Egypta (Eksodosy 3:7). Nandritra ny tantaran’i Abrahama manontolo, dia nampanantena Andriamanitra fa hanao azy ho firenena lehibe. Rehefa avy eo dia nantsoiny hivoaka avy any Egypta izy ireo, ary nafahany tamin’ny fomba mahagaga, ka notarihany ho any amin’ny Tany Nampanantenaina. Nantsoin’Andriamanitra ho vahoakany izy ireo, nanatanterahany ny fampanantenany an’i Abrahama. Zava-dehibe ny manamarika fa ny maha-izy azy ireo amin’ny maha-vahoakan’Andriamanitra, dia miorina amin’ny hetsika sy ny antson’Andriamanitra, fa tsy ny ezaka nataon’izy ireo manokana. Ny hetsika feno fahasoavan’Andriamanitra no mahatonga azy ireo ho Vahoakany.

Naneho fampitahana ireo mpino Kristiana sy ny Israely i Paoly ao amin’ny Romana 9-11. Nambarany mazava hoe : “Tsy ny zanaky ny nofo no zanak’Andriamanitra ; fa ny zanaky ny teny fikasana no isaina ho taranaka, araka ny taranaky Abrahama” (Romana 9:8). Ampifandraisin’ny Soratra Masina ny maha-vahoakan’Andriamanitra ao amin’ny Testamenta Taloha sy ny Fiangonana ao amin’ny Testamenta Vaovao. Ny fifantohana dia mivantana amin’ny firaisana ara-panahy, fa tsy ny taranaka ara-nofo. Lasa "Tenan’i Kristy” ny fiangonana tamin’ny alalan’ny hetsik’Andriamanitra. Mitondra ny Anarany izy vokatry ny Antsony, fa tsy ny safidin’olombelona.

Avy eo dia mitarika antsika i Paoly handinika izay ho vokatr’izany eo amin’ny fomba fiainantsika. Satria isika no "Tenan’i Kristy,” dia voaovan’ny maha-isika antsika vaovao ny fitondrantenantsika. Ny maha-isika antsika ao amin’i Kristy dia misy fiantraikany mivantana amin’ny safidintsika sy hetsika ataontsika. Raha ny marina, ao amin’ny asa sorany manontolo, dia izany no lasa foto-kevitra manosika ny fiainana Kristiana isan’andro. Ny maha-isika antsika amin’ny maha-anisan’ny “Tenan’i Kristy” antsika, sy ny fifandraisantsika amin’i Kristy amin’ny maha lohan’ny "Tena" dia manova ny ezaka ataontsika.

Mandritra ity herinandro ity, dia hojerentsika ny fomba hanovan’ny maha-isika antsika vaovao ao amin’i Kristy ny fomba fijerintsika sy fandraisantsika ny tsirairay avy amin’ny maha-Kristiana. Hoy Jesosy hoe : “Izany no hahafantaran’ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia ” (Jaona 13:35). Hifandray amin’ny hafa amin’ny fomba vaovao isika, satria mifandray amin’i Kristy. Manana ny maha-isika antsika vaovao isika amin’ny maha "Tenan’i Kristy”—ny Fiangonana antsika.

Izany hevitra lehibe izany dia manana fiantraikany matotra amin’ny fomba fisainana sy fitondrantsika tena. Ny kolotsaina misy antsika dia manatitrantitra ireo "zon’olombelona" tsirairay. Ny modely ara-baibolin’ny fiangonana dia manatitrantitra ny tombontsoa sy ny andraikitry ny tsirairay ao amin’ilay Tena lehibe—ny fiangonana. Amin’ny heviny tena izy, rehefa lasa iray ao amin’i Kristy isika dia miova ny maha-isika antsika. Ankehitriny isika dia ampahan’ny Tenany. Tsy afaka mieritreritra ny tenantsika ao amin’ny mangingina intsony isika. Tsy maintsy miova ny fomba fijerintsika. Efa "olom-baovao” isika (2 Korintiana 5:17). Ampahany amin’izany olom-baovao izany, dia ny fifandraisantsika amin’ny tsirairay avy amintsika amin’ny maha-ampahan’ny Tena azy.

HERINANDRO 6. ***SABATA HARIVA*** **ISIKA NO TENANY**

IREO TANJONA MANDRITRA NY HERINANDRO

Ny tanjontsika amin’ity herinandro ity dia ny hahazo bebe kokoa ny hevitry ny maha-anisan’ny Fiangonan’Andriamanitra antsika:

• Hijery ny dikan’ny Fiangonana amin’ny maha-Tenan’i Kristy azy.

• Hamantatra ny maha-isika antsika vaovao amin’ny maha-mambran’ny Tenan’i Kristy antsika.
• Hijery ireo fomba ara-baibolin’ny fiasan’ny Fiangonana.

FAHAZARANA MASINA---*FANDINIHANA LALINA*
Ny *Fahazarana Masina* tiantsika hamafisina anio dia ny fandinihana lalina. Teny mahazatra amin’izao tontolo misy antsika izao izany. Mety midika zavatra maro samihafa izany. Ho an’ny fianarantsika, dia tiantsika ny hifantoka amin’ny fandinihana lalina ara-baiboly. Amin’izany tontolo-kevitra izany, dia midika fampifantohana ny saintsika sy ny fontsika amin’Andriamanitra amin’ny fampanginana ny saintsika sy fampiasana ny eritrerintsika hifantoka amin’Andriamanitra sy ny Teniny izany. Tsy fanafoanana ny saintsika na fifantohana amin’ny "tsinontsinon’" izao tontolo izao izany. Famenoana ny saintsika an’Andriamanitra sy ny Teniny izany.

NY FANDINIHANA LALINA ARA-TANTARA dia fampiasana voafehy ny sainao sy ny fifantohanao amin’ny tantara manokana, avy amin’ny fomba fijery tsy miova amin’ny ezaka atao hanandramana izay mety ho azo rehetra avy amin’ilay tantara.

Ireto foto-kevitra manaraka ireto dia tena hanampy tokoa amin’ny fandinihana lalina ara-tantara:

• Tena iankinan’aina tanteraka ny fifehezantsika sy fitarihantsika ny saintsika. Tsy tiantsika na oviana na oviana ny hanolotra ny sitrapontsika na ny fomba fieritreretantsika amin’ny vinavina.
• Mifantoha amin’ny tantara ara-baiboly, avy amin’ny fijerin’ny mpanatrika na iray amin’ireo mpandray anjara ao anatin’ny tantara. Safidio ny iray amin’ireo mpandray anjara, ary miezaha hametraka ny tenanao eo amin’ny toeran’izany olona izany.
• Ampiasao ny sainao hieritreretana izay nandraman’ilay olona ao amin’ny Baiboly.

NY ZAVA-DEHIBE dia ny hifankazarantsika amin’ilay tantara, ka ho tonga tena izy ho antsika izany.

NY TSY ZAVA-DEHIBE dia ny fahitantsika na ny fanandramantsika ny zavatra rehetra ao amin’ilay tantara amin’ny fomba mitovy amin’ny an’ny hafa.

FANAMARIHANA: ho manokana ny fanandramanao, noho ny fototra niavianao sy ny maha-izy anao manokana.

Ny fahaizana mamolavola zavatra ao an-tsaina no fitaovana fototra amin’ny fandinihana lalina. Izany no ampahany lehibe indrindra amin’ny saintsika. Nomen’Andriamanitra antsika izany fitaovana izany, hamelana antsika hihoatra ireo fetra amin’ny fahazarantsika amin’ny fiainana andavanandro. Na izany aza, ny fahaizana mamolavola zavatra ao an-tsaina dia ilaina fantarina sy fehezina.

Indro misy foto-kevitra fototra vitsivitsy hitarihana ny fahaizantsika mamolavola zavatra ao an-tsaina:

1. Ampiasao ny sitraponao hampifantohana ireo eritreritrao.
2. Avelao ny fanandramana tamin’ny lasa sy ny fahalalanao hanampy ny fahaizanao maka sary an-tsaina.
3. Aoka ny Soratra Masina no hifehy sy hanome ireo fetra amin’ny famolavolanao zavatra ao an-tsaina.

Indro misy dingana vitsivitsy hitarika antsika amin’ny fandinihana lalina:
1. Manomboha amin’ny vavaka, mangataka ny Fanahy Masina mba hitarika.
2. Vakio ny tantara ao amin’ny Baiboly, sy ny fitaovana rehetra anananao afaka hanome ireo fahalalana fototra.
3. Alaivo sary an-tsaina hoe nanatrika teo ianao.
4. Miezaha mijery, mihaino ary mahatsapa ireo antsipiriany.
5. Meteza hanaiky ireo fahamarinana ara-baiboly.
6. Omeo fotoana ampy ny tenanao.
7. Rehefa vita ny famolavolana an-tsaina, dia mipetraha handinika izay nandramanao.
    a. Inona ireo fahazavana vaovao noraisinao?
    b. Inona no fahatsapana nandramanao?
    c. Inona no fahazavana vaovao momba an’Andriamanitra noraisinao?

d. Inona no azonao ampiharina amin’ny fiainanao?

VAVAKA
Indro misy vavaka atolotra anao, mba hanampy anao hanomboka ity herinandro fianarana ireo ***Dingana amin’ny maha-Mpianatra***:

Ray malala any an-danitra ô, manatona Anao aho mahatsapa ny filàko hatrany ny fanatrehanao ny fiainako. Misaotra Anao aho ny amin’ireo fitahiana maro nomenao ahy. Misaotra Anao amin’ny fomba manokana aho ny amin’ny tombontsoa ananako, anisan’ny ankohonana ara-panahy. Ampio aho hahazo ny dikan’ny maha-Fiangonana, Tenan’i Kristy ahy. Ampio aho hianatra hiasa amin’ny maha-ampahan’izany Tena izany. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

Ataovy lisitra eto ambany izay tianao hotanterahina amin’ny dia maha-mpianatra anao miaraka amin’Andriamanitra amin’ity herinandro ity:

_____

_____

HERINANDRO 6. ***ALAHADY*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Mampiasa teny maro ny Soratra Masina anehoana ny Fiangonana. Ny mahazatra indrindra dia ny sary an’ohatry ny "Tenan’i Kristy.” Manomboka ity herinandro ity isika, amin’ny fianarana ny hevitry ny hoe isan’ny Fiangonana.

VAVAKA
Tompo ô, ampio aho amin’ny dia iarahako Aminao anio. Sokafy ny saiko ahazoako ny hevitry ny maha-isan’ny Fiangonanao ahy. Omeo ahy ny fahazavana izay tianao ahatongavanay. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia manomboka mianatra ny andininy atao tsianjery faha #11 isika. Mbola harahintsika ny fomba nampiasaintsika tamin’ireo herinandro dimy lasa.

1 Korintiana 3:16---“Tsy fantatrareo va fa tempolin’Andriamanitrra ianareo, ary ny Fanahin’Andriamanitra mitoetra ao anatinareo? »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hamerina andininy roa anio. Ny voalohany dia ny #4 (1 Jaona 5:13) tamin’ny herinandro faharoa. Ny faharoa dia #10, tamin’ny herinandro lasa (1 Petera 3:15).

Mifidiana iray amin’ireo andininy haverina, ka mandania minitra vitsy amim-pandinihana lalina. Inona ireo fahatsapana tonga ao an-tsainao raha mieritreritra am-bavaka momba io andalana io ianao?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana izao hanokafana ny Tenin’Andriamanitra sy handinihana izay tiany hambara momba ny Fiangonany anio.

VAKIO 1 KORINTIANA 3:9, 16-17---Inona ho anao ny hevitry ny hoe anisan’ny fiangonana, anisan’ny Tempolin’Andriamanitra? Ahoana no ahafahan’izany manova ny fomba fiainanao anio?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 5:23-27—Ampitahao amin’ny Efesiana 4:11-16 io andalana io. Inona no ambaran’ireo andalana ireo aminao momba ny tanjon’Andriamanitra ho an’ny Fiangonany?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 12:12-27—Mariho manokana ny andininy 27. Inona ireo foto-kevitra azontsika ianarana avy amin’ireo andininy ireo, momba ny fomba fiainantsika amin’ny maha-Fiangonan’Andriamanitra antsika?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra fitiavana ô, ampio aho hahazo ny hevitry ny maha-isan’ny "Tenan’i Kristy” ahy. Ampio aho hianatra ny hiasa amin’ny maha-ampahan’ny "Tena" ahy. Ampio aho hiara-mandeha Aminao mandritra ity tontolo andro ity. Aoka ny fiainako ho fanehoana ny fitiavanao sy ny fanatrehanao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***ALATSINAINY*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Ny fahazoantsika ny fomba ifandraisantsika amin’i Kristy amin’ny maha-Lohan’ny Fiangonana Azy, sy ny fomba fiorenan’ny Fiangonana amin’i Kristy no tanjon’ny fianarana ataontsika anio.

VAVAKA
Ray malala any an-danitra ô, manokatra ny foko Aminao aho anio. Mikatsaka ny hahafantatra Anao bebe kokoa. Tiako ny hahatakatra bebe kokoa ny hevitry ny maha-isan’ny Fiangonanao ahy. Ampio aho hahita an’i Jesosy amin’ny maha-fototr’izany Fiangonana izany Azy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Roa ireo andininy averintsika anio, #8 (2 Petera 1:3-4) sy ny andininy omaly #11 (1 Korintiana 3:16). Mandania minitra vitsy hamerenana ireo andalana roa ireo. Avy eo dia diniho izy ireo, ary mariho ny fomba ahazoan’izy ireo manova ny fiainanao anio.

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Andeha hitodika amin’ny Baiboly isika ankehitriny, hijery ny andraikitry Kristy ao amin’ny Fiangonana. Tiantsika ny hijery manokana ny fiantraikan’izany eo amin’ny fomba fiasantsika amin’ny maha-fiangonana antsika.

VAKIO MATIO 16:13-19—Nahoana no tena manan-danja ny maha-izy an’i Jesosy ao amin’io tantara io? Ahoana no mahatonga ny fanekena an’i Jesosy ho Kristy no fototry ny Fiangonany?

_____

_____

Inona ireo fiantraikan’ny fifehezana omen’i Jesosy ny Fiangonany eo amin’ny andininy 19?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 1:17-23—Inona no ambaran’io andalana io amintsika ny amin’ny faniriany Paoly ho an’ireo mpino?

_____

_____

Inona no ambaran’io andalana io amintsika momba an’i Jesosy sy ny fifandraisany amin’ny Fiangonana?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra mahery sy Ray any an-danitra ô, nomenao anay ny Fiangonanao. Raha ny marina aza dia izahay no Fiangonanao. Misaotra Anao noho ny tombontsoa amin’ny maha-isan’ny tena ara-panahy ahy ao amin’i Kristy. Ampio izahay hiaina ny tena marina amin’ny maha-izy anay vaovao ao amin’i Kristy. Ampio izahay hilefitra amin’i Jesosy amin’ny maha-Lohan’ny Fiangonana Azy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***TALATA*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjona anio dia ny hahafantatra ny fomba tokony hifandraisantsika amin’ny maha-isan’ny Fiangonan’Andriamanitra antsika. Tiantsika ny hanomboka hijery ny fiatraikan’izany amin’ny fomba fiainantsika amin’ny maha-Fiangonana antsika.

VAVAKA
Ray malala any an-danitra ô, ampio aho hisokatra amin’ny fanatrehanao anio. Ampio aho hahatsapa ny halehiben’ny fanirianao handray anjara amin’ny fiainako. Misaotra Anao aho noho ny Fiangonanao. Ampio aho hahafantatra ny fomba fiaina amin’ny maha-isan’ny "Tenan’i Kristy” ahy. Amin’ny anaran’I Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia tiantsika ny hamerina ny andininy faha #5 (Ohabolana 3:5-6) tamin’ny herinandro 3 sy ny andininy faha #11 (1 Korintiana 3:16) tamin’ity herinandro ity. Mipetraha ary diniho ny fomba ahazoan’ireo fahamarinana avy amin’ireo andininy ireo manova ny fiainanao anio.

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tonga indray izao ny fotoana hanokafana ny Tenin’Andriamanitra hianarana sy hodinihana. Andeha hikatsaka hanao izao fianarana izao ho fifampiresahana am-bavaka mitohy amin’Andriamanitra, raha mianatra sy mandinika ireto andalana manaraka ireto isika.

VAKIO NY ASAN’NY APOSTOLY 2:41-47—Inona ireo foto-kevitra avy amin’io andalana io, izay miteny amin’ny fonao anio? Inona no azonao ampiharina amin’ny fomba fieritreretanao manokana momba ny fomba ahazoantsika miasa amin’ny maha-fiangonana antsika?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 2:11-22—Mifantoha manokana amin’ireo andininy 19-22. Inona no ambaran’ireo andininy ireo momba ny fifandraisantsika ao am-piangonana?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 4:11-16—Inona no ambaran’io andalana io momba ny fahitan’Andriamanitra ny Fiangonany?

_____

_____

VAKIO HEBREO 10:24-25—Ahoana no anampian’ireo foto-kevitra avy amin’ireo andininy ireo antsika amin’ny fandraisantsika anjara amin’ny fiainam-piangonana?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo Andriamanitra ô, nataonao ho isan’ny Fiangonanao aho. Mitoetra ho marina izany raha mbola mifandray amin’i Kristy, ilay Lohan’ny Fiangonana aho. Ampio aho hiara-mandeha Aminao mandritra ity tontolo andro ity. Ampio aho hampifantoka ny saiko Aminao mandritra ity tontolo andro ity. Ampianaro ahy ny hitia ny hafa tahaka ny itiavanao ahy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***ALAROBIA*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Ny fifantohantsika anio dia amin’ireo mpanondro ao amin’ny Soratra Masina, izay hanampy antsika hiara-miasa amin’ny maha-Fiangonan’Andriamanitra antsika. Tiantsika ny hahafantatra ireo fitsipika manan-danja ho an’ny fiainana isan’andro ao amin’ny Fiangonana.

VAVAKA
Andriamanitra Fitiavana ô, raiso ny fiainako anio ary ataovy toerana hitoeranao izany. Ovay amin’ny fanatrehanao sy ny herinao ny androko. Ampianaro avy amin’ny Teninao ny dikan’ny maha-isan’ny Fiangonanao ahy aho. Ampio aho handray anjara amin’ny Fiangonanao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia manomboka mianatra ny andininy atao tsianjery faha #12 isika. Mbola hitohy hampiasa ilay fomba nandritra ny herinandro 5 lasa isika. Soraty indray amin’ny karatra izay azonao entina miaraka aminao mandritra ny andro izany.

Galatiana 6:1-2---“Ry rahalahy, raha misy olona azon’ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin’ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fa ianao koa mba halaim-panahy ihany. Mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn’i Kristy. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hamerina ny andininy atao tsianjery faha #9 (2 Korintiana 5:18-19) tamin’ny herinandro 5. Mandania minitra vitsy handinihana ireo foto-kevitra fototra ao amin’io andalana io. Inona no ambaran’izany momba ny fifandraisanao miaraka amin’Andriamanitra, sy ny Fiangonany?

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Mbola tonga indray izao ny fotoana handehanana ao amin’ny Soratra Masina ho an’ny fianarana sy fandinihantsika isan’andro. Angataho Andriamanitra hanome anao ireo fahazavana, ny amin’ny fomba fiasantsika amin’ny maha-Fiangonany antsika.

VAKIO ROMANA 12:1-3 SY 9-18---Inona ireo foto-kevitra fototra ampianarin’ireo andininy ireo antsika momba ny fifandraisantsika ao am-piangonana?

_____

_____

VAKIO MATIO 5:23-24 SY 18:15-18—Inona no ampianarin’ireo andalana ireo antsika momba ny fiatrehana ireo olana ao am-piangonana? Inona no mety hiseho raha mampihatra ireo fitsipika ireo isika?

_____

_____

VAKIO GALATIANA 6:1-2—Inona no azontsika ianarana avy amin'io andalana io momba ny fifampikasoahana amin'ireo olona miatrika ady?

_____

_____

Iza no fantatrao fa mitolona ara-panahy? Ataovy lisitra ireo ary ampidiro amin'ny vavaka ataonao. Mieritrereta fomba ahafahanao miara-mandeha amin'izy ireo am-pitiavana.

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra mahery ô, ampianaro aho anio hanarina ireo malemy. Miaraha mandeha amiko ary ampio aho hitia ireo manodidina ahy. Ovay amin'ny fanatrehanao ny fiainako sy ny androko. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***ALAKAMISY*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hijery ny tolo-kevitra manokana avy amin'i Jesosy momba ny fifanompoan'ny tsirairay. Tiantsika ny ho tahaka an'i Jesosy bebe kokoa, amin'ny fomba fifandraisantsika amin'ny hafa ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra.

VAVAKA
Tompo ô, Fiangonanao ity. Ampio aho hahatakatra bebe kokoa ny dikan'ny maha-isan'ny Fiangonanao ahy. Tariho ny fianarako anio. Ampianaro aho ho tia sy hanompo tahaka ny nataon'i Jesosy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Mamerina ireo andininy roa amin'ity herinandro ity isika, #11 (1 Korintiana 3:16) sy #12 (Galatiana 6:1-2). Mandania minitra vitsy handinihana ireo foto-kevitra fanampiny nianaranao avy amin'ireo andalana ireo.

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tiantsika ny hanokatra ny saintsika ho amin'ny Tenin'Andriamanitra, raha miditra lalindalina kokoa amin'ny fianarana sy fandinihana ataontsika anio isika.

VAKIO JAONA 13:1-17—Inona no ampianarin'izany tantara izany momba ny andraikitrao ao am-piangonana? Ahoana no ahafahan'ny modely nasehon'i Jesosy hanova ny fiainanao sy ny asa fanompoanao?

_____

_____

VAKIO MARKA 10:35-44—Ampiasao ny sainao hametrahana ny tenanao ao amin'io tantara io. Amin'ny fomba ahoana no ahazoanao mampitovy ny tenanao amin'i Jakoba sy Jaona eto?

_____

_____

Inona ireo fahazavana avy amin'ny andininy 42-44 izay tena misy heviny manokana ho anao, nahoana?

_____

_____

VAKIO LIOKA 9:46-48—Ahoana no ahazoanao mamaritra ny fahamarinana lehibe ao amin'ny ankohonan'Andriamanitra, araka ny fahazavana avy amin'io andalana io?

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra Rain'izao tontolo izao ô, ovay amin'ny fanatrehanao ny androko. Ampianaro ahy fa ny fitomboana marina dia vokatry ny fanarahana an'i Jesosy eo amin'ny fiainam-panompoana. Ampio aho hanova ny fomba fijeriko ny hafa. Sokafy ny fiainako ary tiavo amin'ny alalako ny hafa anio. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***ZOMA*** **ISIKA NO TENANY**

NY TANJONA ANIO
Amin'ny maha-mambran'ny Fiangonan'Andriamanitra antsika, dia anisan'ny Tena lehibe kokoa isika. Tsy azontsika atao ny miaina amin'ny fitokanana lavitra ireo manodidina antsika. Ny fianarantsika anio dia hitondra antsika lalindalina kokoa amin'ny fahazoana ny andraikitsika amin'ny fiaraha-miasa amin'ny hafa.

VAVAKA
Andriamanitra mahery ô, ampianaro aho hiaina tahaka ny fomba fiainan'i Jesosy. Ampio aho hahafantatra hoe iza moa aho, amin'ny maha-Fiangonanao ahy. Ampio aho hianatra ny dikan'ny fanoloran-tena. Fantatro fa tsy mora izany. Koa mangataka ny fanampianao sy ny herinao aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia hamerina ny andininy atao tsianjery faha #12 (Galatiana 6:1-2) isika. Mandania minitra vitsy handinihana ny fomba ahazoan'ireo foto-kevitra avy amin'io andalana io ho tonga isan'ny fiainantsika.

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Fotoana ankehitriny hanokafana ny Baiboly sy hijerena ny fetra lalindalina kokoa amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra sy ny Fiangonany. Angataho Andriamanitra hanome anao fahendrena manokana, raha eo am-pianarana ny loha-hevitra ianao anio.

VAKIO 1 PETERA 2:4-5 SY 9-10---Inona no ampianarin'ireo andininy ireo anao momba ny maha-ianao anao ao amin'i Kristy? Inona no andraikitrao amin'izany dingana izany? Inona no andraikitr'Andriamanitra?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 5:15-21—Inona no heverinao fa tian'Andriamanitra hampianarina anao avy amin'ireo andininy ireo?

_____

_____

VAKIO ROMANA 14:1, 7-8---Inona no azonao ianarana avy amin'ireo andininy ireo? Ahoana no ahafahan'izany manova ny fomba fifandraisanao amin'ny hafa ao am-piangonana?

_____

_____

VAKIO ROMANA 14:13-15, 19—Inona ireo fiantraikan'ireo andininy ireo amin'ny fiainanao?

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo be fitiavana ô, ampio aho handray ny andraikitro amin'ny fiaraha-miasa amin'ny hafa. Ampio aho hanolotra ireo faniriako sy ireo fitiavako ho amin'ny filàn'ny hafa sy ho Anao amin'ny maha-Tompo Anao.

Miaraha mandeha amiko mandritra ity tontolo andro ity. Ampianaro ahy ny Fanatrehanao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 6. ***FEHINY*** **ISIKA NO TENANY**

Ny fianarana tamin’ity herinandro ity dia nitondra antsika ho amin’ny toerana izay tsy mahazatra antsika loatra. Mifantoka amin’ireo andraikitra sy ireo zo maha-olombelona ny fiaraha-monina misy antsika. Ny hevitra ara-baibolin’ny Fiangonana dia mampifanatrika antsika amin’ny maha-izy antsika vaovao—fa isan’ny Tenan’i Kristy isika. Ny fifandraisantsika amin’Andriamanitra dia manova ny fifandraisantsika amin’ny sisa amin’ny Ankohonany. Lanio ireo minitra vitsivitsy manaraka, handinihana ny hevitry ny fianarana nandritra ity herinandro ho an’ny diantsika miaraka.

Ahoana no mahatonga ny fotoana iarahanao amin’Andriamanitra isan’andro nampisy fiantraikany ny fiainanao nandritra ity herinandro ity? Inona no fanovana entin’izany amin’ny fomba fiainanao?

_____

_____

Taiza no nanandramanao fihaikana tamin’ny maha-mpianatra anao nandritra ity herinandro ity?

_____

_____

Ahoana no mahatonga izay nataon’Andriamanitra ho anao manomboka misy fiantraikany eo amin’ny fiainanao?

_____

_____

Iza no napetrak’Andriamanitra eo amin’ny fiainanao ho isan’ny fiangonana, izay mety hananan ao olana? Ahoana no ahafahan’izay nataon’i Jesosy ho anao hanova ny fomba fandraisanao azy ireo?

_____

_____

Ahoana no tianao hahitana an’Andriamanitra hiasa eo amin’ny fiainanao mandritra ny herinandro ho avy?

_____

_____

HERINANDRO 7. ***SABATA HARIVA*** **AMPITAOVANY HO AMIN’NY ASA FANOMPOANA**

FAMPIDIRANA

Nandany ireo herinandro enina lasa isika, tamin’ny fikatsahana ny hiara-mandeha akaiky kokoa amin’Andriamanitra. Amin’ity herinandro ity, dia ho hitantsika fa rehefa miara-mandeha amin’Andriamanitra isika, dia antsoina avy hatrany sy omanina ho amin’ny asa fanompoana. Ny maha-mpianatra Kristiana dia manana fifantohana mijidina sy marin-drano. Na oviana na oviana dia tsy mifantoka amin’ny tena samirery izany.

Izany fifantohana anaty amin’ny fifandraisantsika amin’Andriamanitra izany dia tena fifantohana marin-drano tokoa. Mijery an’Andriamanitra isika, hamantatra hoe iza moa isika. Mikatsaka ny hitombo amin’ny fifandraisana Aminy sy ny momba Azy ihany koa isika. Ny fihitarana voa-janaharin’izany fitomboana izany dia mitarika ho amin’ny fifantohana any ivelany—ny antso ho antsika ho amin’ny asa fanompoana.

Raha mifantoka amin’ireo manodidina antsika isika, dia ataontsika izany amin’ny tontolo-kevitr’izay miseho amin’ny fihaonantsika amin’Andriamanitra. Mahita ireo tombontsoa ho amin’ny asa fanompoana isika. Tsapatsika ny fahamaikana handray anjara amin’ny asa fanompoana. Amin’izany fotoana izany, dia mety hampatahotra izany.

Manontany tena isika raha afaka manao zavatra manan-danja. Matahotra isika fa tsy afaka manao na inona na inona, na mieritreritra ny hafa ho manan-talenta kokoa.

Asehon’ny Soratra Masina fa ny Kristiana dia ampahany miasa ao amin’ny "Tenan’i Kristy.” Miaraka amin’ny Fiangonan’Andriamanitra, ny teny hoe “Kristiana tsy miasa” dia fifanoherana—teny mifanohitra izany. Tsotra ny fahamarinana ara-baiboly. Miantso antsika ho amin’ny asa fanompoana Andriamanitra. Manome fitaovana ho antsika amin’ny asa fanompoana Izy. Ary mampahery antsika ho amin’ny asa fanompoana.

Ny mambra tsirairay dia mpitondra fivavahana. Ny mambra tsirairay dia mpisorona. Manana fifandraisana mivantana amin’Andriamanitra isika. Tsy ilaintsika ny manatona amin’ny alalan’ny olombelona hafa vao hahita famelan-keloka sy fanandramana ny fahasoavan’Andriamanitra. Kanefa tsy izany ihany no maha-mpitondra fivavahana na mpisorona. Tsy nisy na oviana na oviana ny mpisorona manompo ny tenany. Misy izy ireo mba hanompo ny hafa.

Avy amin’ny fiarahantsika mandeha manokana miaraka amin’Andriamanitra, dia voaomana ho amin’ny asa fanompoana ny hafa manodidina antsika isika. Ireo fanontaniana tokana dia aiza sy amin’ny fomba ahoana? Efa novalian’Andriamanitra anefa ireo fanontaniana ireo. Napetrany isika ho eo amin’ny toerana tiany ho antsika, mba hahatonga antsika ho isan’ny fomba fanorenany ny Fiangonany. Omeny fanomezam-pahasoavana ara-panahy isika hanompoana. Avy eo Izy dia manasa antsika handray anjara amin’ny asa fanompoana. Andraikintsika ny mamantatra ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika sy mampiasa azy ireny.

Ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana ananantsika. Ny tsirairay amintsika dia manana andraikitra samihafa raisina. Kanefa ny tsirairay dia samy manan-danja sy ilaina avokoa. Ny ampahany tsirairay amin’ny tena, dia manana fomba fiasa manokana tanterahina. Tao an-tsain’Andriamanitra isika raha nanorina ny Fiangonany Izy. Ambonin’izany rehetra izany, dia mampahery ireo fanomezam-pahasoavana sy ny asa fanompoana amin’ny fanatrehany Izy. Ny teny fikasany homba antsika dia amin’ny tontolo-kevitry ny Iraka nomeny “Mandehana... ataovy mpianatra.”

IREO TANJONA MANDRITRA NY HERINANDRO

Ireo tanjontsika mandritra ny herinandro dia:

• Hahafantatra fa ny mambra tsirairay dia mpitondra fivavahana.
• Hahatakatra ny hevitr’ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy.
• Hanaiky ny antso nalefa amintsika ho amin’ny asa fanompoana.
• Hanomboka hijery ny antso ho antsika ho amin’ny asa fanompoana, sy hamantatra ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy ho amin’ny asa fanompoana.

FAHAZARANA MASINA---***MANAO TSIANJERY NY SORATRA MASINA***

Nandritra ireo herinandro enina lasa, dia nijery *Fahazarana Masina* na fitsipika ara-panahy samihafa isika. Ireny fahazoa-manao ara-panahy ireny dia manampy ny fiainantsika hisokatra amin’ny fanatrehan’Andriamanitra. Lasa fahazarana izy ireny, ka manome toerana ho an’Andriamanitra hanovana antsika.

Nanomboka nanao tsianjery andininy avy ao amin’ny baiboly isika, tamin’ny herinandro voalohan’ny fianarantsika. Ankehitriny, dia tiantsika ny hijery ny maha-manan-danja izany *Fahazarana Masina* izany, sy ny fomba hanaovana azy hahomby kokoa.

Ny fanaovana tsianjery ny Soratra Masina dia iray amin’ireo fitaovana mahery vaika amin’ny fanovana ny saina. Hoy ny Mpanao Salamo hoe: “ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao” (Salamo 119:11). Mahery vaika ny Tenin’Andriamanitra. Afaka manova ny fiainantsika izany. Ny fanaovana tsianjery ny Soratra Masina, dia iray amin’ireo fitaovana fototra hampiasana izany hery izany.

Ny fanaovana tsianjery ara-potoana ireo andalana ara-baiboly dia manana vokatsoa maro ho an’ny dia ara-panahy ataontsika. Ao anatin’izany ny :
• Famenoana ny saina amin’ny Tenin’Andriamanitra.
• Manome fitaovana hiasan’ny Fanahy Masina ny saintsika.
• Manorina fomba fisainana modely ao amin’ny atidohantsika. Raha manao tsianjery ny Soratra Masina isika, dia mitombo sy mihitatra ireo fomba fisainana modely ireo.
• Mampifandray antsika amin’Andriamanitra. Ireo Soratra Masina natao tsianjery, dia manome antsika fototra miorina mafy ho an’ny fifandraisantsika miaraka amin’Andriamanitra.

Satria noho ny fomba fiasan’ny saina, dia tena manampy ny manana fomba fanaovana tsianjery. Ireo manaraka ireto dia ampahany amin’ny fomba fanaovana tsianjery mitohy ny Soratra Masina:

• Mifidiana dika-teny ara-baiboly hampiasainao amin’ny fanaovana tsianjery, mba hanamafy ny fitadidianao sy hanala ny fisavorovoroana. Tsara kokoa raha mampiasa io dika-teny io ianao ho an’ny fanaovanao tsianjery rehetra.
• Fidio ny andalana tianao hatao tsianjery. Fidio ny andininy izay manana heviny manokana ho anao na nanampy anao tamin’ny fifandraisanao tamin’Andriamanitra.
• Soraty amin’ny karatra ary ento miaraka aminao izany. Avereno imbetsaka ilay andalana mandritra ny andro mba hitadidiana azy.
• Miezaha tsy hanao diso isaky ny mamerina ilay andalana ianao. Hanampy anao amin’ny famindrana ny andalana ho ao amin’ny fitadidianao maharitra izany.
• Diniho lalina ilay andalana amin’ny fomba hampidirana lalina izany. Hanamora ny fanaovana tsianjery izany ary hahatonga izany hanan-danja ho an’ny fiainanao andavanandro.
• Avereno ilay andalana amin’ny andro manaraka, avy eo roa andro aty aoriana, herinandro aty aoriana, ary farany roa herinandro aty aoriana. Izany fomba famerenana izany dia hamindra ilay andalana ho ao amin’ny fitadidianao maharitra.
• Ampiasao amin’ny asa fanompoana ataonao ilay andalana. Izany dia hanamafy ny fomba fanaovana tsianjery, sy hahatonga ilay andalana ao amin’ny Baiboly ho azo ampiasaina amin’ny fanampiana ny hafa.

Somary sarotra ho an’ny sasany ny fanaovana tsianjery, raha mitaha amin’ny hafa. Na izany aza, arakaraka ny ezaka fanazaran-tena dia ho mora kokoa izany. Ireo vokatra amin’ny fiainana voaova dia mendrika ny ezaka natao. Ho voaova ny fiainantsika, ary hampiasa antsika Andriamanitra hanova ny hafa.

VAVAKA
Indro misy vavaka atolotra antsika, hanampy antsika hanomboka ity herinandro ity:

Ray be fitiavana ô, nanendry ny fiainako tamin’ny fomba manokana Ianao nandritra ireo herinandro enina lasa. Mbola manohy mikatsaka fiaraha-mandeha akaiky kokoa Aminao aho. Ampio aho hahafantatra Anao bebe kokoa. Sokafako Aminao ny foko. Ampio aho hahatakatra kokoa izay nomaninao ho ahy. Ampiasao aho hikasika ireo manodidina ahy amin’ny fitiavanao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

MANAOVA LISITR’IZAY TIANAO HO TANTERAHINA AMIN’NY DIANAO ARA-PANAHY MANDRITRA ITY HERINANDRO ITY. ANGATAHO NY FANATREHAN’ANDRIAMANITRA SY NY HERINY HANAMPY MBA AHATANTERAHAN’IZANY.

HERINANDRO 7. ***ALAHADY*** **AMPITAOVANY HO AMIN’NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO

Ny tanjona amin’ny fianarantsika anio dia ny hijery hoe iza moa isika ao amin’ny "Tenan’i Kristy.” Manana maha-izy antsika vaovao mampientanentana isika. Manana andraikitra vaovao miasa ho isan’ny ampahany iankinan’aina ao amin’ny Fiangonan’Andriamanitra isika.

VAVAKA
Tompo ô, ampio amin’ny fanatrehanao aho mandritra ity andro ity. Ampio aho hahazo fa manana tanjona ho an’ny fiainako Ianao. Ampio aho hamatantatra hoe iza moa aho noho ny Aminao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Ny andininy atao tsianjery anio dia faha #13. Mbola hampiasaintsika indray ilay fomba nampiasaintsika nandritra ireo herinandro enina lasa.

1 Petera 2:9---“Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, ‘fanjaka-pisorona, fierenena masina,’ olona nalain’Andriamanitra ho an’ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran’ilay niantso anareo hiala tamin’ny maizina ho amin’ny fahazavany mahagaga. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Mbola tohizantsika ny fomba famerenantsika anio, miaraka amin’ny andininy faha #6 (Matio 11:28-30) sy ny #12 (Galatiana 6:1-2). Mandania minitra vitsy handinihana ny Matio 11:28-30. Ahoana no hahatonga ny fitondrana ny enta-mavesatra miaraka amin’i Kristy hanova ny fiainanao anio?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tonga indray izao ny fotoana hiverenana amin’ny Baiboly sy hijerena izay tian’Andriamanitra hambara amintsika momba ny diantsika miaraka Aminy.

VAKIO LIOKA 10:1-17—Diniho ny tantaran’i Jesosy naniraka ny mpianany hanao asa fanompoana. Alaivo sary an-tsaina hoe iray amin’ireo mpianatra ireo ianao. Nanao ahoana araka ny hevitrao ny fanandramanao? Inona no tsapanao rehefa niverina teo amin’i Jesosy ianao?

_____

_____

VAKIO 1 PETERA 2:4-10—Ampitahao amin’ny Eksodosy 19:6 izany andalana izany. Inona ho antsika ny hevitry ny hoe "fanjakam-pisorona” na «firenena masina?” Ahoana, amin’ny maha-mpisorona antsika no ahazoantsika manambara ny fiderana an’Andriamanitra?

_____

_____

Vakio 2 Korintiana 5:20---Inona no dikan’izany hoe irak’Andriamanitra izany?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra ô, ampio aho hahafantatra ny tenako ao amin’i Kristy. Ampio aho hiaina ity andro ity ho voninahitrao sy ho fiderana Anao. Ampio aho hahazo fa niantso ahy ho amin’ny asa fanompoana marina tahaka izay nataon’ireo mpianatrao tamin’ny lasa Ianao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***ALATSINAINY*** **AMPITAOVANY HO AMIN’NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO

Nantsoina ho amin’ny asa fanompoana isika. Anio dia tiantsika ny hianatra ny antson’i Jesosy tamin’ireo mpianany voalohany, mba hahitantsika fahazavana izay hanampy antsika amin’ny asa fanompoana manokana ataontsika.

VAVAKA

Ray be fitiavana ô, manatona Anao aho anio, manokatra ny fiainako Aminao. Ampianaro ahy ny hevitry ny fiarahana mandeha Aminao. Ampio aho handre ny antsonao ho amin’ny asa fanompoana. Ampio aho hahafantatra hoe aiza no tianao hanompoako anio. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Ny famerenana ny andininy atao tsianjery anio dia hifantoka amin’ny andininy faha #10 (1 Petera 3:15) sy ny faha #13 omaly (1 Petera 2:9). Diniho indray ireo andalana ireo. Inona ireo fahazavana omen’izany anao ny amin’ny maha-ianao anao ao amin’i Kristy?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Fotoana izao hitodihana amin’ny Soratra Masina, mba hahazoana ny antso ho amin’ny asa fanompoana. Mivavaha hanomezan’Andriamanitra anao fahazavana ny amin’izay azonao atao amin’ny Anarany.

VAKIO MARKA 3:13-15—Araka io andalana io, inona ireo antony ambaran’izany andalana izany nanendren’i Jesosy mpianatra roa ambin’ny folo?

_____

_____

Inona no ambaran’io andalana ao amin’ny Marka 3:13-15 io amintsika, momba ny maha-zava-dehibe ny asa fanompoana, amin’ny maha ampahan’ny maha-mpianatra azy?

_____

_____

VAKIO LIOKA 4:16-21—Inona no azontsika ianarana ho an’ny asa fanompoantsika avy amin’ny fifantohana amin’ny asa fanompoan’i Jesosy?

_____

_____

VAKIO JAONA 14:1-14—Inona no ambaran’izany andalana izany amintsika, momba ny asa fanompoana sy ny fototra niaviany? Amin’ny fomba ahoana no ahazoantsika manao “asa lehibe” noho izay nataon’i Jesosy nandritra ny Asa Fanompoany?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Tompo Ray malala ô, ampio aho hahazo fa nantsoina ho amin’ny asa fanompoana aho. Ampio aho hahita olona iray manodidina ahy anio, hahazoako manao asa fanompoana amin’ny Anaranao. Miaraha mandeha amiko mandritra ity andro ity, ary ovay amin’ny fanatrehanao izany. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***TALATA*** **AMPITAOVANY HO AMIN’NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO

Ny tanjontsika anio dia ny hijery ny fahamarinana fa isika tsirairay dia nomena fanomezam-pahasoavana ho amin’ny asa fanompoana. Manome antsika fanomezam-pahasoavana ara-panahy Andriamanitra, hampiasaina hanorenana ny "Tenan’i Kristy.”

VAVAKA
Andriamanitra ô, sokafy ny saiko sy ny foko anio mba handre ny Teninao. Ampio aho hino sy hahazo fa nomenao fanomezam-pahasoavana ho amin'ny asa fanompoana aho. Sokafy ny masoko hahafantarako ny fomba fanompoana Anao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Anio dia mamerina ny andininy atao tsianjery faha #9 (2 Korintiana 5:18-19) isika. Mandania minitra vitsy hamerenana sy handinihana io andalana io. Inona no azontsika ianarana momba ny asa fanompoana avy amin'io lahatsoratra io?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Ny Soratra Masina dia manome antsika toerana ahazoana mitombo miaraka amin'Andriamanitra. Andeha hanokatra ny Baiboly isika, ary hijery ny fanomezam-pahasoavana ho antsika ho amin'ny asa fanompoana.

VAKIO ROMANA 12:1-8—Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny asa fanompoana, ary ahoana no fomba anomanan'Andriamanitra antsika ho amin'ny asa fanompoana?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 12:4-11—Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny tanjon'ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy, sy hoe iza no mamaritra ny fanomezam-pahasoavana ananantsika?

_____

_____

VAKIO 1 KORINTIANA 12:12-26—Inona ireo fiantraikan'izany andalana izany amin'ny asa fanompoana ataontsika?

_____

_____
_
VAKIO 1 KORINTIANA 12 :27-31—Diniho ireo andininy ireo, ary ampiasao izany ho toy ny toeram-panombohana ho famintinana izay nianaranao anio momba ny fanomezam-pahasoavana ho anao amin'ny asa fanompoana?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Tompo ô, nanome fanomezam-pahasoavana ahy ho amin'ny asa fanompoana Ianao. Kanefa mbola tsy fantatro foana hoe inona ireo fanomezana noraisiko na ahoana ny fomba fampiasa azy ireo. Omeo fahendrena aho ahazoako izany. Omeo hery aho hanompoako. Miaraha mandeha amiko mandritra ity andro ity, ary ovay amin'ny fanatrehanao izany. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***ALAROBIA*** **AMPITAOVANY HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO
Ny tanjontsika anio dia ny hahafantatra misimisy kokoa ny fanomezam-pahasoavana omen'Andriamanitra ny Fiangonany. Tiantsika ny hijery ny tanjon'ny fanomezam-pahasoavan'ny fitarihana ao amin'ny Tenan'i Kristy.

VAVAKA

Andriamanitra fitiavana ô, niantso ahy hanaraka Anao amin'ny maha-mpianatra ahy Ianao. Ampiasao izao fotoana izao hanovana ny foko. Tariho ho akaiky kokoa Anao aho. Ampio aho hanompo Anao mandritra ity andro ity. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

ANDININY ATAO TSIANJERY
Tonga eo amin'ny andininy atao tsianjery faha #14 (Kolosiana 3:17) isika. Mbola hampiasa ihany ilay fomba famerenana izay nananantsika nandritra ireo herinandro enina lasa isika.

Kolosiana 3:17---"Ary na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa, dia ataovy amin'ny anaran'i Jesosy Tompo izany, ka misaora an'Andriamanitra Ray amin'ny alalany. »

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY
Tiantsika ihany koa ny hanohy ny famerenantsika miaraka amin'ny andininy faha #7 (Ezekiela 36:26-27) sy #13 tamin'ny alatsinainy (1 Petera 2:9).

Mandania minitra vitsy handinihana ny andininy anio. Ahoana no ahafahan'izany manova ny fiainanao sy ny asa fanompoanao anio?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY
Tonga indray izao ny fotoana hanokafantsika ny Baiboly. Tiantsika ny hianatra izay ambaran'ny Soratra Masina momba ny andraikitry ny fanomezam-pahasoavan'ny fitarihana ao amin'ny "Tenan'I Kristy."

VAKIO ASAN'NY APOSTOLY 6:1-7—Inona no ambaran'izany tantara izany momba ny ilana asa fanompoana samihafa sy ny fomba fiasan'izy ireo ao am-piangonana?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 4:7-16—Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny andraikitry ny pasitora?

_____

_____

Inona no tanjon'ny fanompoana nomena ny vahoakan'Andriamanitra, amin'ny fampiasan'izy ireo ny fanomezam-pahasoavana noraisiny? Inona no ho vokatr'izany?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA
Andriamanitra mahery ô, mahagaga ny mieritreritra fa tianao ny hampiasa ahy ao amin'ny Fiangonanao. Mientanentana tokoa aho mieritreritra ireo fanomezam-pahasoavana natolotrao ahy ho amin'ny asa fanompoana. Ampio aho hamantatra sy hampiasa azy ireo. Miaraha mandeha amiko mandritra ity andro ity. Ampio aho hisokatra amin'ny fanatrehanao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***ALAKAMISY*** **AMPITAOVANY HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO
Anio dia tiantsika ny hamantatra ny tanjon'ny asa fanompoana rehetra ataontsika. Izy rehetrra ireo dia miverina amin'ny fifantohana lehibe iray---manao mpianatra---ireo olona rehetra tia fatratra an'i Jesosy Kristy.

VAVAKA

Andriamanitra ô, ampio aho hahafantatra bebe kokoa ny fitiavanao anio. Ampio aho ho tia Anao bebe kokoa anio. Ampianaro aho ho tia ny hafa manodidina ahy. Sokafy ny foko hahitako fa azoko atao ny mahafantatra an'i Jesosy anio amin'ny fomba lalindalina kokoa noho ny tamin'ny lasa. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Ireo andininy averintsika anio dia ny faha #11 (1 Korintiana 3:16) sy ny faha #14 (Kolosiana 3:17). Mandania indray minitra vitsy handinihana ireo andalana roa ireo. Ahoana no ahafahan'izany hevitra izany manova ny fiarahanao mandeha amin'Andriamanitra?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Fotoana izao hanokafana ny Tenin'Andriamanitra indray. Tiantsika ny hianatra sy handinika ny tanjon'Andriamanitra ho an'ny asa fanompoana.

VAKIO MATIO 24:1-14—Inona no ambaran'ireo andininy ireo amintsika momba ny fotoana izay iainantsika? Inona no ambaran'ilay andininy farany amintsika?

_____

_____

VAKIO MATIO 28:16-20—Ahoana araka ny eritreritrao no maha-zava-dehibe ireo tenin'i Jesosy farany tamin'ny mpianany, nahoana?

_____

_____

MARIHO NY ANDININY 18 SY 20. Inona no ambaran'ireo andininy roa ireo amintsika, momba ny tontolo-kevitry ny iraky ny filazantsara?

_____

_____

Inona no ambaran'ny andininy 18-20 antsika ho tanjon'ny fiantsoana antsika amin'ny asa fanompoana? Inona ireo fiantraikany aterak'izany ho anao?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Tompo be fitiavana ô, ampio aho hahatsiaro fa nizara ny fanatrehanao amiko Ianao, mba hanampiana ny hafa hahafantatra sy hiara-mandeha Aminao. Misaotra Anao noho ny tombontsoan'ny asa fanompoana sy ny fampanantenana ny herinao. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***ZOMA*** **AMPITAOVANY HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA**

NY TANJONA ANIO

Ny tanjontsika anio dia ny hamintina ny fianarantsika ny maha-mpianatra sy ny asa fanompoana. Tiantsika ny handinika ny fomba nanantaterahan'Andriamanitra ny Teny Fikasany, fa raha mitady Azy isika dia ho hitantsika Izy.

VAVAKA

Ray be fitiavana ô, ireo herinandro fito lasa dia tena dia nientanentana tokoa niaraka taminao. Ampio aho hahatsapa fa vao fanombohana fotsiny izany. Ampio aho hahita fa maniry ahy hahafantatra Anao bebe kokoa Ianao. Sokafy ny masoko anio ho amin'ireo fahagagan'ny fitiavanao sy izay tianao atao amin'ny alalako. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

FAMERENANA NY ANDININY ATAO TSIANJERY

Anio dia tiantsika ny hamerina ny andininy atao tsianjery faha #12 (Galatiana 6:1-2) sy #14 (Kolosiana 3:17). Mandania indray minitra vitsy handinihana ireo andininy roa ireo. Ahoana no anampian'izy ireo anao amin'ny fifandraisanao amin'Andriamanitra sy ny asa fanompoana ataonao?

_____

_____

FAMAKIANA SY FANDINIHANA NY BAIBOLY

Tiantsika ny hanohy ny fahazarantsika isan'andro, amin'ny famadihana ny Tenin'Andriamanitra ho amin'ny fianarana sy fandinihana:

VAKIO MATIO 12:15-21—Inona no ambaran'ireo andininy ireo momba an'i Jesosy sy ny Asa fanompoany? Inona no azontsika hianarana avy amin'izany andalana izany, ka hanampy antsika amin'ireo asa fanompoana ataontsika manokana?

_____

_____

VAKIO EFESIANA 3:14-21—Inona no azontsika hianarana avy amin'ireo andininy ireo momba ny fototry ny asa fanompoana rehetra?

_____

_____

Inona no vokatry ny fahafantarana feno ny fitiavan'Andriamanitra? (Jereo ny andininy 19.)

_____

_____

Inona no azon'Andriamanitra atao ho antsika sy amin'ny alalantsika? Iza no tokony hahazo ny dera?

_____

_____

VAVAKA FANOLORAN-TENA

Andriamanitra mahery ô, tonga eo amin'ny fiafaran'ny planin'ireo Dingana Ahatongavana ho Mpianatra izahay. Ampio aho hahafantatra fa tsy izany no farany, fa fanombohana fotsiny. Ampio aho hanohy ny fotoanako miaraka Aminao sy ny Teninao isan'andro. Raiso ny fiainako. Ampio aho hiara-mandeha Aminao amin'ny maha-mpianatra ahy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena.

HERINANDRO 7. ***FEHINY*** **AMPITAOVANY HO AMIN'NY ASA FANOMPOANA**

Ny fianarana tamin'ity herinandro ity dia nitondra antsika ho amin'ny loha-hevitry ny fiantsoana ho amin'ny asa fanompoana, sy ireo fanomezam-pahasoavana izay omen'Andriamanitra antsika ho amin'izany asa fanompoana izany. Ny tsirairay amintsika dia nomena fanomezam-pahasoavana sy nantsoina ho amin'ny asa fanompoana. Ny tsirairay amintsika dia ampahany manan-danja ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra. Lanio ireo minitra vitsy manaraka handinihana ny dikan'ny fianarana nandritra ity herinandro ity ho an'ny diantsika miaraka.

Ahoana no nampisy fiantraikany taminao sy ny fiainanao nandritra ireo fito herinandro lasa ny fotoana fiarahanao amin'Andriamanitra isan'andro? Inona no fiovana aterak'izany amin'ny fomba fiainanao?

_____

_____

Taiza no nanandramanao fihaikana tamin’ny maha-mpianatra anao, nandritra ireo fito herinandro lasa?

_____

_____

Ahoana no nanombohan’izay “nataon’Andriamanitra ho anao” hisy fiantraikany amin’ny fiainanao?

_____

_____

Inona araka ny hevitrao no fanomezam-pahasoavana nomen’Andriamanitra ho anao, ho amin’ny asa fanompoana? Inona ireo toerana ifantohan’ny fitiavana na faniriana izay mety ho toerana mahomby amin’ny asa fanompoana?

_____

_____

Ahoana no tianao hahitana an’Andriamanitra miasa amin’ny fiainanao mandritra ireo herinandro vitsivitsy ho avy?

_____

_____

HERINANDRO 8 **PLANA HO AMIN’NY HO AVY**

FAMPIDIRANA

Tonga eo amin’ny famaranana ny plana ho an’ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra* isika. Kanefa, tsy izany no farany. Raha ny marina, dia izany no fanombohana fomba fiaina iray. Fito herinandro lasa izay, dia nanaiky hanokana 30-45 minitra isan’andro amin’ny fikatsahana fiaraha-mandeha akaiky kokoa amin’Andriamanitra isika. Nihaino ny vavaka nataontsika Izy. Nampitombo ny fiainantsika isan’andro ny fotoana niarahana Taminy. Moa tsy fotoana ve izao hanohizana izany amin’ny fanoloran-tena matotra kokoa, ho amin’ny fomba fiaina maha-mpianatra miaraka amin’i Jesosy? Raha nanova ny fiainanao izany plana nandritra ny fito herinandro izany, nahoana raha hatao fomba fiaina izany?

Misy dingana efatra azo ampiharina, izay hanampy anao amin’ny famindrana avy amin’ny dingana nandritra ny fito herinandro ho lasa fomba fiainanao amin’ny fanamafisana ny fifandraisanao amin’i Kristy.

MANAMAFY NY FIFANDRAISANA

Ny dingana voalohany manan-danja amin’izany famindrana izany, dia ny fanamafisana ny fifandraisanao amin’Andriamanitra amin’ny alalan’i Jesosy Kristy. Misy fototra telo hanamafy izany fanamafisana izany:

• Mifidy isan’andro hino fa Jesosy no Mpamonjinao, ary manana fiainana mandrakizay ao Aminy ianao.
• Mifidy isan’andro ny hanaiky an’i Jesosy ho Tompon’ny fiainanao, manasa Azy hitarika sy handray andraikitra amin’ny endri-piainanao tsirairay.
• Mifidy isan’andro ny hanaiky ny fahamarinan’i Kristy mitoetra ao anaty amin’ny finoana.

Ireo safidy telo eo ambony ireo no nifantohantsika tamin’ny herinandro 2-4 tamin’ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra*. Tena tsara raha miverina amin’ny fitaovana ao amin’ny tari-dàlana ho an’ny mpandray anjara ho an’ireo herinandro telo ireo isika, ho fomba hamerenana sy hanamafisana ireo safidy ireo.

FOTOANA ISAN’ANDRO MIARAKA AMIN’ANDRIAMANITRA

Ny dingana faharoa hanamafisana ny famindrana ny maha-mpianatra ho fomba fiaina miaraka amin’i Jesosy, dia ny fanohizana ny fotoana isan’andro miaraka amin’Andriamanitra amin’ny vavaka sy fianarana ny Baiboly. Izany fotoana miaraka amin’Andriamanitra izany no fototry ny hery voalohany amin’ny tanjaka ara-panahy.

Nandritra ny fito herinandro lasa, dia nizatra ny fotoana isan'andro miaraka amin'Andriamanitra ianao. Izany fahazarana izany dia ilaina hazonina sy hamafisina. Raha tsy mametraka izany fotoana isan'andro miaraka amin'Andriamanitra izany ianao, ka tsy manao izany amin'ny fandaharam-potoananao, dia ho very izany fahazarana izany. Indro misy soso-kevitra azo ampiharina ho amin'ny fotoam-bavaka isan'andro:

• Mijanona ho mahatoky amin'ny fotoananao isan'andro miaraka amin'Andriamanitra. Hatramin'izao dia hitanao fa azo atao ny manana 30-45 minitra miaraka amin'Andriamanitra isan'andro, ho isan'ny fahazarana isan'andro. Tohizo izany!
• Manàna tanjona manokana amin'izay tianao hotanterahina na horaisina ho vokatra ny fiainam-bavaka ataonao isan'andro. Mety amin-kapobeny izany na amin-tsipiriany araka ny tianao hanaovana azy. Ny fananana tanjona mazava dia hanampy amin'ny fanamafisana ny maha-zava-dehibe sy ny tombam-bidin'ny fotoanantsika miaraka amin'Andriamanitra isan'andro. Ao anatin'izany tanjona izany ny fahalalana, ny fifandraisana, ny endriky ny fomba fiaina isan'andro.
• Ivereno ireo *Dingana Ahatongavana ho Mpianatra.* Maro ireo olona nilaza fa tsy afaka miditra lalina amin'ny loha-hevitra araka ny fanirian'izy ireo. Ny fiverenana indray amin'ny fitaovana tsy miova dia hanampy anao handalina ny fahazoanao ireo loha-hevitra. Tsy ilainao ihany koa ny manandrana mamita ny zavatra rehetra ao anatin'ny fito herinandro. Ny zava-dehibe dia ny fananananao fotoana isan'andro miaraka amin'Andriamanitra amin'ny vavaka sy ny Teniny. Mety raha toa ka ilainao ny mandany fotoana mihoatra ny indray andro amin'ny fizarana iray.
• Manomàna plana ho amin'ny fotoana fiarahanao amin'Andriamanitra isan'andro. Raha tsy misy plana, izany fotoana izany dia ho simba sy ho very ny fifantohany. (Hahita dingana ho amin'ny fanomanana plana amin'ny fotoam-bavaka ataonao isan'andro ianao ao amin'ny pejy 118-121 amin'ity fitaovana ity.)
• Manaova fotoana hihaonanao amin'Andriamanitra isan'andro. Raha ilaina izany, dia soraty amin'ny fandaharam-potoana na ny alimanaka ny fotoana isan'andro miaraka amin'Andriamanitra.

Tsarovy, ny herin'ity dingana ity dia ao amin'Andriamanitra sy ny Teniny. Ny fotoanantsika miaraka Aminy dia hanome antsika valisoa amin'ny harena mitohy ho fanovana antsika ho tahaka Azy.

ZARAO NY FANANDRAMANAO

Ny dingana fahatelo azo ampiharina amin'ny famindrana ny maha-mpianatra ho fomba fiaina, dia ny fanombohana mizara izay noraisinao avy amin'Andriamanitra. Angataho Andriamanitra hanome anao heri-po hizara. Avy eo, avelao izany hiseho ara-boa-janahary. Indro misy hevitra azo ampiharina:

• Manorata fijoroana ho vavolombelona fohy, ny amin'izay ataon'Andriamanitra amin'ny fiainanao. Azonao atao ny manomboka amin'ny fomba nanovan'ireo fito herinandro lasa ny fifandraisanao Aminy. (Jereo ny tari-dàlana ho amin'ny fijoroana vavolombelona ao amin'ny pejy 122-123 amin'ity fitaovana ity.)
• Angataho Andriamanitra hitarika anao ho eo amin'ny olona manodidina anao izay mila mandre ny momba Azy. Omeo alalalana Izy hitondra azy ireo ho eo amin'ny fiainanao. Tsarovy, Izy no Ilay Iray hanome anao fahendrena amin'izay hozaraina sy ny fomba fizarana izany.
• Fantaro ireo olona manokana manodidina anao tsy mahafantatra an'Andriamanitra na mety mila mitombo amin'ny fifandraisany miaraka amin'Andriamanitra. Ataovy lisitra ireo olona ireo, ary manomboha mivavaka amin'ny fomba manokana ho azy. Omeo alalalana Izy hitondra azy ireo ho eo aminao.
• Zarao izay ataon'Andriamanitra ho anao. Tsarovy, tsy asanao ny manova ny fon'ny olona. Ny Fanahy Masina no hanao izany amin'ny Fotoany sy ny Toerany. Kanefa, tiany ny hampiasa anao hanandratra an'i Jesosy sy hanao Azy ho tena misy marina. Ny fomba tsara indrindra hanaovana izany dia amin'ny alalalan'ny fanambarana ny tantaranao manokana.

Ny fizarana izay ataon'Andriamanitra amin'ny fiainanao, dia ampahany voa-janahary amin'ny dingana fitomboana ara-panahy. Fantatro fa mampahatahotra izany. Matokia an'Andriamanitra mba hanampy hitrangan'izany amin'ny fiainanao.

AMPIASAO IZANY

Ny dingana azo ampiharina fahaefatra amin’ny fampifandraisana ny Dingana Ahatongavana ho Mpianatra nandritra ny fito herinandro ho amin’ny fomba fiaina, dia ny fiasana. Fantaro ireo fanomezam-pahasoavana anananao. Fantaro ny asa fanompoana ho anao. Ampiasao amin’ny fiainanao izany. Indro misy tolo-kevitra mety hanampy anao:

• Ekeo ny fahamarinana fa niantso anao ho amin’ny asa fanompoana Andriamanitra. Izany asa fanompoana izany dia isan’ny antony mahatonga anao eo amin’ny toerana misy anao. Minoa ny antso natao taminao.
• Fantaro ireo fanomezam-pahasoavana anananao. Jereo ireo talenta voa-janahary, mifanaraka amin’ny fahatsapanao ny fandresen-dahatr’Andriamanitra sy ny faniriana napetrany ao an-tsainao. Resaho amin’ny namana akaiky anao izany. Inona ireo fahaiza-manao hitan’ny hafa eo aminao? Jereo miaraka amin’ny pasitoranao, ary manaova Tombana ireo Fanomezam-pahasoavana Ara-panahy. Ny zava-dehibe indrindra, ataovy antom-bavaka izany ary henoy Andriamanitra. Ho ataony mazava ireo fanomezam-pahasoavanao. Tsy niantso na oviana na oviana ho amin’ny asa fanompoana Izy, ka tsy manomana antsika ho amin’izany.
• Mitadiava fotoana fanararaotra ho amin’ny asa fanompoana ao am-piangonana sy ny fiaraha-monina. Ahoana no ahafahanao manompo an’Andriamanitra, amin’ireo fanomezam-pahasoavana sy antso nomeny anao?
• Manomboha mampiasa ireo fanomezam-pahasoavana anananao. Ampiasao izy ireo. Ampiasao ho voninahitr’Andriamanitra izy ireo.

MANOMANA PLANA
Ny fananana plana ho an’ny fiainam-bavaka ataonao isan’andro, dia fitaovana mahery vaika hitondra heviny manokana ho an’ny fiainam-bavakao:

• Tanjona na tarigetra mazava. Raha tsy fantatrao hoe mankaiza ianao, dia tsy ho tonga eo na oviana na oviana.
• Fotoana sy toerana manokana. Ny fananana fotoana sy toerana tsy miova amin’ny fihaonanao amin’Andriamanitra, dia hanamora ny fihazonana fiainam-pivavahana ara-dàlana.
• Fitaovana ara-dàlana. Ho mora kokoa ho anao ny manomboka amin’ireo *Fahazarana Masina.* Avy eo dia itaro ho amin’ny fahazoa-manao sy fitaovana vaovao izany.

FANOMANANA PLANA
Indro misy drafitr’asa hanampy anao hanomana plana ho amin’ny fotoam-pivavahana ataonao. Miasà amin’ny alalan’ireo fanontaniana sy fizarana eto ambany hanampy anao hanomana ny plana ampiasainao.

SORATY IREO TANJONA NA TARIGETRA HO AN’NY FOTOAM-PIVAVAHANA ATAONAO:

1. _____
   _____
2. _____
   _____

Soraty ny toerana sy ny fotoana tsara indrindra ho an’ny fiarahanao amin’Andriamanitra isan’andro:

Toerana : ……..

Fotoana isan’andro : ……

Ataovy lisitra ireo *Fahazarana Masina* na ireo fitsipika ara-panahy moramora kokoa sy manan-danja kokoa ho anao: (Nandritra ireo fito herinandro lasa, dia hitantsika ireto *Fahazarana Masina* manaraka ireto: Famakiana Fampifandraisana ny Baiboly, Vavaka, Fahafahana Masina, Mizatra ny Fanatrehan’Andriamanitra, Fanaovana Diary, Fandinihana Lalina, Fanaovana Tsianjery ny Soratra Masina.)

_____
_____

Inona ireo *Fahazarana Masina* tianao ampidirina amin’ny fotoananao miaraka amin’Andriamanitra mandritra ity volana vaovao ity?

_____

_____

Inona ireo ampahan’ny Soratra Masina tena tianao?

_____

_____

Inona ireo zavatra vaovao ao amin’ny Soratra Masina, tianao hojerena? (Raha vao manomboka ny fotoam-bavaka eo amin’ny fiainanao ianao, atombohy amin’ireo Filazantsara ao amin’ny Testamenta Vaovao sy ireo Salamo ao amin’ny Testamenta Taloha izany.)

_____

_____

Inona eo amin’ny fiainanao no ilaina mitombo amin’ny fiarahanao mandeha amin’Andriamanitra, amin’ny maha-mpianatra anao?

_____

_____

Inona ireo andininy fototra ao amin’ny Baiboly tianao atao tsianjery?

_____

_____

PLANA DRAFITR’ASA HO AMIN’NY FOTOAM-PIVAVAHANA ISAN-KERINANDRO AMIN’NY HO AVY.

AMPIASAO ITY DRAFITR’ASA ITY HANAMPY ANAO HANOMANA NY FOTOANANAO MIARAKA AMIN’ANDRIAMANITRA MANDRITRA NY HERINANDRO.

Inona no tianao ho tanterahina amin’ny fotoam-pivavahana ataonao mandritra ity herinandro vaovao ity?

_____

_____

Inona no andalana na tantara fototra tianao hifantohana, mandritra ny fotoana hiarahanao amin’Andriamanitra amin’ity herinandro vaovao ity?

_____

_____

Inona ireo *Fahazarana Masina* tianao hampiasaina mandritra ity herinandro vaovao ity?

_____

_____

Inona amin’ny fiainanao no tianao hovelarina eo anatrehan’Andriamanitra, amin’ny fomba vaovao mandritra ity herinandro vaovao ity?

_____

_____

Iza, na inona no ivavahanao anio?

_____

_____

Inona no andalana ara-baiboly fototra nifantohanao, nandritra ny fotoananao miaraka amin’Andriamanitra anio?

_____

_____

Ahoana no ahazoana mampihatra ireo foto-kevitra ao amin’io andalana io eo amin’ny fiainanao anio?

_____

_____

Inona no andininy manokana avy amin’ny fianarana anio, no mitoetra ao an-tsaina ho andininy atao tsianjery?

_____

_____

Soraty amin’ny karatra ny andininy, ary araho ilay fomba nampiasaintsika ao amin’ny plana amin’ireo *Dingana maha-Mpianatra.* Na, inona ny andininy averinao anio?

_____

_____

Soraty ireo andro hamerenanao io andalana io. Soraty ao ambadiky ny karatra fanaovana tsianjery ireo daty, ka ampiasao izy ireo handaharana ny fotoana hamerenanao.

Famerenana ny andro manaraka: Famerenana roa andro aty aoriana:

Famerenana herinandro aty aoriana: Famerenana roa herinandro aty aoriana:

Inona no antom-bavaka manokana anananao, ho an’ny fiarahanao mandeha amin’Andriamanitra, amin’ny maha-mpianatra anao anio?

_____

_____

MIOMANA HIZARA **PLANA HO AMIN’NY HO AVY**

Araka ny fantatsika ankehitriny, ny fizarana dia ampahany lehibe amin’ny dia maha-mpianatra. Ity endrika ity dia nomanina hanampy anao, hiomana sy hanomana ny fizarana ataonao.

Manomana ny fijoroana ho vavolombelona ataon’ny tenanao manokana---Ampiasao ireto fanontaniana manaraka ireto, hanoratana ny fijoroana ho vavolombelona ataonao. Aoka ho fohy, tsotra, ary voafintina araka izay azo atao.

_____

_____

Nanao ahoana ny fiainanao mialoha ny nihaonanao tamin’i Jesosy?

_____

_____

Ahoana no nahatonga anao hahafantatra an’i Jesosy ho Mpamonjy ny tenanao manokana?

_____

_____

Ahoana no fomba fiovan’ny fiainanao raha eo ampiarahana mandeha amin’Andriamanitra ianao?

_____

_____

Inona no zavatra maro samihafa ataonao, hanampy ny fiarahanao mandeha amin’Andriamanitra?

_____

Iza no napetrak’Andriamanitra manodidina anao, ka tsy mahafantatra an’Andriamanitra na maniry fiarahana mandeha lalindalina kokoa amin’Andriamanitra?

1._____
2._____
3. _____
4. _____
5. _____
6. _____
7. _____
8. _____
9. _____
10. _____

Oviana no eritreretinao hanombohana vavaka ho an’ny tsirairay amin’ireo olona rehetra ireo?

_____

_____

Mivavaha, mangataka amin’Andriamanitra hanome anao herim-po hizara sy hanokatra varavarana ahafahanao mizara.

TSO-DRANO IREO DINGANA AHATONGAVANA HO MPIANATRA

TSO-DRANO AMIN’IREO DINGANA MAHA-MPIANATRA
ANDRIAMANITRA FITIAVANA ANIE HIARA-MANDEHA AMINAO ANIO.
JESOSY, TOMPON’NY FIAINANA ANIE HITOETRA AO AM-PONAO.
NY FANAHY MASINA ANIE HAHATONGA NY FIFANDRAISANAO AMIN’ANDRIAMANITRA HO TENA IZY ANIO.
ANDRIAMANITRA FITIAVANA ANIE HANOVA IREO FIFANDRAISANAO ANIO.
HITOMBO ANIE NY FIFANDRAISANAO AMIN’I JESOSY ANIO.
HITOMBO MIARAKA AMIN’ANDRIAMANITRA ANIE NY FIAINANAO ANIO.

LISITR’IREO ANDININY ATAO TSIANJERY **FANAMPINY**

ANDININY ATAO TSIANJERY #1
Jeremia 31:3__ “Tany lavitra any no nisehoan’i Jehovah tamiko ka nanao hoe : Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao. ”

ANDININY ATAO TSIANJERY #2
Salamo 34:8---“Andramo ka izahao fa tsara Jehovah ; sambatra izay olona mialoka aminy. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #3
Efesiana 2:8-9--- “Fa fahasoavana no namonjena anareo amin’ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin’Andriamanitra ; tsy avy amin’ny asa, fandrao hisy hirehareha. »
ANDININY ATAO TSIANJERY #4
1 Jaona 5:13---“Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran’ny Zanak’Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #5
Ohabolana 3:5-6---“Matokia an’i Jehovah amin’ny fonao rehetra, fa aza miankina amin’ny fahalalanao ; maneke Azy amin’ny alehanao rehetra, fa Izy handamina ny làlanao. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #6
Matio 11:28-30---“Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana. Ento ny ziogako, ka mianara amiko ; fa malemy fanahy sady tsy miavona am-po Aho ; dia hahita fitsaharana ho an’ny fanahinareo ianareo. Fa mora ny ziogako, ary maivana ny entako. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #7
Ezekiela 36:26-27---“Ary homeko fo vaovao ianareo, ary fanahy vaovao no hataoko ao anatinareo, ary hesoriko amin’ny nofonareo ny fo vato, ka omeko fo nofo ianareo. Ary ny Fanahiko no hataoko ao anatinareo, ka hahatonga anareo handeha araka ny lalàko sy hitandrina ny fitsipiko ka hanaraka azy. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #8
2 Petera 1:3-4---“Efa nomen’ny herin’Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny fiainana sy ny toe-panahy araka an’Andriamanitra amin’ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin’ny voninahiny sy ny fahatsarany; ary izany no nahatanterahany amintsika ireo teny fikasana sady soa no lehibe indrindra, mba ho tonga mpiray amin’ny fomban’Andriamanitra amin’izany ianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin’izao tontolo izao noho ny filàna. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #9
2 Korintiana 5:18-19---“Fa izany rehetra izany dia avy amin’Andriamanitra, Izay nampihavana antsika taminy amin’ny alalan’i Kristy sady nanome anay ny fanompoana fampihavanana, dia izao: Andriamanitra ao amin’i Kristy no nampihavana izao tontolo izao taminy ka tsy nanisa ny fahadisoany; ary efa napetrany aminay ny teny fampiahavanana. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #10
1 Petera 3:15---“Fa manamasìna an’i Kristy ho Tompo ao am-ponareo ; ary aoka ho vonona mandrakariva ianareo hamaly izay manontany anareo ny amin’ny anton’ny fanantenana ao anatinareo, nefa amin’ny fahalemem-panahy sy ny fanajana. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #11
1 Korintiana 3:16---“Tsy fantatrareo va fa tempolin’Andriamanitrra ianareo, ary ny Fanahin’Andriamanitra mitoetra ao anatinareo? »

ANDININY ATAO TSIANJERY #12
Galatiana 6:1-2---“Ry rahalahy, raha misy olona azon’ny ota tsy nahy aza, dia atsanganonareo izay manana ny Fanahy amin’ny fahamorana izy, ka mihevera ny tenanao, fa ianao koa mba halaim-panahy ihany. Mifampitondrà izay mahavesatra, ary aoka izany no hahatanterahanareo ny lalàn’i Kristy. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #13
1 Petera 2:9---“Fa ianareo kosa dia taranaka voafidy, ‘fanjaka-pisorona, fierenena masina,’ olona nalain’Andriamanitra ho an’ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran’ilay niantso anareo hiala tamin’ny maizina ho amin’ny fahazavany mahagaga. »

ANDININY ATAO TSIANJERY #14
Kolosiana 3:17---“Ary na inona na inona ataonareo, na amin’ny teny, na amin’ny asa, dia ataovy amin’ny anaran’i Jesosy Tompo izany, ka misaora an’Andriamanitra Ray amin’ny alalany. »